# Andry iorenan'ny finoana

AMIN'NY ANARAN'NY TOMPO ALLAH ILAY BE INDRAFO SY BE FIHANTRANA

# FANOLORANA

Dera sy voninahitra ho an'Ilay avo, Allah Soubhana hou oata'ala, izay nahary ny zanako'olombelona sy ny vazimba mba hanompo azy ary izy irery ihany no mendrika hotompoina, tsy nateraka izy ary tsy niteraka, ary mitsangana ho vavolombelona aho ary manaiky marina am-po sy am-bava fa i Mouhammad dia andevony no sady mpaminaniny ary irany, tsodranon'i Allah anie ho azy.

Niezaka izahay nandika an'ity boky izay atao hoe: Andry iorenan'ny finoana ity amin'ny teny Malagasy mba hanazava amin'ny vahoaka Malagasy fa tsy feno ny finoan'ny Mpino anakiray raha tsy feno aminy ireo andry iorenan'ny finoana ireo ary famporisihana izy ireo hiala amin'ny haizina:anisan'izany ny fangatahana amin'ny olona maty, ny fanompoan-tsampy, ny filazana fa manan-janaka Allah ary hitarika izy ireo ho amin'ny finona tena marina dia ny finoana islam sy ny fanompoana tena marina dia ny fanompoana Allah tokana izay tsy niteraka sy tsy nateraka ary tsy misy mpikambana aminy.

Niteny Tompo Allah manao hoe: "Tsy nodidianay izy ireo afa tsy ny hoe hanompo Alla tokana ".

Mbola niteny Ilay Avo manao hoe: "Tsy namboariko ny vazimba sy ny zanak'olombelona afa tsy hoe hanompo ahy ".

Mbola niteny ilay Avo manao hoe:"Tsy nalefanay ianao (ry Mouhammad) afa tsy hoe ho indrafon'izao tontolo izao ".

Midika ity andininy farany ity fa i Mpaminany Mouhammad (tsodranon'i Allah anie ho azy) dia Mpaminany sy iraka ho an'ny zanak'olombelona rehetra tsy ankanavaka.

Koa eto ny tenako dia maneho ny fisaorana eram-po sy erantsaina ireo Tompon'Andraikitra ao amin'ny Oniversite Islamika eto Madina amin'ny ezaka lehibe vitan'izy ireo amin'ny fanaparitahana ny finoana tena marina sy fampandrosoana ny Islamo.

Andriamanitra anie hanalava ny andro iainan'izy ireo amin'ny fahasalamana sy fahasambarana ary hanome azy ireo ny fiadanana eto an-tany sy ny Paradisa amin'ny andro farany. **ANDRY IORENAN'NY FINOANA**

Amin'ny anaran'i Tompo Allah ilay be indrafo sy be fihantrana

Dera sy fihobiana ho an'i Allah irery ary tso-drano sy fandriampahalemana anie ho ani'ilay tsy misy mpaminany ny aoriany, Mpaminaninay Mouhammad ben Abdillah tso-dranon'i Allah anie ho azy sy ny fianakaviany ary ireo mpiara-dia aminy.

Ary manaraka :

Marina fa ny fanaparitahana ny fahalalana ara-tsilamo dia manana fiantraikany lehibe indrindra eo amin'ny fanazavana ny fahamarinan'ny Islam sy ny fametrahana ireo tohana amin'ny fiovana ary ireo fomba fanarenana ny vahoaka rehetra.

Ary ity tanjona fototra (tsara indrindra) ity dia niazakazahan'ny Oniversite Islamika ny fampiharana azy amin'ny alalan'ny fampielezan-kevitra sy ny fampianarana. Mba ho fandraisana anjara amin'ny fampiharana an'izany dia nitsanga ny Foto-pikarohana ara-pahalalana eo amin'ny Oniversite amin'ny alalan'ny fametrahana lamina sy ny fanomanana ireo karazana anton'asa ara –pahalalana misy tanjona; ary an'isan'izany ireo fianarana mendrika amin'ny Islam sy ny hatsarany ary ny fanaparitahana azy;Ny hiarovana amin'izany dia ny fitsinjovana ireo taranaka mandimby silamo amin'ny alalan'ny fahalalana itokisana, ny tena marina amin'ny silamo sy ny foto-pinoany ary ireo lalanany.

Ary ity fianarana mikasika ny andry iorenan'ny finoana ity dia anisan'ny programan'ny foto-pahalalana,izay hoe niatrehan'ny sasany amin'ireo mpiandraikitra ao amin'ny hetsika ara-

pampianarana ao amin'ny Oniversite amin'ny fanoratana ny lohateny, avy eo nodinihin'ny masoivoho ara-pahalalana (sampana) ao amin'ny Oniversite amin'ny fandinihina izay nisoratan'izy ireo, ny famenoana ny tsy ampy ary ny famoahana azy amin'ny endrika mety miaraka amin'ny fitsimbinana amin'ny famatorana iarahan'ny fiarovana amin'ny famatorana ireo raharaha ara-pahalalana amin'ny alalan'ny porofo avy amin'ny boky masina (Coran) sy avy amin'ny fomba amam-panaon'ny Mpaminany.

Miaro mafy ny foto-pikarohana,mandritra an'ity fianarana ity,amin'ny fametrahana taranaka Islam manerana ny tontolo Islamika mba ahatongavana amin'ny fahalalana ara-pinoana misy tombotsoa, noho ny anton'izany no nitsanganany amin'ny fandikana ireo fahalalana ara-pinoana ireo amin'ny teny maro eran'izao tontolo izao sy ny fanaparitahana ary ny fiantohana azy amin'ny chaine (reseau) ny fahalalana eran-tany.

Ity dia angatahintsika amin'ny Ilay avo mba hanome valisoa ny fanjakan' Andrinan'ny Arabia Saoudita ny valisoa tsara indrindra ary hamaly soa ireo ezaka lehibe natolony tamin'ny fikarakarana ny Islam ny fanaparitahana azy,ny fiarovana ny tanindrazana ary amin'ny fampiantranoan'ny Oniversite an'izany amin'ny alalan'ireo tosika ary ny fitsimbinana avy amin'izany.

Ary mangataka amin'i Allah izay mpizara ny reziky sy Avo indrindra mba hampisy tombotsoa an'ity fianarana ity ary hankasitraka amin'ny famoahana ireo vinavinan'asa ny foto-pahalalana sisa noho ny fanomezany sy ny fahamasinany,tahaky ny angatahintsika amin'Ilay avo mba hankasitraka ary hametraka antsika ho an'isan'ireo mpanao fampielazan-kevitra voahitsy ary mpanohana ny fahamarinana.

Ary tso-dranon'i Allah ho ani'ilay andevony sy ny irany, i mpaminany Mouhammad sy ho an'ny fianakaviany ary ireo mpiara-dia aminy miaraka amin'ny fandriam-pahalemana.

# ANDRY IORENAN'NY FINOANA

Izy io dia finoana Allah, ireo anjeliny, ireo bokiny,ireo irany, ny andro farany, ary ny lahatra tsara sy ny ratsy.

Niteny Tompo Allah manao hoe:

﴿وَلَكِنَّ الْبِرَّ مَنْ آمَنَ بِاللَّهِ وَالْيَوْمِ الْآخِرِ وَالْمَلَائِكَةِ وَالْكِتَابِ وَالنَّبِيِّينَ﴾ [سورة البقرة: من الآية١٧٧].

Izay adika manao hoe: "nefa ny tsara kosa ho an'izay nino an'i Allah, ny andro farany, ireo anjely, sy ny boky masina (coran) ary ireo mpaminany ". (Sourate al-bakara, and: 177)

Mbola niteny ihany koa i Tompo Allah manao hoe:

﴿آمَنَ الرَّسُولُ بِمَا أُنْزِلَ إِلَيْهِ مِنْ رَبِّهِ وَالْمُؤْمِنُونَ كُلٌّ آمَنَ بِاللَّهِ وَمَلَائِكَتِهِ وَكُتُبِهِ وَرُسُلِهِ لَا نُفَرِّقُ بَيْنَ أَحَدٍ مِنْ رُسُلِهِ وَقَالُوا سَمِعْنَا وَأَطَعْنَا غُفْرَانَكَ رَبَّنَا وَإِلَيْكَ الْمَصِيرُ﴾ [سورة البقرة:٢٨٥].

Izay adika manao hoe: "nino ilay iraka amin'izay nampidinina aminy avy amin'ny Tompony sy ireo mpino. Ireo rehetra ireo dia nino an' i Allah, sy ireo Anjely,sy ireo bokiny ary ireo irany. Tsy navahanay ny iray amin'ireo irany Ary niteny izy ireo henonay izany ary ankatoavinay ny famelan-keloky ny Tompo ary aminao anie no hizoranay". (Sourat al-bakara, and: 285)

Mbola niteny Tompo Allah:

﴿إِنَّا كُلَّ شَيْءٍ خَلَقْنَاهُ بِقَدَرٍ﴾ [سورة القمر:٤٩].

Izay adika manao hoe: " Marina fa namboarinay ny zava-drehetra amin'ny lahatrany ". (Sourat al-kamar,and: 49)

Ary niteny Ilay mahafatoky, tso-dranon'Allah anie ho azy hoe :

وقال النبي –صلّى الله عليه وسلم-: ((الإيمان أن تؤ من با لله وملا ئكته وكتبه ورسله واليوم الآخر وتؤمن با لقدر خيره وشره )) رواه مسلم

Izay adika manao hoe: "Ny finoana dia ny finoanao ny Allah,ireo anjeliny,ireo bokiny,ireo irany sy andro farany ary ny finoanao ny lahatra,tsara aminy sy ny ratsy aminy". (Navoaky ny Mouslim)

**Ary ny atao hoe: Finoana**

"Izy io dia teny avoaky ny vava (lela) sy ny finoana am-po ary ny asa ety ivelany, mitombo eo amin'ny fahendrena ary mihena kosa eo amin'ny fahotana.

Niteny ilay avo manao hoe:

﴿ إِنَّمَا الْمُؤْمِنُونَ الَّذِينَ إِذَا ذُكِرَ اللَّهُ وَجِلَتْ قُلُوبُهُمْ وَإِذَا تُلِيَتْ عَلَيْهِمْ آيَاتُهُ زَادَتْهُمْ إِيمَاناً وَعَلَى رَبِّهِمْ يَتَوَكَّلُونَ ❋ الَّذِينَ يُقِيمُونَ الصَّلاةَ وَمِمَّا رَزَقْنَاهُمْ يُنْفِقُونَ ❋ أُولَئِكَ هُمُ الْمُؤْمِنُونَ حَقّاً لَهُمْ دَرَجَاتٌ عِنْدَ رَبِّهِمْ وَمَغْفِرَةٌ وَرِزْقٌ كَرِيمٌ ﴾ [سورة الأنفال:٢-٤].

Izay adika manao hoe: " Marina fa ireo mpino marina izay hoe,rehefa mahatsiaro an'i Allah dia matahoatra ny fon'izy ireo ary rehefa vakina amin'izy ireo ny andininy amin'ny boky masina dia mitombo mafy mihitsy ny finoan'izy ireo,ary amin'ny Tompo Allah no ametrahan'izy ireo ny fitokisana. ireo izay manatanteraka ny fivavahana (soalat) ary mamoaka ireo reziky nomenay azy ireo.Ireny no mpino marina,ho azy ireo ny anjara toerana ambony eo amin'ny tompon'Izy ireo sy famelankeloka ary riziky (fanomezana) tsara ".

Ary niteny Ilay Avo manao hoe:

﴿ وَمَنْ يَكْفُرْ بِاللَّهِ وَمَلائِكَتِهِ وَكُتُبِهِ وَرُسُلِهِ وَالْيَوْمِ الْآخِرِ فَقَدْ ضَلَّ ضَلالاً بَعِيداً ﴾ [سورة النساء: من الآية١٣٦].

Izay adika manao hoe: "ary izay mikomy amin'i Allah, amin'ireo anjeliny,amin'ireo bokiny sy amin'ireo irany ary amin'ny andro farany dia efa very amin'ny fahaverezana lavitra indrindra ". [Sourat al-nissa and: 136]

Fa ny finoana dia mety ho am-bava:tahaky ny fahatsiarovana ny Allah,ny fangatahana,ny fampirisihana amin'ny fanaovana soa sy ny fisakanana amin'ny fanaovana ratsy, ny famakina kor'an ary ireo mitovitovy amin'izany,mety ho am-po sahala ny finoana maha tokana ny Allah amin'ny fiheverana fa izy no mahalala izao rehetra izao amin'ny fiheverana fa tokony ho azy irery ny fanompoana, ireo anarany ary toetrany tahak'izany koa ny maha tsy maintsy ny anompoana azy irery tsy misy mitambatra aminy miaraka amin' izany ny fidiran'ireo finiavana ary ireo tanjona (fikasana),sahala amin'ny fidiran'ny antsoina hoe finoana dia ireo asan'ny fo, anisan'izany ny fitiavana an'i Allah ,ny fatahorana an'i Allah,ny fiverenenena aminy, ny fitokisana azy, sns sns. Ary miditra amin'ny antsoina hoe asa ivelany: tahaky ny fivavahana in-dimy isan'andro,ny fifehezam-bava (Ramadan) sy ireo andry iorenan'ny Islam sisa, ny ady masina amin'ny foto ny Allah ary ny fitadiavana fahaizana (fahalalana) sns sns .

Hoy Tompo Allah manao hoe:

﴿ وَإِذَا تُلِيَتْ عَلَيْهِمْ آيَاتُهُ زَادَتْهُمْ إِيمَاناً ﴾ [سورة الأنفال: من الآية٢].

Izay adika manao hoe: "Rehefa vakina amin'izy ireo ny teny masiny dia ampiakariny be mihitsy ny finoan'izy ireo ".[Sourat al-anfal, and: 2]

Ary niteny ilay avo manao hoe:

﴿ هُوَ الَّذِي أَنْزَلَ السَّكِينَةَ فِي قُلُوبِ الْمُؤْمِنِينَ لِيَزْدَادُوا إِيمَاناً ﴾ [سورة الفتح: من الآية٤].

Izay adika manao hoe : " Izy izay nampidina ny fandriam-pahalemana anatiny (na fitonian-tsaina) amin'ny fon'ireo mpino

mba hahafafahan'izy ireo mampiakatra ny finoana amin'ny finoan'izy ireo ".[Sourat al-fath, and: 4]

Ary ny finoana dia miakatra arakaraky ny fiakaran'ireo fahendren'ilay andevo sy ny fanakakaizany ny Tompo Allah ,ary mihena arakaraky ny fihenan'ny fahendreny sy ny fanakakaizany sahala amin'ny faotana izay misy fiatraikany aminy,raha ohatra moa fampitambarana Tompo Allah amin'ny zavatra hafa ilay izy dia midika fa lehibe indrindra na fikomianao aminy koa dia mandrava ny fiandohan'ny finoanao ara-dalana ary manimba azy, ary raha ohatra kosa tsy anatin'izany dia manimba ny tsy maintsy mahatanteraka azy na mahafeno azy na manakorontana ny fahatoniany ary mampihena azy ihany koa.

Niteny Ilay Avo manao hoe:

﴿إِنَّ اللَّهَ لا يَغْفِرُ أَنْ يُشْرَكَ بِهِ وَيَغْفِرُ مَا دُونَ ذَلِكَ لِمَنْ يَشَاءُ﴾ [سورة النساء: من الآية٤٨].

Izay adika manao hoe:" Marina fa i Allah dia tsy mamela heloka ho an'izay manambatra azy amin'ny zavatra hafa ary mamela heloka kosa izy amin'ny zavatra hafa ankoatra izany ho an'izay tiany ". (Sourat al-nissa,and: 48)

Mbola niteny koa ilay avo manao hoe:

﴿يَحْلِفُونَ بِاللَّهِ مَا قَالُوا وَلَقَدْ قَالُوا كَلِمَةَ الْكُفْرِ وَكَفَرُوا بَعْدَ إِسْلامِهِمْ﴾ [سورة التوبة: من الآية٧٤].

Izay adika manao hoe:" Mifanta amin'ny Allah izy ireo amin'ny teny izay notenen'izy ireo ary izy ireo niteny teny fikomiana ary nikomy aorian'ny fidiran'izy ireo tamin'ny finoana Islam ". [Sourat al-taobat, and: 74]

Ary niteny Ilay mahafatoky, tso-dranon'Allah anie ho azy,hoe:

وقال النبي –صلّى الله عليه وسلم-: ((لا يزني الزاني حين يزني وهو مؤمن ولا يسرق السارق حين يسرق وهو مؤمن ولا يشرب الخمر حين شربها وهو مؤمن )) متفق عليه

Izay adika manao hoe :" Tsy nijanga ny mpijanga anakiray amin'ny fotoana izy nijanga ary izy mpino,ary tsy nangalatra ny mpangalatra anakiray amin'ny fotoana izy nangalatra ary izy mpino,ary tsy misotro divay amin'ny fotoana hisotroany azy ary izy mpino ".

(Navoaky ny Boukhary sy Mouslim)

Ny tia holazain'ity hadith ity dia hoe: rahefa manao ireo fahotana ireo ny mpino anakiray dia midika fa nihena ny finoany ,fa tsy nampivoaka izy amin'ny finoana izany,ary izy indray dia voasazy amin'ireo fahotana vitany ireo,raha nanao an'izany izy.

# ANDRY VOALOHANY: NY FINOANA NY ALLAH.

### *1) Fanamarinana azy*

Amarinina io finoana ny Allah araky izao manaraka izao :

**Voalohany :** ny finoana fa amin'ity tontolo ity dia Tompo tokana, izay mitokana ny fihariany,ny fanjakany,ny fandrindrany,ny fitantanany,ny famelomany sy ny famonoany,ny tombotsoa sy ny fatiantoka,tsy misy tompo mitovy aminy, manao irery arak'izay tiany ary mitsara arak'izay tadiaviny manatanjaka izay tiany ary mampalemy izay tiany ampelatanany ny fanjakan'ny lanitra sy ny tany,ary izy no ambonin'ny zavatra rehetra no mpandahatra ary mahafantatra ny zava-drehetra,manakarena tsy misy mitovy aminy,azy ny didy rehetra ary am-pelatanany ny hatsarana rehetra,tsy misy mpanampy izy amin'ny asa rehetra ataony ary tsy misy mandresy azy amin'ny didiny,mifanohitra amin'izany ny zavaboary rehetra anisan'izany ireo anjely zanak'olombelona ary ireo vazimba dia andevony avokoa,tsy misy mivoaka amin'ny fanjakany sy ny fahefany ary ny filany, doka anie ho azy.Ary ireo asany dia tsy tafiditra anatin'ny faneriterena,ary tsy maneritery azy ireo ny isa (tsy voatanisa izy ireo)ary ireo rehetra ireo dia zo voatokana ho azy irery tsy misy mpikambana aminy tsy misy mendrika an'izany ny tsirairay ankoatrany,ary tsy mety ny fiantohana an'izany ary fanamarinana zavatra mikasik'izany ankoatran'i Allah.

Niteny ilay avo manao hoe:

﴿يَا أَيُّهَا النَّاسُ اعْبُدُوا رَبَّكُمُ الَّذِي خَلَقَكُمْ وَالَّذِينَ مِنْ قَبْلِكُمْ لَعَلَّكُمْ تَتَّقُونَ * الَّذِي جَعَلَ لَكُمُ الْأَرْضَ فِرَاشاً وَالسَّمَاءَ بِنَاءً وَأَنْزَلَ مِنَ السَّمَاءِ مَاءً فَأَخْرَجَ بِهِ مِنَ الثَّمَرَاتِ رِزْقاً لَكُمْ﴾ [سورة البقرة: من الآية٢٢].

Izay adika manao hoe:'" Oh ianareo zanak'olombelona, tompoinareo ny tomponareo izay nanamboatra anareo ary ireo izay talohanareo angahangaha hanana fatahorana ianareo,izay nanamboatra ny tany o fandrianareo sy ny lanitra ho tafonareo ary nampidina avy amin'ny lanitra rano ka navoakany avy amin'izany ireo vokatra mba ho rezikinareo ". [Sourat al-bakara,and: 22]

Ary mbola niteny ilay avo manao hoe:

﴿قُلِ اللَّهُمَّ مَالِكَ الْمُلْكِ تُؤْتِي الْمُلْكَ مَنْ تَشَاءُ وَتَنْزِعُ الْمُلْكَ مِمَّنْ تَشَاءُ وَتُعِزُّ مَنْ تَشَاءُ وَتُذِلُّ مَنْ تَشَاءُ بِيَدِكَ الْخَيْرُ إِنَّكَ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ قَدِيرٌ﴾ [سورة آل عمران:٢٦].

Izay adika manao hoe: " Teneno (ry Mohammad) oh Allah mpanjakan'ny fanjakana,ianao izay mpanome fanjakana amin'izay tianao ary manala ny fanjakana amin'izay tianao, manatanjaka izay tianao ary manalemy izay tianao, ampelatananao ny hatsarana rehetra, ianao no mpandahatra ambonin'ny zava-drehetra ". [Sourat al-imrane,and:26]

Mbola niteny Avo manao hoe:

﴿وَمَا مِنْ دَابَّةٍ فِي الْأَرْضِ إِلَّا عَلَى اللَّهِ رِزْقُهَا وَيَعْلَمُ مُسْتَقَرَّهَا وَمُسْتَوْدَعَهَا كُلٌّ فِي كِتَابٍ مُبِينٍ﴾ [سورة هود:٦].

Izay adika manao hoe:" Tsy misy biby eto ambonin'ny tany afa tsy hoe amin'Andriamanitra ny rezikin'izy ireo,ary izy no mahafantatra ny fonenan'izy ireo sy ny trano ipetrahan'izy

ireo.Izany rehetra izany dia ao anatin'ny boky mazava ". [Sourat al-houde,and: 6]
Mbola niteny ilay avo manao hoe :

﴿أَلَا لَهُ الْخَلْقُ وَالْأَمْرُ تَبَارَكَ اللَّهُ رَبُّ الْعَالَمِينَ﴾ [سورة الأعراف: من الآية٥٤].

Izay adika manao hoe:"Moa ve tsy azy ny fanjakana sy ny fitantanana, fanadiaovana sy ny fiadanana anie an'i Allaha,Tompon'izao tontolo izao ". [Sourat al-anraf, and: 54]

**Faharoa:** Ny finoana ny maha tokana an'i Allah amin'ireo anarana tsara indrindra sy ireo toetra feno izay niezahany nampahafantariny andevo ny sasany amin'izy ireo amin'ny alalan'ny boky masinany na fomba amam-panaon'Ilay mpaminany sy ny irany farany indrindra Mohammad (tso-dranon'Allah anie ho azy.
Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿وَلِلَّهِ الْأَسْمَاءُ الْحُسْنَى فَادْعُوهُ بِهَا وَذَرُوا الَّذِينَ يُلْحِدُونَ فِي أَسْمَائِهِ سَيُجْزَوْنَ مَا كَانُوا يَعْمَلُونَ﴾ [سورة الأعراف: ١٨٠].

Izay adika manao hoe: " An'i Allah ireo anarana tsara indridra,ka mangataha aminy ianareo amin'izy ireo.Ary avelaonareo ireo izay misabaka amin'ireo anarany.Mbola ho azon'izy ireo ny valin'izay nataon'izy ireo." [Sourat al-anraf,and: 180]

Ary niteny ilay mahafatoky (tso-dranon'i Allah ho azy):

قال صلى الله عليه وسلم (( إن الله تسعة وتسعين اسما من أحصا ها دخل الجنة ، وهو وتريحب الوتر ))

متفق عليه

Izay adika manao hoe : "Marina fa an'i Allah sivy amby sivifolo anarana,izay afaka mitanisa an'izany dia miditra amin'ny

paradisa,ary izy dia tokana mankatia ny fitokanana." [Navoaky ny Boukhary sy Mouslim]
Ary ity foto-pinoana ity dia mitsangana amin'ny fototra roa lehibe:
Izay amin'izy roa ireo dia: Marina fa an'i Allah ireo anarana tsara indrindra ary toetra avo indridra manaporofo ny toetra feno (ampy) ary tsy misy tsy ampy aminazy ireo amin'ny endrika rehetra tsy misy mitovy aminy ary tsy misy mitambatra aminy amin'ireo zavatra ireo na dia iray aza amin'ireo zavaboariny.

Ka an'isan'ireo anarany,doka anie ho azy sy haavo (Mpamelona) ((الحي ary ho azy koa ny toetra (fiainana)( (الحياة izay tsy maintsy hamarininao ho azy amin'ny endrika feno mendrika azy ary ity fiainana ity dia fiainana feno ampy no sady mandrakizay,mitambatra amin'izany ireo karazana fahafenoana amin'ny alalan'ny fahalalana sy fahefana sns sns, tsy mbola nihoatra azy ny tsy fisiana ary tsy mbola nanaraka azy ny fahatamperana.
Niteny Ilay Avo manao hoe:

﴿اللَّهُ لا إِلَهَ إِلَّا هُوَ الْحَيُّ الْقَيُّومُ لا تَأْخُذُهُ سِنَةٌ وَلا نَوْمٌ﴾ [سورة البقرة: من الآية٢٥٥].

Izay adika manao hoe:" Allah tsy misy Tompo tompoina afa tsy izy miaina ary mpamelona , tsy mahazo azy ny tsimandrimandry ary tsy mahazo azy koa ny torimaso ". [Sourat al-bakara,and:255]

- Ny faharoa dia: marina fa Allah ilay avo dia lavitra toetrany ny tsy fahafenoana ary ny henatra faobe tahaky ny torimaso ny tsy fahafahana, ny habadoana ary ny fanambakana sns sns.. tahak'izany koa izy Andriamanitra dia manalavitra ny fitoviana amin'ireo zavaboary.
Ka tsy maintsy ny fandahana izay nolavin'i Allah amin'ny tenany sy nandaran'ny irany (tso-dranon'Allah ho azy) amin'ny Tompo miaraka amin'ny finoany fa i Allah dia manana toetra

feno mifanohitra amin'izay nolavina aminy, raha ohatra anefa nolavitsika aminy ny tsimandrimandry sy ny tena torimaso, ka ny fandavana ny tsimandrimandry misy aminy dia manaporofo ny fahampian'ny famelomana.ary ny fandavana ny torimaso misy aminy dia manaporofo ny hafenoan'ny fiainana,ary ohatr'izany daholo ny fandavana ny zavatra amin'ny Allah dia mifono porofon'ny fahampiana mifanohitra aminy. Ka izy no ampy ary izay mitovy aminy dia tsy ampy.
Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿ لَيْسَ كَمِثْلِهِ شَيْءٌ وَهُوَ السَّمِيعُ الْبَصِيرُ ﴾ [سورة الشورى: من الآية١١].

Izay adika manao hoe:" Tsy misy zavatra mitovy aminy, ary izy no maheno no sady mahita " [Sourat al-shoura, and: 11]
Ary niteny ilay Avo manao hoe:

﴿ وَمَا رَبُّكَ بِظَلَّامٍ لِلْعَبِيدِ ﴾ [سورة فصلت: من الآية٤٦].

Izay adika manao hoe: " Marina fa i Tomponao (ry Mohammad) dia tsy manambaka ireo andevony ".[Sourat al- fussilat, and:46]
Ary niteny ilay avo manao hoe:

﴿ وَمَا كَانَ اللَّهُ لِيُعْجِزَهُ مِنْ شَيْءٍ فِي السَّمَاوَاتِ وَلَا فِي الْأَرْضِ ﴾ [سورة فاطر: من الآية٤٤].

Izay adika manao hoe: "Marina fa tsy misy andro Allah no tsy hanana fahafahana amin'ny zavatra izay any amin'ny lanitra na amin'ny tany". [Sourat Fatir,and:44]
Ary niteny Izy manao hoe:

﴿ وَمَا بَيْنَ ذَلِكَ وَمَا كَانَ رَبُّكَ نَسِيّاً ﴾ [سورة مريم: من الآية٦٤].

Izay adika manao hoe:" Marina fa tsy misy andro tomponao (ry Mohammad) manadino ". [Sourat Mariam,and:64]

Ary ny finoana ny anaran'i Allah, ny toetrany ary ny asa ataony; dia lalana tokana amin'ny fahafantarana an'i Allah sy fanompoana azy, ary izany dia manamarina fa Tompo Allah dia mahafantatra ny miafina amin'ny zavaboariny amin'ny fiainana eto an-tany amin'ny fijeriny mibaribary ary namaha ho azy ireo ity varavaran'ny fahalalana izay hoe mandritran'izay mahafantatra izy ireo ny Tompon'izy ireo sy mendrika ho tompon'izy ireo sy derain'izy ireo ary manompo azy izy ireo araky ny fahafantarana marina sy mendrika ka ny andevo dia manompo ilay mendrika amin'izany,ary ny mpanimba dia manompo ny tsy fisiana ary ny mpampitovy dia manompo sary vongana, ary ny Mouslim dia manompo Andriamanitra tokana mahaleotena izay tsy miteraka ary tsy nateraka ary tsy misy na dia iray aza miaraka aminy.

Ary tokony ho tsimbinina tsara amin'ny fotoana hanaporofoana ireo anara-mendrik'Andriamanitra ireo ireto zavatra manaraka ireto:

1-Ny finoana ny fisian'ireo anarana tsaran'i Allah izay voalaza amin'ny coran sy amin'ny fomba amam-panaon'ny mpaminany,tsy misy ampiana ary tsy misy analana.

Niiteny ilay Avo manao hoe:

﴿ هُوَ اللَّهُ الَّذِي لا إِلَهَ إِلَّا هُوَ الْمَلِكُ الْقُدُّوسُ السَّلامُ الْمُؤْمِنُ الْمُهَيْمِنُ الْعَزِيزُ الْجَبَّارُ الْمُتَكَبِّرُ سُبْحَانَ اللَّهِ عَمَّا يُشْرِكُونَ ﴾ [سورة الحشر:٢٣].

Izay adika manao hoe: "Izy Andriamanitra izay hoe: tsy misy Tompo mendrika ho tompoina raha tsy izy mpanjaka, madio, feno fa tsy misy fahabangana, mpino vavolombelona amin' ireo asan'ny zavaboariny, matanjaka mpandidy zavaboariny amin'ny izay tiany ary mpanambony tena. Doka ho an'i Allah amin'ny

ireo izay manambatra azy amin'ny zavatra hafa". [Sourat al-hashry,and: 23]

Ary voa porofo amin'ny fomba amam-panaon'ny Mpaminany Mouhammad (saw) :

وثبت في السنة أن النبي صلى الله عليه وسلم سمع رجل يقول:اللهم إني أسا لك بـــأ ن لـــك الحمد لا إله إلا أنت المنا ن بديع السموات الأرض يا ذا الجلا ل والاكرام يا الحي يا القيوم . فقال النبي صلى الله عليه وسلم (( تد رون بما دعا الله ؟ قالوا: الله ورسوله أعلـــم ، قـــال : والذي نفسي بيده لقد دعا با سمه الأعظم الذي دعي به أجا ب وإذا سئل به أعطـــى )) رواه أبوداود و أحمد

Izay adika manao hoe : Fa i mpaminany (saw) dia naheno lehilahy anakiray niteny hoe: <Oh !Tompo allah, marina fa mangataka aminao aho, fa anao ny dera, tsy misy tompo tompoina afa tsy ianao,mpanome,mpandrindra ny lanitra sy ny tany ry Ilay Hajaina sy masina ary mpamelona sy mpamono. Ary niteny Mpaminany Mohammad (saw) manao hoe:" Moa ve fantatrao izay fomba fangatahana amin'i Allah ? ".

Namaly ireo mpanaradia taminy manao hoe: Allah sy ny irany no mahafantatra an'izany.

Niteny izy avy teo nanao hoe:" Mifanta amin'i Allah aho fa efa nagataka amin'ny Allah amin'ny ireo anarany lehibe, izay hoe rehefa namgatahana mamaly, ary rehefa anontaniana dia manome". [navoaky ny Abou daouf sy Ahmad]

2-Ny finoana fa Allah izy no nametraka ny anarany ary tsy misy antsoina amin'io na dia iray aza amin'ireo zavaboariny ary izy no nidera tenany amin'ireo anarana ireo, fa tsy zavatra noforonon'ny zavaboary mihitsiny.

3- Ny finoana fa ireo anaran'i Allah tsara ireo dia mana porofo ny dikan'ny fahafenoana be izay tsy misy fahabangana eo aminy

amin'ny endrika rehetra; noho izany tsy maintsy ny finoana an'ireo dikan-javatra ireo sahala amin'ny finoana an'ireo anarana ireny.

4- Ny maha tsy maintsy ny hanajana ny dikan'ireo anarana ireny ary tsy misy fanoherana amin'ny alalan'ny famadihana ny dikany na tsy ditoavana ireo toetran'i Allah

5- Ny finoana izay mifono ny anarana amin'ireo anarana avy amin'ny lalana sy izay mifanaraka amin' izany avy amin'ny fihetsika tsy traikefa.

Ary fanazavana an'ireo zavatra dimy ireo dia ndao ho raisintsika ahatra ny amin'izany. amin'ny anaran'i Allah (السميع) Ilay Maheno ka tsy maintsy amin'izany ny fitandremana ireto manaraka ireto:

a-Ny finoana ny fahamarinan'ny fisian'ny anarana "maheno" dia anarana an'izany amin'ireo anaran'i Allah tsara noho ny fisian'izany amin'ny Koran sy fomba amam-panaon'ny Mpaminany Mouhammad (saw).

b - Ny finoana fa Allah izay nametraka ny anarany izany niantso ny tenany ho izany sy niteny amin'izany ary nampidina an'izany amin'ny ilay boky masina mahery.

d - Ny finoana fa ny teny hoe: السميع na maheno dia mifono ny dikan'ny السمع fahenoana ary izy io dia an'isan'ny ireo toetrany.

e - Ny maha tsy maintsy hanajana ireo toetran'ny fahenoana izay manaporofo amin'izany anarana hoe السميع maheno, ary tsy fisian'ny famadihana ny dikany na tsy fanarahana (tsy fitiavana) an'izany.

f - Ny finoana fa i Allah dia maheno ny zavatra rehetra, ary io fahenoana io dia mivalampatra amin'ny feo rehetra, ary ny finoana ny fiantraikan'ny filaharan'izany. Ny finoana ny maha tsy maintsy ny fanarahamason'i Allah ny fatahorana azy ary fahatonian-tsaina feno fa tsy miafina amin'ny Allah ny miafina.

Ary tokony hotsimbinina amin'ny fisian'ny toetr'avon'i Allah,ireto manaraka ireto:

1-Fanamarinana ireo toetrin'i Allah rehetra voateny amin'ny Koran sy Sounnat, marina izay tsy fisian'ny famadihana sy fankahalana,

2-Ny finoana marina fa Allah dia mendrika ny toetra feno ary manalavitra ny tsy fahampiana sy ny fahalemana.

3-Tsy fisian'ny fitovian'ny toetran'i Allah amin'ny toetran'ireo zavaboary,ary marina fa i Allah dia tsy misy mitovy aminy,tsy amin'ny toetra fotsiny fa na dia amin'ny asa ataony ihany koa

Hoy tompo Allah manao hoe:

﴿لَيْسَ كَمِثْلِهِ شَيْءٌ وَهُوَ السَّمِيعُ الْبَصِيرُ﴾ [سورة الشورى: من الآية١١].

Izay adika manao hoe: " tsy misy mitovy aminy na dia zavatra iray aza, ary izy no maheno sy mahita ". [Sourat al-shoura,and: 11]

4- Tsy fananana fanantenana feno amin'ny fahafantarana ny fombafomban'ireo toetra; satria izy dia tsy mahafantatra hoe: inona ny toetran'Allah amin'ny hafa , ka izany dia tsy misy idiran'ny zavaboary mihitsiny aminy.

5-Ny finoana izay rehetra mifono an'izany toetra izany tahaky ny fitsarana ary izay mifamaofao amin'izany sahala amin'ny fiatraikany,ka isaky ny toetra dia tokony hinoana (tompoina)

Mba hanazavana an'ireny zavatra dimy teo ireny dia ndao isika haka ohatra, ohatra amin'izany ny atao hoe: الاستواء na haavo eo ambonin'ilay seza fihandriana , ka noho izany dia tsy maintsy ny fitandremana ireto zavatra manaraka ireto:

1- Fanamarinana haavon'ny toetra na toetra avo misy aminy ary finoana an'izany noho ny fisian'izany amin'ny boky masina sy ny fomba amam-panaon'ny Mpaminany.

Niteny ilay Avo nanao hoe:

﴿ الرَّحْمَنُ عَلَى الْعَرْشِ اسْتَوَى ﴾ [سورة طـه:٥].

Izay adika manao hoe:" Ilay be indrafo dia eo ambonin'ny seza avo fiandrianany ". [Sourat al-toaha, and:5]

2- Fanamarinana ny haavon'ny toetra'i Allah na (Allah dia manana toetra avo) amin'ny endrika feno izay mifanaraka amin'ny haavony, ary dikan'izany dia haavon'i Allah marina amin'ny ilay seza fiandrianany izay mendrika ny habeny sy fananany harena.

3- Tsy misy mitovy amin'ny haavon'ilay nahary eo amin'ny seza fiandrianany raha oharina amin'ny haavon'ny zavaboary; ka Tompo Allah dia mana-karena noho ny seza diandrianany aty afaka tsy mitady azy.

Fa ny haavoan'ny zavaboary dia tsy maintsy miaraka amin'ny fahantrana sy fitadiavana foana; araky ny tenin'i Tompo Allah manao hoe:

﴿ لَيْسَ كَمِثْلِهِ شَيْءٌ وَهُوَ السَّمِيعُ الْبَصِيرُ ﴾ [سورة الشورى: من الآية١١].

Izay adika manao hoe: " Tsy misy mitovy aminy na dia zavatra iray aza ary izy no maheno no sady mahita ". [Sourat al-shoura,and:11]

4- Tsy disianan'ny zavatra mifangaro amin'ny nahary eo amin'ny toetran'ny haavo eo amin'izay seza fadrianany izay. Ka izany dia zavatra miafina, tsy misy mahafantatra an'izany raha tsy Allah.

5- Finoana ny fitsarana sy fiantraikan'izany amin'ny fanamarinana ny habezan'i Allah sy ny fahanterany sy ireo

habezana mendrika azy izay manaporofo ny haavony tsy voafetra eo amin'ny zavaboariny tsy ankanavaka ary ny fitodihan'ny fo aminy sahala amin'ny tenin'i mpiondrika manao hoe:

سبحان رب الأعلى

izay adika manao hoe: "Fahombiana ho an'i Tompo izay avo "

**Fahatelo** : Finoan'ny andevo fa Allah izy no mendrika ho tompoina marina, tokana izay amin'ny endrika ny fanompoana rehetra, na miseho izany namiafina. izy irery tsy misy mikambana aminy.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿ وَلَقَدْ بَعَثْنَا فِي كُلِّ أُمَّةٍ رَسُولاً أَنِ اعْبُدُوا اللَّهَ وَاجْتَنِبُوا الطَّاغُوتَ ﴾ [سورة النحل: من الآية٣٦].

Izay adika manao hoe: " Efa nalefanay amin'ny isaky ny vahoaka ny iraka mba hanompo an'i Allah tokana ary hisintaka ny devoly ". [Sourat al-nahly,and:36]
Ary tsy misy iraka afa tsy hoe niteny tamin'ny vahoakany :

﴿ اعْبُدُوا اللَّهَ مَا لَكُمْ مِنْ إِلَهٍ غَيْرُهُ ﴾ [سورة الأعراف: من الآية٥٩].

Izay adika manao hoe: " Tompoinareo I Tompo Allah izany tsy misy i Tompo hafa ankoatrany ". [Sourat al-anraf, and: 59]
Ary niteny ilay Avo manao hoe:

﴿ وَمَا أُمِرُوا إِلَّا لِيَعْبُدُوا اللَّهَ مُخْلِصِينَ لَهُ الدِّينَ حُنَفَاءَ ﴾ [سورة البينة: من الآية٥].

Izay adika manao hoe:" Tsy nodidiana izy ireo afa tsy hoe hanompo an'i Allah tokana, mpanetri-tena fa azy irery ny fanompoana ary tena mpino marina ". [Sourata al-bainat, and: 5]
Ary hita amin'ny Boukhary sy Mouslim fa Mpaminany Mouhamad (saw) dia niteny tamin'ny Moazy manao hoe:

وفي الصحيحين أن النبي صلى الله عليه وسلم قال لمعا ذ : (( أتدرون ما حق الله على العبـــا د وما حق العبا د على الله . قلت : الله ورسلوله أعلم . قا ل : حق الله على العبا د أن يعبد وه ول يشركوا به شيئا ، وحق العبا د على الله الا يعذ ب من لا يشرك به شيئا ))

Izay adika manao hoe :" Moa ve fantatrao fa inona ny zon'i Allah amin'ireo andevony ary inona ny zon'ny andevony amin'ny Tompo Allah. Niteny Moazy nanao hoe: Allah sy ny irany no mahafantatra an'izany. Niteny ilay mahafatoky nanao hoe: " zon'i Allah amin'ny ireo andevony dia hanompo azy ary tsy hanambatra azy amin'ny zavatra hafa, ary zon'ny andevony amin'ny Tompo Allah dia mba tsy hanasazy azy izay tsy nanambatra azy amin'ny zavatra hafa ".

Ary ny Tompo marina izy izay noraisin'ny fo ho Tompo ka feno ny fitiavana azy noho ny hafa ary ampy ny firariana aminy noho ny hafa, ary mahafapo ny fanontaniana azy sy ny fanantenana aminy ary ny fatahorana azy noho ny hafa.

Niteny ilay Avo nanao hoe:

﴿ ذَلِكَ بِأَنَّ اللَّهَ هُوَ الْحَقُّ وَأَنَّ مَا يَدْعُونَ مِنْ دُونِهِ هُوَ الْبَاطِلُ وَأَنَّ اللَّهَ هُوَ الْعَلِيُّ الْكَبِيرُ ﴾ [سورة الحج:٦٢].

Izay adika manao hoe: "Izany no Allah marina, izay mendrika ho tompoina, ary ireo izay mangataka amin'ny zavatra hafa ankoatrany dia diso. Ary marina fa izy Allah no avo no sady lehibe ". [Sourat al-hajj,and: 62]

Koa ity no tena fanokanana ny Andriamanitra amin'ireo asan'ny andevony.

## ***Maha zava-dehibe ny fanokanana ny Allah (Tawhid)***

Mibariabary ny zava-dehibe an'ity Tawhid ity amin'ireto zavatra manaraka ireto:

1 – Izy no niandohan'ity finoana ity, no tanjony no hiafarany, ny hisehoany sy hiafenany ary izy no antsoin'ireo iraka rehetra (fandriam-pahalemana anie ho azy ireo)

2- Noho ity Tawhid ity dia nahary ny zavaboary ilay nahary sy nandefa ny iraka ary nampidina ireo boky, ary noho izy ihany dia nisarasaraka ny zavaboary,ka nizarazara (na niparitaka) ho mpino, mpikomy, sy sambatra ary mahantra.

3 – Izy no voalohany tsy maintsy eo amin'ny [olona ampy taona]ary izy no voalohany mampiditra andevony amin'ny Islam ary farany mamoaka azy amin'ity tontolo ity.

## Fanamarinana ny Tawhid (fanokanana Allah )

Fanamarinana ny Tawhid: izy io dia famelana sy fanambarana Tompo Allah amin'ny zavatra hafa sy ny forona ary faotana, ary izy mizara roa:

1)-Tsy maintsy ( واجب) (Wadjib)

2) -Azo tsy atao fa ny fanaovana azy dia ahazoana tombotsoa (مند وب)(Mandobo)

-Ka ny tsy maintsy dia eo amin'ny zavatra telo eo:

1 – Famelana ny fampikambanana ny Andriamanitra amin'ny zavatra hafa izay mandrara ny fiandohan'ny Tawhid.

2 – Famelana ireo forona izay manda ny hafenoan'tawhid na manda ny nipoirany, raha ohatra ka an'isan'ireo forona maneho fikomiana.

3- Famelana ireo faotana izay manila ny Tombotsoa azo avy aminy sy ny fiatraika misy ao aminy.

- Fa ny Mandobo kosa dia:

Izy io dia nodidiana amin' izany araky ny fomba amam-panaon'ny Mpaminany, ary ny ohatra avy amin'ny izany dia ireto manaraka ireto:

a - Fanamarinana ny hafenoan'ny toetrn'ny fanaovana tsara

b- Fanamarinana ny fahampian'ny toetri'ny fitoniantsaina.

d- Fanamarinana ny fahampian'ny fandreferana tsara tsy misy fitarainana amin'ny zavatra hafa ankoatra ny Allah.

e- Fanamarinana ny fahampian'ny fahafam-po ny fanontanian'ny Allah amin'ny zavaboarny.

f- Fanamarinana ny fahampian'ny fanantenana amin'ny alalan'ny fanajanonana ireo zavatra mety atao sahala amin'ny fankatoavana sy fanisiana fanafody mba ho fanantenana amin'ny Allah amin'ireo fanampiny.

g- Fanamarinana ny fahampian'ny toetri'ny fitiavana amin'ny anton'Allah (fitiavana izay mendrika fanompoana) mba hanakaikezana ny Tompo Allah amin'ny alalan'ireo fomba amampanaon'ny Mpaminany Mouhamad (saw).

Ka izay olona nanatanteraka ny Tawhid amin'ny ireo endrika izay voalaza teo aloha ary tsy nandalo amin'ny shirk lehibe (fanambarana Tompo Allah amin'ny zavaboariny) dia ho azy ny fiarovana mba tsy haharitra amin'ny afo be, fa izay tsy nandalo amin'ny shirk lehibe sy kely kosa ary nanalavitra ireo faotana lehibe dia azy ny fiarovana feno ato an-tany sy any amin'ny farany.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿إِنَّ اللَّهَ لا يَغْفِرُ أَنْ يُشْرَكَ بِهِ وَيَغْفِرُ مَا دُونَ ذَلِكَ لِمَنْ يَشَاءُ﴾ [سورة النساء: من الآية٤٨].

Izay adika manao hoe: " Marina fa i Tompo Allah dia tsy mamela heloka amin'izay nanambatra azy amin'ny zavatra hafa fa izy kosa mamela heloka amin'ny zavatra hafa ankoatran'izany amin'izay tiany". [Sourat al-nissa,and:48]

Mbola niteny ilay Avo manao hoe:

﴿الَّذِينَ آمَنُوا وَلَمْ يَلْبِسُوا إِيمَانَهُمْ بِظُلْمٍ أُولَئِكَ لَهُمُ الأَمْنُ وَهُمْ مُهْتَدُونَ﴾ [سورة الأنعام:٨٢].

Izay adika manao hoe: " Ireo izay nino ary tsy nampitafy io finoan'izy ireo io amin'ny fanambakana (tsy nanao shirk). Izy ireny no mahazo fiarovana ary izy ireny no mahitsy ". [Sourat al-an'am,and:82]

**Ka ny mifanohitra amin'ny Tawhid dia Shirk ary izy (shirk) io dia mizara telo:**

1-**Shirk lehibe** :izay manda ny nipoiran'ny Tawhid ka tsy mamela heloka amin'io i Allah raha tsy hoe mangataka fibebahana aminy. Ka izay maty amin'izany dia miditra ao amin'ny afobe mandrak'izay ary ny dikan'izy io dia ny fandraisan'ny andevo ny zavatra anakiray ho Tompo amin'ny fanompoana ataony, mangataka aminy sahalan'ny fangatahany amin'ny Allah, ary niankina aminy, mahatoky azy, manantena azy sy mitia azy ary natahotra azy sahalan'ny fitiavany Allah sy fatahorany Allah.

Nieteny ilay Avo nanao hoe:

﴿إِنَّهُ مَنْ يُشْرِكْ بِاللَّهِ فَقَدْ حَرَّمَ اللَّهُ عَلَيْهِ الْجَنَّةَ وَمَأْوَاهُ النَّارُ وَمَا لِلظَّالِمِينَ مِنْ أَنْصَارٍ﴾ [سورة المائدة: من الآية٧٢].

Izay adika manao hoe: " Marina fa izay manambatra ny Tompo Allah amin'ny zavatra hafa dia ampifadin'Andriamanitra azy ny paradisa ary mitoetra mandrakizay amin'ny afo be izy. Tsy misy andro ho azon'ireo mpanambaka (mpanao shirk) ny fandresena". [Sourat al-ma'ida, and: 72]

2-**Shirk kely** : izay manda ny fahampian'ny Tawhid ary izy io dia lalana rehetra na zavatra mety hitarika na hampiditra amin'ny zavatra ankoatry ny Allah ary ny fizorana amin'ny fieboeboana na hoe (الرياء).

3-**Ny shirk miafina**: izy io dia mifantoka tanteraka amin'ny finiavana sy ny tanjona, ka mety ho shirk lehibe na kely

tahakin'ireny efa nazavaina tamin'ny voalohany sy faharoa. Hoy Mahmoud bin labidy (tso-drano ny Allah ho azy) fa i iraky ny Allah dia niteny nanao hoe:

عن محمود بن لبيد رضي الله عنه أن النبي صلى الله عليه وسلم قا ل (( إن أخوف ما أخا ف عليكم الأصغر ، قا لوا وما الشرك الأصغر يا رسول الله ؟ قا ل الرباء )) رواه الاما م أشاحمد

Izay adika manao hoe :" Marina fa ny zavatra mampatahoatra izay tena atahorako aminareo dia ny shirk kely. Niteny ireo mpiaradia azy nanao heo: fa inona ity shirik kely ity ry irakin' Allah ? Namaly izy nanao hoe:"ny fieboeboana "'. [Navoaky ny Ahmad]

### *2) FAMARITANA NY ATAO HOE FANOMPOANA:*

Ny fanompoana dia anarana faobe amin'izay rehetra tian'Andriamanitra sy ankasitrahiny, amin'ny alalan'ireo finoana asan'ny fo, ny asa ivelany rehetra ary ireo rehetra mampanakaiky eo amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fihetsika na asa atao na ny fandaozana.

Ary miditra amin'ny anaran'ny teny hoe fanompoana dia izay rehetra nolaza'i Allah amin'ny Boky masina na ny fomba amam-panaon'ny irany i Mpaminany Mouhamad (saw), Ary izy io dia fanompoana amin'ny karazan'ny maro :

Anisan'izany i fanompoana am-po: sahala amin'ny andry enina iorenan'ny finoana, ny fatahorana ny fanantenana, ny fitokisana, ny faniriana sy ny fatahorana ary sns sns, amin'ireo fanompoana maro samihafa, ary anisan'izany koa ny fanompoana ivelany sahala amin'ny soalat sy ny zakat, ny fifehezana Ramadan, ary ny fanaovana Hadji na fivahiniana masina.

**Tsy ho marina mihitsiny izany fanompoana izany raha tsy mipetraka amin'ny zavatra roa:**

**-Voalohany** : fanokanana na fanankinana tanteraka ny fanompoana an'i Allah irery ihany ary tsy misy fanakambanana

azy amin'ny zavatra hafa, ary izany no dikan'ny teny manao hoe:Fanekena marina fa tsy misy Tompo azo tompina afa tsy Allah.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿أَلَا لِلَّهِ الدِّينُ الْخَالِصُ وَالَّذِينَ اتَّخَذُوا مِنْ دُونِهِ أَوْلِيَاءَ مَا نَعْبُدُهُمْ إِلَّا لِيُقَرِّبُونَا إِلَى اللَّهِ زُلْفَى إِنَّ اللَّهَ يَحْكُمُ بَيْنَهُمْ فِي مَا هُمْ فِيهِ يَخْتَلِفُونَ إِنَّ اللَّهَ لَا يَهْدِي مَنْ هُوَ كَاذِبٌ كَفَّارٌ﴾ [سورة الزمر:٣].

Izay adika manao hoe: " Moa ve tsy natokana ho an'i Andriamanitra ny tena finoana ka ireo izay naka zavatra hafa ho mpitarika na mpamonjy ankoatrany avy eo niteny izy ireo fa izahay tsy manompo azy ireo raha tsy hoe mba hampanakaiky anay ny anjaratoeranay bebe kokoa eo amin'i Allah. Marina fa Allah no hitsara azy ireo amin'ny zavatra ananan'izy ireo disadisa. Marina fa Allah dia tsy manitsy izany hoe mpandainga no mpikomy". [Sourat az-zoumar,and: 3]

Mbola niteny Andriamanitra manao hoe:

﴿وَمَا أُمِرُوا إِلَّا لِيَعْبُدُوا اللَّهَ مُخْلِصِينَ لَهُ الدِّينَ حُنَفَاءَ﴾ [سورة البينة: من الآية٥].

Izay adika manao hoe: "Tsy nodidianay izy ireo afa tsy hanompo Andriamanitra am-panatren-tena,fa azy irery ny fanompoana ary tena mpino marina izy ireo." [Soura al-bayyinah, and:5]

**-Faharoa**: dia fanarahana izay zavatra nentin'ny irakin'i Allah i Mohammad (saw)

ohatra manao zavatra anakiray izay andevo tahaky ny nataon'ny Mpaminany amin'ny endrika nanaovany azy izay tsy misy fanampiana sy fanalana, ary izay ny dikan'ny teny hoe: manaiky marina fa i Mouhamad (saw) dia irakan'i Allah. Niteny ilay Avo Allah manao hoe:

﴿ قُلْ إِنْ كُنْتُمْ تُحِبُّونَ اللَّهَ فَاتَّبِعُونِي يُحْبِبْكُمُ اللَّهُ وَيَغْفِرْ لَكُمْ ذُنُوبَكُمْ ﴾ [سورة آل عمران: من الآية٣١].

Izay adika manao hoe: " Teneno ry (Mouhamad)fa raha ohatra ianareo mitia an'Andriamanitra dia arahinareo aho fa ho tian'i Allah ianareo ary hamela heloka ny faotanareo izy ary Allah no mpamela heloka no be indra fo ". [sourat al-Imrany, and: 31]

Mbola niteny ilay Avo Allah manao hoe:

﴿ وَمَا آتَاكُمُ الرَّسُولُ فَخُذُوهُ وَمَا نَهَاكُمْ عَنْهُ فَانْتَهُوا ﴾ [سورة الحشر: من الآية٧].

Izay adika manao hoe: "Izay rehetra nentin'io iraka io aminareo dia raisonareo ary izay nandrarany anareo kosa dia fadianareo". [Sourat al-hashry,and:7]
Mbola niteny ilay avo hoe:

﴿ فَلا وَرَبِّكَ لا يُؤْمِنُونَ حَتَّى يُحَكِّمُوكَ فِيمَا شَجَرَ بَيْنَهُمْ ثُمَّ لا يَجِدُوا فِي أَنْفُسِهِمْ حَرَجاً مِمَّا قَضَيْتَ وَيُسَلِّمُوا تَسْلِيماً ﴾ [سورة النساء:٦٥].

Izay adika manao hoe:" Tsy ! noho ny Tomponao, tsy ho mpino izy ireo mandra-pangatahan'izy ireo ny fitsarana amin'izay nifandiran'izy ireo avy eo tsy ahita fahoriana mihitsy izy ireo amin'izay nandraisanao fanapahan-kevitra ary hendry izy ireo amin'ny fahendrena feno amin'ny didnao ".
[sourat al-nissa,and: 65]

**Ka ny teny fanompoana dia tsy tanteraka raha tsy amin'ny zavatra roa:**

-**Voalohany**: Fanokanana ny fitiavana feno ho an'i Allah izany hoe: mampiseho ilay

andevo (mpanompo) ny fitiavana an'i Allah sy ny fitiavana izay tian'ny Allah ambonin'ny fitiavanay zavatra hafa.

-**Faharoa**: fanehoana ny fatahorana feno sy fahalemena eo anoloan'i Allah:izany hoe:

milefitra na matahoatra ilay andevo amin'ny Allah amin'ny alalan'ny fanatanterahana

ireo didiny ary fanalavirana ireo zavatra nosakanany.

Ka ny fanompoana dia fehezanteny izay manambara ny hafenoan'ny fitiavana miaraka amin'ny hafenoan'ny fahalemena, ny fatahorana, ny firariana ary ny fatahorana.

Ka noho izany voaporofo ny fanompoan'ny andevo (mpanompo) anakiray amin'ny Tompo sy ilay nahary azy ary ny fananganana ny fanompoana ho an'i Allah dia mahatonga ny andevo amin'ny fitiavan'i Allah sy ny fankasitrany.Allah dia mitia ny andevony manakaiky azy amin'ny alalan'ireo didy nandidiany azy, ary arakarakin'ny fampiakaran'ny andevo ireo "Nawafil "dia mitombo ihany koa ny fanakaikezany ny Allah ary mitombo ny anjara toerany eo amin'ny Allah ary izany no antonym hidirany amin'ny paradisa araka ny fitiavan'i Allah sy ny indra-fony .

Niteny ilay Avo sy mendrika obiana manao hoe:

﴿ادْعُوا رَبَّكُمْ تَضَرُّعاً وَخُفْيَةً إِنَّهُ لا يُحِبُّ الْمُعْتَدِينَ﴾ [سورة الأعراف:٥٥].

Izay adika manao hoe: " Mangataha ianareo amin'ny Tomponareo amin'ny fahalemena sy ny fatahorana Marina fa izy dia tsy tia ireo niohatra ny tokony hatao ". [Sourat al-anraf,and: 55]

### *3) Porofon'ny fanokanana an'Andriamanitra :*

Marina fa ny vavolombelona amin'ny fanokanana ny Allah sy ny porofo ho entina amin'izany dia tena maro, izay nandalina tsara sy nampiasa saina amin'ny fandinihana an'izany dia mitsiry ny fahalalany ary mitombo ny fitonian-tsaina amin'ny fanokanana

ny Tompo avo izay miendrika obiana amin'ny fanokanana ireo asa vitany, ireo anarany, ireo toetrany ary maha Tompo Tompoina azy.

Ary amin'ireo vavolombelona sy porofo ireny dia tsy voafetra raha oharina amin'ny alalan'ny ohatra manaraka izao:

a) Habezan'ny fanamboarana an'ity tontolo ity sy ny fahaiza-manao antsipiriany ary ny maha samihafa ireo zavaboariny, ary ireo fepetra akaiky na kely indrindra izay hizoran'izany, ka izay nandalina tsara an'izany ary nampiasa ny sainy dia tony amin'ny fanokanana ny Allah.
Ka izay nandalina ny fanamboarana ny lanitra sy ny tany sy ny fanamboarana ny masoandro sy ny volana ary ny fananboarana ny zanak'olombelona sy ireo biby, ny fanamboarana ny zava-maniry sy ny zavatra tsy manan'aina dia mahalala tsara mihitsy amin'ny fo tony fa manana ny nahary azy feno izy ireny amin' ireo anarany, ireo toetrany ary ny fanompoana azy, ka manaporofo fa izy dia tokana ary izy no mendrika tompoana.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿وَجَعَلْنَا فِي الْأَرْضِ رَوَاسِيَ أَنْ تَمِيدَ بِهِمْ وَجَعَلْنَا فِيهَا فِجَاجاً سُبُلاً لَعَلَّهُمْ يَهْتَدُونَ * وَجَعَلْنَا السَّمَاءَ سَقْفاً مَحْفُوظاً وَهُمْ عَنْ آيَاتِهَا مُعْرِضُونَ * وَهُوَ الَّذِي خَلَقَ اللَّيْلَ وَالنَّهَارَ وَالشَّمْسَ وَالْقَمَرَ كُلٌّ فِي فَلَكٍ يَسْبَحُونَ﴾ [سورة الأنبياء: ٣١-٣٣].

Izay adika manao hoe:" Nataonay amin'io tany io ny havoana mba tsy hietsiketsika amin'izy ireo ary nataonay amin'izany ny hadilalana misahana ilay lalana angaha ahitsy izy ireo. Ary nataonay ny lanitra ho tafo voa aro, nefa izy ireny amin'izany fahagagana (porofo) rehetra izany dia mbola nanohitra ihany. Ary mbola izy no nanamboatra ny alina sy ny andro, ny masoandro ary ny volana. Izany rehetra izany dia midina amin'ny

lalana alehan'ny planeta manodidina ny masoandro". [Sourat al-anbiya,and: 31-33]

Ary mbola niteny ilay Avo manao hoe:

﴿ وَمِنْ آيَاتِهِ خَلْقُ السَّمَاوَاتِ وَالْأَرْضِ وَاخْتِلَافُ أَلْسِنَتِكُمْ وَأَلْوَانِكُمْ إِنَّ فِي ذَلِكَ لَآيَاتٍ لِلْعَالِمِينَ ﴾ [سورة الروم:٢٢].

Izay adika manao hoe: " Ary anisan'ny fahagagana nataon'Andriamanitra ny fanamboarana ny lanitra sy ny tany ary ny fahasamihafan'ny teninareo sy ny lokonareo. Marina fa anatin'izany no fahagagana ho an'izao tontolo izao ". [Sourat ar-rum, and:22]

b) Allah izay nandefa ireo iraka amin'ny alalan'ny lalana maro samy hafa ary nanampy azy ireo amin'ny alalan'ny fahagagana sy porofo izay manamarina ny maha tokana azy sy tokony hanokanana azy ihany koa amin'ny fanompoana, arak'izay nandidian'i Allah ireo zavaboariny amin'ny alalan'ireo lalana maro dia porofo mivaingana fa izany dia tsy niantomboka raha tsy avy amin'ny Tompo mpandinika sy mahalala amin'ny zavatra namboariny ary tsara amin'ireo zavaboary ireo.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿ لَقَدْ أَرْسَلْنَا رُسُلَنَا بِالْبَيِّنَاتِ وَأَنْزَلْنَا مَعَهُمُ الْكِتَابَ وَالْمِيزَانَ لِيَقُومَ النَّاسُ بِالْقِسْطِ ﴾ [سورة الحديد: من الآية٢٥].

Izay adika manao hoe:" Efa nalefanay ireo irakanay niaraka tamin'ny porofo miharihary ary nampidininay miaraka tamin'izy ireo ny boky sy ny fandajana(mizana) .mba hampitsangana ny zanak'olombelona amin'ny fahamarinana". [Sourat al-hadid,and: 25]

Ary niteny ilay Avo manao hoe:

﴿ قُلْ لَئِنِ اجْتَمَعَتِ الْأِنْسُ وَالْجِنُّ عَلَى أَنْ يَأْتُوا بِمِثْلِ هَذَا الْقُرْآنِ لا يَأْتُونَ بِمِثْلِهِ وَلَوْ كَانَ بَعْضُهُمْ لِبَعْضٍ ظَهِيراً ﴾ [سورة الإسراء:٨٨].

Izay adika manao hoe: " Teneno (ry Mouhamad) fa na dia mitambatra ny zanak'olombelona sy ny vazimba mba hitondra sahala amin'ity kor'any ity dia tsy mahavita mitondra mitovy aminy na dia mifanampy aza sasany amin'izy ireo amin'ny sasany ". [Sourat al-Isra,and; 88]

Ny fanamboarana izay nanamboaran'i Allah ny fon'ny andevony dia ho tony amin'ny fanokanana azy, ary izany dia zavatra mitoetra ao amin'ny tenan'ny tsirairay raha toa ka tsy manaintaina amin'ny zanak'olombelona dia misy fiatraikany ary hira izany ary miverina amin'ny Allah, na dia tafavoaka ny zanak'olombeloma amin'ny tebiteby ary ny hetahetam-po izay manova ny fanamboarana azy dia tsy mahita ny fitonian'ny tenany raha tsy ny fitonian-tsaina ny fanekena ny fanokanana an'i Allah amin'ny fanompoana azy , amin'ireo anarany amin'ireo toetrany, amin'ireo asa vitany ary ny fanekena ireo lalany izay nandefasany an'ireo irany tso-dranon'i Allah sy fandriam-pahalemana anie ho azy ireo.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿ فَأَقِمْ وَجْهَكَ لِلدِّينِ حَنِيفاً فِطْرَتَ اللَّهِ الَّتِي فَطَرَ النَّاسَ عَلَيْهَا لا تَبْدِيلَ لِخَلْقِ اللَّهِ ذَلِكَ الدِّينُ الْقَيِّمُ وَلَكِنَّ أَكْثَرَ النَّاسِ لا يَعْلَمُونَ * مُنِيبِينَ إِلَيْهِ وَاتَّقُوهُ وَأَقِيمُوا الصَّلاةَ وَلا تَكُونُوا مِنَ الْمُشْرِكِينَ ﴾ [سورة الروم: ٣٠، ٣١].

Izay adika manao hoe: " Ahitsio ny fijerinao ho amin'ny finoana marina ho an' Andriamanitra ,fomban-javatra rehetra araka izay

nanaovan'Andriamanitra azy ny fanamboarana misy amin'ny zanak'olombelona. tsy misy fiovana ny fanamboaran'Andriamanitra. Izany no finoana mahitsy,nefa maro amin'ireo zanak'olombelona kosa no tsy mahafantatra ". [Sourat ar-rum, and: 30-31]

Ary niteny ilay Mpaminany mahafatoky Mouhamad (saw) manao hoe:

قال صلى الله عليه وسلم : (( كل مولود يولد على الفطرة ، فأ بواه يهودانه أو ينـــصرانه أو يمجسا نه ، كما تنتج البهيمة بهيمة جمعاء هل تحسون فيها من جدعاء ، ثم قرأ" فطرت الله التي فطر النا س عليه " )) رواه البخا ري

Izay adika manao hoe :" Izay rehetra teraka dia teraka amin'ny fomba nanamboarana azy. ka na dia Ray aman-ndReniny aza mana-jiosy na mana-kristianina na mana- majosianina azy sahala amin'ny famokaran'ireo biby manan-tongotra efatra avy ety an-tanety na avy any an-dranomasina rehetra ny biby mitovy aminy, moa ve tsapanareo anatin'izany fa mpanimba izany ? Avy eo dia novakiany ny teny masina hoe: fomban-javatra rehetra arak'izay nanaovan'Andriamanitra azy ny fanamboarana misy amin'ny zanak'olombelona ".
[Navoaky ny Boukhary]

# NY ANDRY FAHAROA NY FINOANA AN'IREO ANJELY

### *1-Famaritana azy:*

Ny finoana an'ireo anjely dia finoana marina fa an'i Allah ireo anjely ireo , namboariny izy ireo tamin'ny hazavana,namboarina izy ireo ho amin'ny fankatoavana azy, tsy manota an'Andriamanitra amin'izay andidiany izy ireo, mioby azy alina sy andro izy ireo ary tsy misakafo, tsy misy mahafantatra ny isan'izy ireo raha tsy Allah,naparitaky ny Allah izy ireo amin'ny asa isan-karazany sy andraikitra maro samihafa.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿وَلَكِنَّ الْبِرَّ مَنْ آمَنَ بِاللَّهِ وَالْيَوْمِ الآخِرِ وَالْمَلائِكَةِ﴾ [سورة البقرة: من الآية١٧٧].

Izay adika manao hoe: " Nefa ny tsara kosa ho an'izay nino Allah, sy ny andro farany ary ireo Anjeliny ". [sourat al-bakara,and:177]

Mbola niteny ilay avo manao hoe:

﴿آمَنَ الرَّسُولُ بِمَا أُنْزِلَ إِلَيْهِ مِنْ رَبِّهِ وَالْمُؤْمِنُونَ كُلٌّ آمَنَ بِاللَّهِ وَمَلائِكَتِهِ وَكُتُبِهِ وَرُسُلِهِ لا نُفَرِّقُ بَيْنَ أَحَدٍ مِنْ رُسُلِهِ وَقَالُوا سَمِعْنَا وَأَطَعْنَا غُفْرَانَكَ رَبَّنَا وَإِلَيْكَ الْمَصِيرُ﴾ [سورة البقرة:٢٨٥].

Izay adika manao hoe: ""Nino ilay iraka amin'izay nampidinina aminy avy amin'ny Tompony sy ireo mpio. Ireo rehetra ireo dia nino an'Allah sy ireo Anjeliny, sy ireo bokiny ary ireo irany, tsy avahinay na iray amin'ireo irany ary niteny izy ireo: henonay izany ary ankatoavinay ny famelankelokin'iTompo ary aminy anie no hizoranay ". [Sourat al-bakara,and: 285]

Araky ny Hadith Djibrily malaza rehefa nanontany ilay iraka mahafatoky Mouhamad (saw) izy mikasika ny Imany (finoana), ny Islam ary ny hasoavana (fanaovana soa) mahao hoe :

وفي حد يث جبريل المشهور لما سأله رسول صلى الله عليه وسلم عن الا ما ن والاسلا م والا حسا ن . قال – أي جبريل . قال - أي رسول الله صلى الله عليه وسلم – أن تؤمن بـــالله وملا ئكته وكتبه ورسله واليوم الآخر وأن تؤمن بالقد ر خيره وشره ))

Niteny taminy nanao hoe: " lazao amiko ny mikasika ny finoana? Namaly ilay mahafatoky nanao hoe: ' finoanao Andriamanitra, ireo anjeliny, ireo bokiny, ireo irany,sy ny andro farany ary ny finoana ny lahatra tsara sy ny ratsy.

**Toerana misy ny finoana ireo Anjely eo amin'ny finoana sy ny anton'izany** .

Ny finoana an'ireo Anjely dia andry faharoa eo amin'ny andry enina iorenan'ny finoana, izay hoe tsy mety ny finoan'ny andevo ary tsy voaray raha tsy misy izany .

Efa nifanaiky ireo mpino Silamo ny maha tsy maintsy ny finoana an'ireo Anjeliny, ka izay manda ny fisian'izireo, na fisian'ny sasany amin'izireo amin'izay notenenin'i Allah dia efa sahala nikomy ary nitsipaka ny boky masina sy ny fomba amampanaon'ny Mpaminany ary ny fanekena.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿وَمَنْ يَكْفُرْ بِاللَّهِ وَمَلائِكَتِهِ وَكُتُبِهِ وَرُسُلِهِ وَالْيَوْمِ الْآخِرِ فَقَدْ ضَلَّ ضَلالاً بَعِيداً﴾ [سورة النساء: من الآية١٣٦].

Izay adika manao hoe: "Izay mikomy amin'i Allah amin'ny ireo anjeliny, amin'ny ireo bokiny,amin'ny andro farany dia efa sahala amin'ny very amin'ny fahaverezana lavitra indridra ". [Sourat al-nissa,and:136]

### 2/Fombafomba na toetran'ny finoana an'ireo Anjely

Ny finoana an'ireo Anjely dia fahobe sy misaratsaraka:
Ny finoana faobe dia mifono ireto zavatra manaraka ireto:

**voalohany**: ny fanekena ny fisian'izireo, ary izireo dia zavaboary sahala amin'ny zavaboarin'i Allah rehetra nanamboatra azy ireo Allah mba hanompo azy, ary ny fisian'izireo dia marina, ary ny tsy fahitan-tsika azy ireo, tsy midika tsy fisian'izireo fa firy amin'ireo zavaboary izay hoe kely amin'ny ity tontolo ity tsy hitatsika, nefa izy reo tena misy marina.

Ary efa nihitan'ny Mpaminany Mouhamad (saw) i Djibril amin'ny endriny tena marina in-droa, ary efa nahita sasany amin'ireo Anjely., ireo mpiaradia amin'ny Mpaminany amin'ny endriky ny zanak'olombelona.

Hoy Ben Massoud ( sitrak'Andriamanitra anie ho azy) manao hoe:" Nahita Anjely Gabriely ilay irak'Andriamanitra Mouhammad (saw) tamin'ny endrika maha Anjely azy ary manana eninjato elatra izy, ary isaky ny elatra amin'izany dia mila hanampitra ny fara-vodi-lanitra".
[Navoaky ny Ahmad]

Araka ny voaporofo (voalaza) amin'ny hadith Gabriel malaza, izay navoaky ny Mouslim manao hoe :

روي الاما م أحمد في المسند عن عبد الله بن مسعود رضي الله عنه قا ل (( رأى رســـول الله صلى الله عليه وسلم جبريل في صورته وله ستما ئة جتاح ، وكل كل جتـــاح منـــها قـــد سدالأفق ))

Izay adika manao hoe : " fa i Anjely Gabriel tonga teo anatrehan'i Mpaminany amin'ny hendrika lehilahy, nitondra ankanjobe tena fotsy, volo mainty antitra tsy hita aminy fa avy nanao dia izy

(voyge) ary tsy misy mahafantara azy na dia iray tamin'ireo mpiaradia tamin'i Mpaminany

**Faharoa**: fametrahana azy ireo amin'ny toerana nampidinan'i Andriamanitra izy ireo, ka izy ireo dia mpanompon'Andriamanitra mpanaraka didiny (voadidy) masin'i Allah izy ireo ary nampiakariny ny toeran'izy ireo ary nampanakekeziny azy izy ireo, ary misy amin'izy ireo irakin'i Allah amin'ny hafatra sy zavatra hafa, ary tsy misy zavatra tanterany raha afa tsy ireo zavatra nandaharan'ny Allah azy ireo, ka izy ireo amin'ny izany tsy mahaleo mibaiko ny tenan'izyireo na zavatra ankoatra na mahasoa izany na ratsy afa tsy voabaikon'i Allah .

Ka noho izany dia tsy mety ny manolotra na mitsinjara amin'izy ireo karazana ambaratongam-panompoana sahala amin'ny fieritreretana azy ireo fa manana toetrin'ny Tompo nahary an'izao tontolo izao tahak'ireo Kristianina izay mihambo amin'izany amin'ny fanahy masina (Jesosy).

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿وَقَالُوا اتَّخَذَ الرَّحْمَنُ وَلَداً سُبْحَانَهُ بَلْ عِبَادٌ مُكْرَمُونَ * لا يَسْبِقُونَهُ بِالْقَوْلِ وَهُمْ بِأَمْرِهِ يَعْمَلُونَ﴾

[سورة الأنبياء:٢٦، ٢٧].

Izay adika manao hoe: " Niteny izy ireo fa manan- janaka ilay be indrafo (Allah), tsia fa andevo voahasina. Tsy mialoha amin'izy ireo ny Teniny raha tsy hoe izy ireo manatanteraka ny didiny ". [Sourat al-anbiya,and: 26-27]

Mbola niteny ilay Avo manao hoe:

﴿لا يَعْصُونَ اللَّهَ مَا أَمَرَهُمْ وَيَفْعَلُونَ مَا يُؤْمَرُونَ﴾ [سورة التحريم: من الآية٦].

izay adika manao hoe: " Tsy manota Andriamanitra izy ireo amin'izay didy omeny azy ireo ary manatanteraka amin'izay nandidiana azy ireo ". [Sourat at-tahrim,and: 6]
Ary ity fefin'ny finoana ity dia tsy maintsy amin'ny mpino Islam rehetra na lahy na vavy tsy maintsy amin'izieo ny mianatra azy sy mino azy ary tsy misy ny fialan-tsiny amin'ny tsy fahalalana (tambana)

**Ka ny finoana misaratsaraka an'ireo Anjely kosa dia mifono ireto zavatra manaraka ireto:**

***Voalohany: Akora nanamboarana azy ireo:***

Namboarin'Andriamanitra ireo Anjely avy tamin'ny hazavana (noor) sahala ny Allah nanamboatra ny vazimba avy amin'ny afo (nary) ary nanamboatra ny zanak'olombelona na taranaka Adama avy tamin'ny fotaka (tany) ary ny fanamboarana azy ireo
dia talohan'ny nanamboarana Adam (fandriam-pahalemana ane ho azy).

وقد جاء في الحد يث (( خلقت الملا ئكة من نور وخلقت الجان من مارج من نار وخلقت آدم مما وصف لكم )) رواه مسلم

Arak'izay nazo tamin'ny Hadith anakiray manao hoe:" Namboarina ireo anjely avy tamin'ny hazavana, namboarina ny vazimba avy tamin'ny ahitran'ny afo be, ary namboarina Adam sahala amin'ny toetra misy aminareo (amin'ny fotaka) ". [Navoaky ny Mouslim]

***Faharoa : Isan'ireo Anjely***

Ny anjely dia zavaboary izay hoe tsy misy mahafantatra ny isan'izy ireo afa tsy Tompo Allah irery ihany, noho ny hamaroan'izy ireo, tsy misy ao amin'ny lanitra eo amin'ny toeran'ny rantsana efatra raha tsy hoe eo ny Anjely miankohoka amin'ny tany na mitsangana (izany hoe anatin'ny fanompoana Andriamanitra foana ) sahala amin'ny trano anakiray any amin'ny

lanitra faha fito izay atao hoe:"Baity Maamour ", izay hidiran'ny 70 arivo Anjely (na fito alina) isan'andro ary tsy miverina eo intsony izay efa teo noho ny hamaron'izireo, ary omena afo be (na hampitondraina) amin'ny andro ny fitsarana ary izy ireo dia manana 70 arivo lamboridy, ary isan'ny lamboridy dia 70 arivo Anjely mandalo eo aminy.

Hoy ilay Avo manao hoe:

﴿وَمَا يَعْلَمُ جُنُودَ رَبِّكَ إِلَّا هُوَ﴾ [سورة المدثر: من الآية٣١].

Izay adika manao hoe: "Tsy misy mahafantatra ireo miaramilan' ny Tomponao (ry Mouhamad) afa tsy izy ihany ". [Sourat al-moudathir, and: 31]

جاء في الحد يث أنه صلى الله عليه وسلم قل (( أطت الساء وحق أن تئط ما فيها موضع قد م الا وفيه ملك سا جد وراكع )) رواه البخاري ومسلم

Ary hita amin'ny Hadith fa ilay mahafatoky Mouhamad (saw) niteny hoe:" Mamoaka feo ny lanitra (sahala amin'ny feon'ny soavaly) ary marina raha hitaraina , tsy misy toeran'ny tongotra afa tsy hoe misy Anjely miankohoka ary miondrika ".[Navoaky ny Boukhary sy Mouslim ]

قال صلى الله عليه وسلم عن ا ليت المعمور ((يد خل في كل يوم سبعون ألف ملك لا يعــود ون اليه )) رواه البخاري ومسلم

Mbola niteny ilay mahafatoky mikasika ny "Baity Maamour "manao hoe:" miditra aminazy io 70 arivo Anjely isanan'andro ary tsy miverina aminy antsony ". [Navoaky ny Boukhary sy Mouslim]

قال صلى الله عليه وسلم (( يؤتي يومئذ لها سبعون ألف زمام مع كل زما م ســبعون ألــف ملك )) رواه مسلم

Mbola niteny ilay mahafatoky manao hoe: " Mipetraka ao amin'ny afo be (djahannam) amin'izany fotoana izany ary manana 70 arivo, ary isan'ny lamboridy dia 70 arivo Anjely". [Navoaky ny Mouslim]

Koe eto dia mazava amintsika ny hamaroan'ny isan'ireo Anjely, ary izy ireo mety mahatratra 4900 million Anjely ny isan'izy ireo.

Ary ahoana ny amin'ireo Anjely sisa, doka ho an'ilay nahary azy ireo,mandrindra azy ireo ary nanisa ny isan'izireo.

***Fahatelo : Anaran'ireo Anjely***

Tsy maintsy ny finoana izay noteneni'i Allah amintsika amin'ny Koran na notenenin'ny irany amitsika amin'ny fomba amam-panaony amin'ireo Anjely ary ny lehibe amin'izireo dia telo:

1- Gabriel, aryizy io dia antsoina hoe Gabriely, ary izy io dia fanahimasina midina noho ny hafatra izay misy ny fiainan'ny fo amin' ireo irany (fandriam-pahalemana anie ho azy ireo).

2- Mikail, mety antsoina Mikaila koa,ary izy io dia mpanome fahefana ny ilatsan'ny orana izay mampiaina ny tany manondraka azy araka ny nandindin'i Allah azy.

3- Israfil , ary izy io dia mpanome fahefana amin'ny fandefasana rivotra amin'ny sary.fiantsoana ny fahataperan'ny fiainana eto an-tany ary fanombohan'ny fiainana any ankoatra izay hoe fiainan'ny vatana fotsiny.

***Fahaefatra : Toetran'ireo Anjely***

Ny Anjely dia tena zavaboary marina, azy ireo ny vatana tena marina mendrika toetran'ny zavaboary sy toetrany manokana; Ka an'isan'izany:

a-Haben'ny fanamboarana azy ireo sy haben'ny vatan'izy ireo: namboarin'ny Allah ireo Anjely amin'ny endrika ngeza, matanjaka mifanaraka amin'ny asan'izy ireo maha te hidera izay

efa nomen'i Allah fahefana izy ireo amin'izany eo amin'ny lanitra sy ny tany.

b- Marina fa manana elatra izy ireo:

namboarin'i Allah, ho an'ireo Anjely ny elatra na roa na telo na efatra, ary manondro noho izany sahala nahitan'I Rassoulil'Allah (iraky ny Allah) i Anjely Gabriely amin'ny endrika maha Anjely azy ary mitondra eninjato elatra sady mila hanampitra ny fara void-lanitra.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿ الْحَمْدُ لِلَّهِ فَاطِرِ السَّمَاوَاتِ وَالْأَرْضِ جَاعِلِ الْمَلَائِكَةِ رُسُلاً أُولِي أَجْنِحَةٍ مَثْنَى وَثُلَاثَ وَرُبَاعَ يَزِيدُ فِي الْخَلْقِ مَا يَشَاءُ ﴾ [سورة فاطر: من الآية١].

Izay adika manao hoe:" Dera ho an'i Allah, nahary ny lanitra sy ny tany, mpametraka ireo Anjely ho iraka, manana elatra roa na telo na efatra afaka manampy an'izany amin'ny zavaboary arak'izay hitiavany izy ". [Sourat fatir,and:1]

d- Tsy fitadiavan'izy ireo sakafo na zava –pisotro:

namboarin'i Allah ireo Anjely tsy misakafo na misotro, tsy manambady ary tsy miteraka.

e-Ireo Anjely dia manan-tsaina, manam-po:

miteny amin'ny Allah izy ireo ary Allah koa niteny amin'izy ireo, miteny tamin'ny Adama izy ireo ary tamin'ny Mpaminany hafa ankoatrany

f- Fahefan'izy ireo amin'ny fakan-tahaka tsy tena amin'ny endrik'izy ireo marina:

nomen'i Allah fahefana ireo Anjely amin'ny fakan-tahaka endrika ny lehilahy amin'ny ireo zanak'olombelona ary eto dia misy hamaliana ireo mpanompo sampy izay mihambo fa ireo Anjely dia zanakan'i Allah.

Ary atsika tsy mahafantatra ny fomba fakan'izireo tahaka satria izy ireo maka-tahaka amin'ny endrika mitovy, sarotra ny manavaka izy ireo amin'ny zanak'olombelona.

g- Fahafatesan'ny Anjely

Ny Anjely rehetra dia ho faty amin'ny andron'ny fitsarana (amin'ny andro farany) izay misy amin'izy ireo Anjely mpangala ny fiaina'ny zanak'olombelona, avy eo rehefa hampitsanganina izy ireo tamin'ny ireo asa nanomezan'i Allah fahefana izireo tamin'izany.

h- Fanompoan'ny Anjely

Manompo an'i Allah ireo Anjely amin'ny fanompoana maro isan-karazany;

Anisan'izany ny Soalat, ny hataka, ny fiondrefana, ny fiankohofana, ny fahatahorana, ny fitiavana, sns sns maro samy hafa,

Ary anisan'ireo fomba fanompoan'izy ireo dia tahak'izao manaraka izao:

1-Ny tsy fitsaharana sy ny fitohizan'ny fanompoana tsy misy fitsaharana.

2- Ny fanankinana ny zavatra rehetra atao amin' Andriamanitra.

3- Ny fitazoman'ny fahendrena ary ny famelana ny faotana noho ny izy ireo voa aro amin'ny faotana,

4- Fanetren-tena ho an'i Allah miaraka amin'ny fanompoana maro.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿يُسَبِّحُونَ اللَّيْلَ وَالنَّهَارَ لا يَفْتُرُونَ﴾ [سورة الأنبياء:٢٠].

Izay adika manao hoe:"Midera an' Andriamanitra izy ireo alina sy atoandro ary tsy misy fitsaharana ". [Sourat al-anbiya,and: 20]

***Fahadimy : Asan'ireo Anjely:***

Mitsangana ireo Anjely amin'ny asa tsara maro izay nanomezan'i Allah fahefana azy ireo an'izany:

1-Ireo mpitondra ilay seza fiandrinany.(Allah)

2- Anjely mpanome fahefana amin'ny fampidirana ireo hafatra amin'ireo iraka,

3- Mpiandry paradisa sy ny afo be.

4- Mpanome fahefana amin'ny rahona, ranon'orana ary ireo zava-maniry

5- Mpanome fahefana ireo havoana.

6- Anjely mpanome fahefana ny fandefasana rivotra amin'ny endrika maro samihafa.

7- Nomena fahefana amin'ny fanoratana ireo asan'ny taranaka Adama,

8- Mpanome fahefana amin'ny fiarovana taranaka Adam, raha ohatra anefa mandahatra zavatra aminy i Allah dia avelan'izireo izany lahatra izany ary mihatra aminy ny lahatra.

9- Nomena fahefana mba hiaraka amin'ny zank'olombelona foana amin'ny hataka tsarany.

10- Nomena fahefana amin'ny fanamboarana ny ranon'aina ho olombelona amin'ny kibon'ny reniny, ny fandefasan aina amin'ny zanak'olombelona sy ny fanoratana ny reziky, ny anjarany, ary mahantra sa ho sambatra,

11- Homena fahefana amin'ny fipahoana ny ain'ny taranaka Adam eo amin'ny fahafatesana.

12- Nomena fahefana amin'ny fanontaniana ny zanak'olombelona amin'ny fasan'izireo sy izay (mifamaofao) aminy avy amin'ny hasoavana na sazy.

13- Nomena fahefana amin'ny fampandrenesana ny fiarahaban'ny vahoaka amin'izay.

Noho izany dia tsy tadiavin'ny Islamo anakiray amin'ny fiarahabany amin'ny Mpaminany (saw) ny tsy maintsy hanaovana dia (voyage) aminy.

Efa ampy mangataka tso-drano amin'ny Allah ho azy sy ny fiarahabana azy amin' izay toetra anaovana an'izany ary marina fa ireo Anjely no mampita ilay fiarahabana sy mampiely azy amin'ny Mpaminany.

Fa ny fanaovana dia (voyage) amin'ny Mosikirinin'ny Mpaminany no mba anao soalat ao aminy.

Ka izy ireo dia manana asa tena maro, fa ity no tena malaza amin'izy ireo, ary anisan'ny porofo amin'izany dia:

Ny tenin'ilay Avo manao hoe:

﴿الَّذِينَ يَحْمِلُونَ الْعَرْشَ وَمَنْ حَوْلَهُ يُسَبِّحُونَ بِحَمْدِ رَبِّهِمْ وَيُؤْمِنُونَ بِهِ وَيَسْتَغْفِرُونَ لِلَّذِينَ آمَنُوا﴾ [سورة غافر: من الآية٧].

Izay adika manao hoe: " Ireo izay mitondra ny seza fiandrianana sy izay manodidina azy dia mioby amin'ny fiderana ny Tompon'izy ireo, mino azy ary mangataka famelan-keloka ho an'ireo izay nino ". [Sourat ghafir,and: 7]

Mbola niteny ilay Avo:

﴿قُلْ مَنْ كَانَ عَدُوًّا لِجِبْرِيلَ فَإِنَّهُ نَزَّلَهُ عَلَى قَلْبِكَ بِإِذْنِ اللَّهِ﴾ [سورة البقرة: من الآية٩٧].

Izay adika manao hoe: " Teneno (ry Mouhammad) fa izay fahavalon'i Anjely Gabriely dia izy no nampidina io (koroany) io amin'ny fonao amin'ny fankasitran'i Allah ". [Sourat al-bakara,and: 97]

Mbola niteny ihany Izy Allah manao hoe:

﴿وَلَوْ تَرَى إِذِ الظَّالِمُونَ فِي غَمَرَاتِ الْمَوْتِ وَالْمَلائِكَةُ بَاسِطُو أَيْدِيهِمْ أَخْرِجُوا أَنْفُسَكُمُ} [سورة الأنعام: من الآية٩٣].

Izay adika manao hoe: " Raha ohatra ka hitanao (ry Mouhamad) ireo mpanambaka eo ambavahaonan'ny (horohoro) fahafatesana.ary ireo Anjely mamelatra (mizara) ny tanan'izy ireo ary miteny hoe avoahy ny ainanareo ". [Sourat al-an'am:93]

***Faha enina : Zon'ireo Anjely amin'ny taranaka Adama:***

a- Ny finoana azy ireo.

b- Fitiavana azy ireo sy ny fanomezana voninahitra azy ireo ary fahatsiarovana ny ambaratongam-pahefana misy amin'izireo.

c- Fandrarana ny fanompana azy ireo, na tsy fanomezana haja azy ireo na fanambanimbanina izy ireo.

d- Ny fanalavirana izay zavatra tsy tian'ireo Anjely satria izy ireo dia mahatsiaro matiantoka sahala amin'ny fatiantokan'ny taranaka Adam

***Vokatry ny finoana ireo Anjely :***

a- Fanamarinana ny finoana, satria tsy marina ny finoana raha tsy manana finoana an'izy ireo.

b- Ny fahafantarana halehiben'ny nanamboatra izy ireo, ny heriny ary ny fanjakany, satria ny halehiben'ny zavaboary dia avy amin'ny halehiben'ilay Nahary.

c- Fitomboan'ny finoana ao am-pon'ny mpino Silamo tsirairay amin'ny fahalalana ny toetran'izy ireo, ny fianinan'izy ireo ary ny asa iandreketan'izy ireo.

d- Ny fahatonian-tsaina sy fametrahan'ireo mpino Silamo ao an-tsaina fa manana mpiaro izy ireo amin'ny fahefan'i Allah dia ireo Anjely eo amin'izy ireo.

e- Fitiavan'ireo Anjely amin'ny fitsanganan'izireo manatanterana ireo fanompoana maro samihafa amin'ny endrika feno ary ny fangarahan'izireo famelankeloka amin'i Allah ho an'ireo mpino Silamo.

w- Fankahalana ireo asa ratsy sy ny faotana.

Z - Fisaorana an'i Allah ilay avo indrindra, avo amin'ny fanampiany an'ireo andevony (panompony), izany hoe: nanome fahefana ireo Anjely amin'ny fiarovana azy ireo sy ny fanoratana asan'izy ireo, ary ny zavatra hafa izay ananan'ireo mpino tombotsoa.

# NY ANDRY FAHATELO : NY FINOANA IREO BOKY REHETRA

Ny finoana an'ireo boky rehetra nampidinin'Allah amin'ireo irany, ho azy ireo anie ny tso-drano sy ny fandriampahalemana.

Izy io dia andry fahatelo amin'ny andry iorenan'ny finoana ka Tompo Allah dia efa nandefa an'ireo irany nitondra fanazavana ary nampidina amin'izy ireo, ireo boky rehetra, mba ho famindrapo amin'ireo zavaboary, ny fanitsiana izy ireo mba hanamariana ny fahasambaran'izy ireo eto an-tany sy any ankoatra, ary mba anisan'ny ho soridalan'ny zanak'olombelona tokony hizorany ary mpitsara amin'izay rehetra mampifanolana izy ireo.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿لَقَدْ أَرْسَلْنَا رُسُلَنَا بِالْبَيِّنَاتِ وَأَنْزَلْنَا مَعَهُمُ الْكِتَابَ وَالْمِيزَانَ لِيَقُومَ النَّاسُ بِالْقِسْطِ﴾ [سورة الحديد: من الآية٢٥].

Izay adika manao hoe:" Efa nalefanay ireo irakanay nitondra ny fanazavana ary nampidininay niaraka tamin'izy ireo ny boky masina (koroan)sy ny mizana angahangaha mba hampiatra ny fahamarinana ny zanak'olombelona". [Sourat al-hadid,and: 25]

Mbola niteny ilay Avo manao hoe:

﴿كَانَ النَّاسُ أُمَّةً وَاحِدَةً فَبَعَثَ اللَّهُ النَّبِيِّينَ مُبَشِّرِينَ وَمُنْذِرِينَ وَأَنْزَلَ مَعَهُمُ الْكِتَابَ بِالْحَقِّ لِيَحْكُمَ بَيْنَ النَّاسِ فِيمَا اخْتَلَفُوا فِيهِ﴾ [سورة البقرة: من الآية٢١٣].

Izay adika manao hoe:" Marina fa tany am-boalohany dia tokana ny vahoaka,ka nalefan'Andriamanitra ireo mpaminany,mpampilaza ny vaovao tsara sy mpampitandrina

ary nampidininy niaraka tamin'izy ireo ny boky masina (Coran) marina,mba hitsara eo amin'ny samy zanak'olombelona amin'izay fifandirana misy amin'izy ireo ". [Sourat al-bakara,and: 213]

***(1) Fahamarinan'ny finoana an'ireo boky rehetra:***

Ny finoana an'ireo Boky rehetra nidina dia tena fanamarinana fa an'i Allah ireo boky ireo ary nampidininy amin'ireo irany, ary izy io dia tena teniny marina, ary izy io dia hazavana no sady fahitsiana, ary izay rehetra momba azy io dia marina ary tsy maintsy ny fanarahana azy sy ny fanatanterana izay voalazany ary tsy misy mahafantatra ny isan'ireo boky ireo afa tsy Allah irery,

Niteny ilay avo manao hoe:

Izay adika manao hoe: " Ary marina fa tena niteny tamin'i Mosesy tokoa Andriamanitra". [Sourat al-nissa,and: 164]

Mbola niteny ilay Avo hoe :

﴿ وَإِنْ أَحَدٌ مِنَ الْمُشْرِكِينَ اسْتَجَارَكَ فَأَجِرْهُ حَتَّى يَسْمَعَ كَلامَ اللَّهِ ﴾ [سورة التوبة: من الآية٦].

Izay adika manao hoe: " Rehefa misy iray amin'ireo panompo sampy mangataka aminao ny fiarovana dia arovo izy mandra-pahenoany ny tenin'Andriamanitra". [Sourat al-taobat, and: 6]

***(2) Lalana misy ny finoana ireo boky rehetra :***

Tsy maintsy ny finoana ny boky rehetra izay nampidinin'i Allah amin'ireo irany ary izy Allah no niteny tena marina amin'izany fa tsy noforonina, ary izay nanohitra izy ireo na nanda iray ao aminy dia efa lazaina tsy mpino (kafiry).

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا آمِنُوا بِاللَّهِ وَرَسُولِهِ وَالْكِتَابِ الَّذِي نَزَّلَ عَلَى رَسُولِهِ وَالْكِتَابِ الَّذِي أَنْزَلَ مِنْ قَبْلُ وَمَنْ يَكْفُرْ بِاللَّهِ وَمَلَائِكَتِهِ وَكُتُبِهِ وَرُسُلِهِ وَالْيَوْمِ الْآخِرِ فَقَدْ ضَلَّ ضَلَالًا بَعِيدًا﴾ [سورة النساء:١٣٦].

Izay adika manao hoe:" Oh ianareo mpino, minoa Allah ianareo sy ny irany ary ny Boky (Koran) izay nampidininy tamin'ny irany, ary ny boky izay nampidininy talohan'izany. Ary izay mikomy amin'ny Allah, amin'ireo Anjeliny, amin'ireo Bokiny sy amin'ireo irany, ary amin'ny andro farany dia lazaina fa very amin'ny fahaverezana lavitra indrindra ". [Sourat al-nissa,and: 136]

Mbola niteny ilay Avo manao hoe:

﴿وَهَذَا كِتَابٌ أَنْزَلْنَاهُ مُبَارَكٌ فَاتَّبِعُوهُ وَاتَّقُوا لَعَلَّكُمْ تُرْحَمُونَ﴾ [سورة الأنعام:١٥٥].

Izay adika manao hoe: " Ary ity no boky masina nampidininay aminy (amin'i Mouhammad), ka arahonareo izy io angahangaha ianareo hahazo indra-fo ". [Sourat al-an'am,and: 155]

***(3) Ny filan'ny zanak'olombelona ireo boky ireo sy ny antony nampidinana azy:***

**Voalohany** : angahangaha ilay boky nidina amin'ny Maka no fiverenan'ny vahoaka. Ka niverina aminy (boky) izy ireo mba ahaizan'izy ireo ny finoana'izy ireo.

**Faharoa** : angahangaha ilay boky nidina amin'ny izay iraka izy no mpitsara marina ny vahoaka amin'izay rehetra mampifanolana izy ireo.

**Fahatelo**: angahangaha hipetraka ilay boky nampidinina mba hiaro ny finoana aorian'ny fahafatesan'ilay iraka na ahoana na ahoana ny halaviran'tany sy ny fotoana sahala amin'ireny

fiantsoana na fampielazan-kevitra nataoin'ny Mpaminanitsika Mouhammad (saw)

**Fahaefatra**: angahangaha hipetraka ireo boky ireo ho porofon'i Allah amin'ireo zavaboariny, tsy mampivalapatra ny fifanolanan'izy ireo na koa tsy mampivoaka izy ireo aminy.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿كَانَ النَّاسُ أُمَّةً وَاحِدَةً فَبَعَثَ اللَّهُ النَّبِيِّينَ مُبَشِّرِينَ وَمُنْذِرِينَ وَأَنْزَلَ مَعَهُمُ الْكِتَابَ بِالْحَقِّ لِيَحْكُمَ بَيْنَ النَّاسِ فِيمَا اخْتَلَفُوا فِيهِ﴾ [سورة البقرة: من الآية٢١٣].

Izay adika manao hoe: " Taloha ny zanak'olombelona dia vahoaka iray (tokana), ka nandefasan'i Allah ireo Mpaminany izy ireo,mpampilaza vaovao tsara sy mpampitandrina ary nampidininy niaraka tamin'izy ireo ny boky masina tena marina mba hitsara ny zanak'olombelona amin'izay fifandirana misy amin'izy ireo ".

***(4)Toetoetry ny finoana an'ireo boky ireo:***

Ny finoana an'ireo bokin'i Allah ireo dia misy faobe ary misy an-tsimpiriany:

-Ka ny faobe: dia ny finoana marina fa i Allah no mampidina ireo boky ireo tamin'ireo irany, azy ireo anie ny tso-drano sy ny fandiam-pahalemana.

-Fa ny an-tsipiriany kosa dia: ny finoana marina arak'izay niantsoan'i Allah ireo bokiny amin'ny Koran ary efa fantatsika tamin'izany ny Koran, ny tantara, ny Zabour, ny Evanjelika ary Sohfo Ibarahim sy Moussa. Ary ny finoana marina fa i Allah dia mampitovy lenta an'ireo mpaminaniny, tsy misy mahafantatra ny anaran'izy ireo na ny isan'izy ireo afa tsy izay nampidinany azy ireo Dera ambony anie ho azy.

Ary ireo boky rehetra ireo dia tonga nanamarina ny fanokanana ny Tompo Allah amin'ny zavatra hafa,ary

fanakanana ny fanaparitahana ireo zavatra ratsy rehetra amin'ity tany ity, ka ny niandohan'ny fampielazan-kevitr'ireo Mpaminany dia, mivory iray, na dia tsy mitovy aza ireo lalan'ny finoana sy ny fitsarana.

Ary ny finoana an'ireo boky ireo dia ny fanekena ny fidinan'izy ireo tamin'ny ireo iraka teo aloha, sy ny finoana Koran, ny fanekena azy miaraka amin'ny fanetren-tena ary ny fanarahana izay zavatra voalazany (misy ao aminy)

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿آمَنَ الرَّسُولُ بِمَا أُنْزِلَ إِلَيْهِ مِنْ رَبِّهِ وَالْمُؤْمِنُونَ كُلٌّ آمَنَ بِاللَّهِ وَمَلائِكَتِهِ وَكُتُبِهِ وَرُسُلِهِ﴾ [سورة البقرة: من الآية٢٨٥].

Izay adika manao hoe:" Nino ilay iraka tamin'izay nidina taminy avy tamin'ny Tompony sy ireo mpino rehetra. Ireo rehetra ireo dia nino an'i Allah sy ireo Anjeliny, ireo bokiny, ary ireo irany ".

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿اتَّبِعُوا مَا أُنْزِلَ إِلَيْكُمْ مِنْ رَبِّكُمْ وَلا تَتَّبِعُوا مِنْ دُونِهِ أَوْلِيَاءَ﴾ [سورة الأعراف: من الآية٣].

Izay adika manao hoe: " Arahonareo izy nidina aminareo avy tamin'ny Tomponareo (Koran) ary anareo aza manaraka ny zavatra hafa ankoatrany ho ataonareo mpitarika " .

Ary efa niavaka ny Koran raha ampitahaina amin'ny ireo boky talohany amin'ny zavatra maro samihafa, fa tena mampiavaka azy dia izao:

1-Marina fa izy io dia fahagagana amin'ny tonony sy ny dikany ary izay misy ao aminy amin'ny alalan'ny fahamarinana ity tontolo ity sy izao rehetra izao.

2- Marina fa izy io dia boky farany nidina avy tamin'ny Tompo Allah, ka teo no nifarana ny boky sahala amin'ny fahataperan'ny hafatran'ny Mpaminanitsika (Mouhamad) (saw)
3- I Allah dia efa nizaka amin'ny fiarovana azy amin'ny famadihana rehetra na ny famotehana mifanohitra amin'ny boky sasany izay nisehoan'ny famadihana sy ny famotehana.
4- Marina fa izy dia manamarina ireo boky talohany ary mpanetsiketsika azy ireo.
5-Izy io (Koran) dia namafa ny boky rehetra talohany.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿مَا كَانَ حَدِيثاً يُفْتَرَى وَلَكِنْ تَصْدِيقَ الَّذِي بَيْنَ يَدَيْهِ وَتَفْصِيلَ كُلِّ شَيْءٍ وَهُدىً وَرَحْمَةً لِقَوْمٍ يُؤْمِنُونَ﴾ [سورة يوسف: من الآية١١١].

Izay adika manao hoe: " Izy io dia tsy famerenana ny efa vita (namboarina) nefa kosa fanamarinana izay nisy talohany, fampisehoana an-tsipirian'ny zava-drehetra sy fanitsiana ary famindram-po ho an'ny vahoaka mpino ". [Sourat Youssouf,and: 11]

***(5)Fanekena ny vaovaon'ireo boky taloha :***

Fanta-tsika am-patoniana fa izay vaovao rehetra misy amin'ireo boky ireny an'isan'izany ny vaovao izay nampitain'Andriamanitra tamin'ireo irany (azy ireo anie ny tso-drano sy ny fandriam-pahalemana) dia marina ary tsy misy tebiteby sy fisalasalana ny aminy.

Ary izany tsy midika ny fanetsehana izay rehetra misy ao anatin'ireo boky eo am-pelatanan'ny chiristianina sy jiosy, amin'izao fotoana izao, satria efa voa vadika izy ireny, ka tsy misy tavela intsony ny niandohany izay nampidinan'i Allah azy ireo tamin'ireo irany (azy ireo anie tso-drano sy ny fandriampahalemana.

Araky ny nahafantaratsika azy amin'ny ireo boky ireo izay nolazain'i Allah amitsika amin'ny boky masina izany hoe: marina fa tsy misy (aina) voasazy noho ny fahotan'ny hafa. Ary tsy misy na (na tsara na ratsy) ho an'ny zanak'olombelona afa tsyizay nataony ihany. Ary marina fa ny nataony ihany no hohitany (amin'ny andro farany), avy eo dia ho valiana valisoa feno izy.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿أَمْ لَمْ يُنَبَّأْ بِمَا فِي صُحُفِ مُوسَى * وَإِبْرَاهِيمَ الَّذِي وَفَّى * أَلَّا تَزِرُ وَازِرَةٌ وِزْرَ أُخْرَى * وَأَنْ لَيْسَ لِلْإِنْسَانِ إِلَّا مَا سَعَى * وَأَنَّ سَعْيَهُ سَوْفَ يُرَى * ثُمَّ يُجْزَاهُ الْجَزَاءَ الْأَوْفَى﴾ [سورة النجم:٣٦-٤١].

Izay adika manao hoe: " Moa ve tsy nolazaina izay nisy tao anatin'ny takelaka Moussa (Mosesy), sy an'i Ibrahim izay nanatanteraka (ny fampanetanana sy ny fampitana) ary marina fa tsy misy (aina) voa hota noho ny fahotan'ny hafa. Ary tsy misy ho an'ireo olombelona afa tsy izay nataony ihany.Ary marina fa io nataony io dia mbola ho hitany. Avy eo dia hahazo valisoa feno nampanantenaina azy izy ". [Sourat an-najm,and: 36-41]

Mbola niteny ilay Avo manao hoe:

﴿بَلْ تُؤْثِرُونَ الْحَيَاةَ الدُّنْيَا * وَالْآخِرَةُ خَيْرٌ وَأَبْقَى * إِنَّ هَذَا لَفِي الصُّحُفِ الْأُولَى * صُحُفِ إِبْرَاهِيمَ وَمُوسَى﴾ سورة الأعلى:١٦-١٩].

Izay adika manao hoe: " Nefa tena ankafihizinareo izao fiainana eto an-tany izao nefa amin'ny andro farany no tsara lavitra sy fitoerana mandrakizay, Marina fa ity dia misy amin'ny takelaka voalohany. Takelakan'i Abraham sy Mosesy ". [Sourat al-a'la,and: 16-19]

Fa ny lalanany kosa dia marina fa izay misy ao amin'ny Koran tsy maintsy amitsika ny maka azy ho fanompoana, mifanohitra amin'izany misy amin'ireo boky taloha. Ka anjara-tsika ny mijery raha ohatra mifanohitra amin'ny lalanatsika dia tsy raisintsika, tsy midika hoe diso izy, mifanohitra amin'izany, dia marina tamin'ny fotoan'androny, nefa kosa tsy voatery na tsy terena atsika ny hanaraka azy, satria efa nofafain'ny lalanatsika izy ka raha ohatra moa mifanaraka amin'ny lalanatsika ilay izy dia marina ary porofoin'ny lalanantsika ny fahamarinan'izany.

***(6)Ireo boky nampidin'Allah izay voalaza ny anaran'izy ireo amin'ny Coran sy ny Sounnat :***

**1- Ny Kor'an masina**:

Izy io dia tenin' Allah izy, nampidininy amin'ny Mouhammad (saw) farany amin'ireo iraka sy amin'ireo Mpaminany, ka izy no farany tamin'ireo boky nidina, ary niezaka Allah tamin'ny fiarovana azy amin'ny famadihana sy fisolosoloana ary nanao azy ho mpamafa an'ireo boky hafa.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿إِنَّا نَحْنُ نَزَّلْنَا الذِّكْرَ وَإِنَّا لَهُ لَحَافِظُونَ﴾ [سورة الحجر:٩].

Izay adika manao hoe: " Marina fa izahay no nanao ny fampidinana an'io zikry io(Koran) ary izahay no miaro azy ". [Sourat al-hajry,and: 9]

Mbola niteny ilay avo manao hoe:

﴿وَأَنْزَلْنَا إِلَيْكَ الْكِتَابَ بِالْحَقِّ مُصَدِّقاً لِمَا بَيْنَ يَدَيْهِ مِنَ الْكِتَابِ وَمُهَيْمِناً عَلَيْهِ فَاحْكُمْ بَيْنَهُمْ بِمَا أَنْزَلَ اللَّهُ﴾ [سورة المائدة: من الآية٤٨].

Izay adika manao hoe: " Ary nampidininay aminao (ry Mouhammad) ny boky (Koran) amin'ny fahamarinana mba hankamafisanay izay nisy taloha sy ho mpitsara ny marina eo

aminy. Ka tsarao izy ireo arak'izay nampidinan'i Allah azy". [Sourat al-ma'ida,and: 47]

**2-At-Tawrat**

Izy io dia boky izay nampidinin'i Allah tamin'ny Moussa (Mosesy) (hoa azy anie ny fandriam-pahalemana) ary nataony izy io ho mpanitsy sy manome hazavana, mitsara amin'azy io ireo Mpaminany taranaka Israelianina sy ny manampahizan'izy ireo.

Ary ny Tawrata dia tsy maintsy ny finoana azy, izy izay nampidinin'i Allah amin'ny Moussa fa tsy sahala amin'ilay Tawrata voavadika misy eo amin'ny Christianina sy jiosy ankehitriny.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿إِنَّا أَنْزَلْنَا التَّوْرَاةَ فِيهَا هُدىً وَنُورٌ يَحْكُمُ بِهَا النَّبِيُّونَ الَّذِينَ أَسْلَمُوا لِلَّذِينَ هَادُوا وَالرَّبَّانِيُّونَ وَالْأَحْبَارُ بِمَا اسْتُحْفِظُوا مِنْ كِتَابِ اللَّهِ} [سورة المائدة: من الآية٤٤].

Izay adika manao hoe:" Izahay no nanao ny fampidinana ny Thora izay misy fahitsiana sy hazavana. Mitsara aminazy io ireo Mpaminany (Israelianina) izay nanetry tena ho an'i Allah ny fon'izy ireo ho an'ireo Mpitaiza sy manam-pahaizana mpitsara arak'izay niarovan'I Allah ny bokiny (Thora) taminazy ireo ". [Souarat, al-ma'ida, and: 44]

**3- Ny evanjely:**

Izy io dia boky izay nampidinin'i Allah marina tamin'ny Issa (Jesosy) fandriam-pahalemana ho azy , mba hanamafy izay talohany tamin'ireo boky nidina.

Ary ny Evanjely izay tsy maintsy ny finoana azy ary izy io dia ilay boky nampidinin'i Allah tamin'i Issa ,tamin'ny nipoiran'ny tena marina, fa tsy sahala amin'ilay Evanjely maro be

izay voavadivadika misy amin'izao fotoana izao eo am-pelatanan'ny Kristianina sy Jiosy.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿وَقَفَّيْنَا مِنْ بَعْدِهِ بِالرُّسُلِ وَآتَيْنَا عِيسَى ابْنَ مَرْيَمَ الْبَيِّنَاتِ وَأَيَّدْنَاهُ بِرُوحِ الْقُدُسِ أَفَكُلَّمَا جَاءَكُمْ رَسُولٌ بِمَا لا تَهْوَى أَنْفُسُكُمُ اسْتَكْبَرْتُمْ فَفَرِيقاً كَذَّبْتُمْ وَفَرِيقاً تَقْتُلُونَ﴾ [سورة البقرة: من الآية٨٧].

Izay adika manao hoe: "Nalefanay taorian'izy ireo i Jesosy zanak'i Mariamo (Maria)
mba hanamafy izay nisy tamin'ny Thora talohany, ary nomenay azy ny Evangelika izay misy fanitsiana sy hazavana mba hanamarina (hanamafy) izay nisy tao amin'ny Thora talohany sy fanitsiana ary famporisihana ho an'ireo manana fatahorana ". [Sourat al-ma'ida,and: 46]

Ary izay mifono anatin'ny Thora sy Evanjely zava-baovao (vaovao tsara) amin'ny fandefasana ny Mpaminany Mouhammad.

Niteny ilay Avo manao heo:

﴿الَّذِينَ يَتَّبِعُونَ الرَّسُولَ النَّبِيَّ الْأُمِّيَّ الَّذِي يَجِدُونَهُ مَكْتُوباً عِنْدَهُمْ فِي التَّوْرَاةِ وَالْأِنْجِيلِ يَأْمُرُهُمْ بِالْمَعْرُوفِ وَيَنْهَاهُمْ عَنِ الْمُنْكَرِ وَيُحِلُّ لَهُمُ الطَّيِّبَاتِ وَيُحَرِّمُ عَلَيْهِمُ الْخَبَائِثَ وَيَضَعُ عَنْهُمْ إِصْرَهُمْ وَالْأَغْلالَ الَّتِي كَانَتْ عَلَيْهِمْ} [سورة الأعراف: من الآية١٥٧].

Izay adika manao hoe: " Izay manaraka ny iraka, Mpaminany tsy mahay mamaky sy manoratra Mouhamad (saw) izay hitan'izy ireo fa voasoratra (voalaza) ao amin'izy ireo ao amin'ny Thora sy Evanjely. Mamporisika azy ireo amin'ny fanaovana tsara ary manakana amin'ny fanaovana ratsy, manome azy ireo alalana

amin'ny fihinanana ireo amin'ny zavatra tsara (lenta) ary misakana ireo zavatra ratsy indrindra amin'izy ireo (toaka, henna-kisoa, ny zana-bola ary faty boboka) ary nametraka ny fifanekena aminazy ireo sy ireo sarotiny be amin'ny finoana izay nisy tamin'izy ireo ". [Sourat al- anraf, and:157]

**4- Zabour :**

Izy io dia boky izay nampidinin'i Allah tamin'i Daoud(na Davida) (ho azy anie ny fandriam-pahalemana).

Ary ny Zabour dia tsy maintsy ny finoana azy, izy izay nampidinin'i Allah tamin'ny Daoud (Davida) ary tamin'izany fotoana izany mbola tsy nidiran'ireo famadibadihana maro samihafa , amin'ny asan'ireo Jiosy.

Niteny ilay avo manao hoe:

﴿وَآتَيْنَا دَاوُدَ زَبُوراً﴾ [سورة النساء: من الآية١٦٣].

Izay adika manao hoe: " Ary nomenay Daoud ny Zabour ". [Sourat al-nissa,and: 163]

**5-Tkelakan'ny Ibrahim sy Moussa:**

Ary izy io dia takelaka izay nomen'i Allah Ibrahim sy Moussa (azy roa anie ny fandriam-pahalemana), ary ity takelaka ity dia very, tsy fantatra mihitsiny ny momba azy na dia kely aza afa tsy hoe tonga ny fanambarana azy ao amin'ny Koran sy ny Sounat.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿أَمْ لَمْ يُنَبَّأْ بِمَا فِي صُحُفِ مُوسَى * وَإِبْرَاهِيمَ الَّذِي وَفَّى * أَلَّا تَزِرُ وَازِرَةٌ وِزْرَ أُخْرَى * وَأَنْ لَيْسَ لِلْإِنْسَانِ إِلَّا مَا سَعَى * وَأَنَّ سَعْيَهُ سَوْفَ يُرَى * ثُمَّ يُجْزَاهُ الْجَزَاءَ الْأَوْفَى﴾ [سورة النجم:٣٦-٤١].

Izay adika manao hoe: " Moa ve tsy nolazaina izay nisy tao anatin'ny taratasin'i Moussa ary an'i Ibrahim izay nanatanteraka

(ny fampanatenana sy ny fampitana)ary marina fa tsy misy (aina)voa hota noho ny fahotan'ny hafa. Ary marina fa io nataony io dia mbola hitany. Avy eo dia mahazo valisoa feno nampanatenaina azy izy ". [Sourat an-najm,and: 36-41]

Mbola niteny ilay avo manao hoe:

﴿بَلْ تُؤْثِرُونَ الْحَيَاةَ الدُّنْيَا * وَالْآخِرَةُ خَيْرٌ وَأَبْقَى * إِنَّ هَذَا لَفِي الصُّحُفِ الْأُولَى * صُحُفِ إِبْرَاهِيمَ وَمُوسَى﴾ سورة الأعلى:١٦-١٩].

Izay adika manao hoe: " Nefa tena ankafizinareo ny fiainana eto an-tany izao nefa.Amin'ny andro farany no tsara lavitra sy fitoetra mandrakizay. Marina fa ity dia misy amin'ny takelaka voalohany. Takelakan'i Ibrahim sy Moussa ". [Sourat al-a'la,and: 16-19]

# NY ANDRY FAHA EFATRA NY FINOANA AN'IREO IRAKA

***1) Ny finoana an'ireo iraka, azy ireo anie ny fandriam-pahalemana :***

Izy io dia iray amin'ireo andry iorenan'ny finoana izay hoe tsy marina (tsy feno) ny finoan'ny andevo (mpanompo) anakiray raha tsy miaraka aminy.

Ary ny finoana an'ireo Iraka:
Izy io dia foto-pinoana voamarina fa irak'Allah izy ireo , nofidin'i Allah izy ireo mba hampita ny hafatrany amin'ny zanak'olombelona.Ka izay minosy manaraka azy ireo dia nahitsy ary izay nitsipaka amin'azy ireo kosa dia very, ary izy ireo efa nampita tamin'ny fampitana mazava izay nampidinin'i Allah, Tompon'izy ireo tamin'izyireo, ary notanterahin'izy ireo ny hafatra ary nanarin'izy ireo ny vahoaka.Ary niady mafy amin'ny foton'ny Allah, ady tena marina, nampitsangana ny marina ny porofo, tsy mbola niseho na nanova na namadika amin'izay nanirahana azy izy, ary inoantsika arak'izay niantsoan'i Allah azy ireo tamintsika sy izay tsy noteneny, ary isaky ny mpaminany dia tsy maintsy milaza izay mpaminany ho avy ao aoriany, ary ny tonga aoriana amin'izy ireo dia tsy maintsy manamarina izay talohany.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿ قُولُوا آمَنَّا بِاللَّهِ وَمَا أُنْزِلَ إِلَيْنَا وَمَا أُنْزِلَ إِلَى إِبْرَاهِيمَ وَإِسْمَاعِيلَ وَإِسْحَاقَ وَيَعْقُوبَ وَالْأَسْبَاطِ وَمَا أُوتِيَ مُوسَى وَعِيسَى وَمَا أُوتِيَ النَّبِيُّونَ مِنْ رَبِّهِمْ لَا نُفَرِّقُ بَيْنَ أَحَدٍ مِنْهُمْ وَنَحْنُ لَهُ مُسْلِمُونَ ﴾ [سورة البقرة:١٣٦].

Izay adika manao hoe: " Tenenonareo: mino Allah izahay sy izay nampidininy taminay ary izay nampidininy tamin'i Ibrahim, Ismael sy Issak ary Yakoub sy ireo foko ary izay nomena Moussa sy Issa (Jesosy) ary izay nomena an'ireo Mpaminany avy tamin'ny Tompon'izy ireo; izahay dia tsy manavaka ny iray amin'izy ireo ary izahay dia Silamo eo aminy ". [Sourat al-bakara,and: 136]

Ka izay nampandainga ny iraka anakiray dia efa sahala amin'ny nampandainga ilay natoky azy ary izay nikomy aminy dia efa sahala amin'ny nikomy amin'izay nandidy (naniraka) ny tokony hankatoavana azy.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿إِنَّ الَّذِينَ يَكْفُرُونَ بِاللَّهِ وَرُسُلِهِ وَيُرِيدُونَ أَنْ يُفَرِّقُوا بَيْنَ اللَّهِ وَرُسُلِهِ وَيَقُولُونَ نُؤْمِنُ بِبَعْضٍ وَنَكْفُرُ بِبَعْضٍ وَيُرِيدُونَ أَنْ يَتَّخِذُوا بَيْنَ ذَلِكَ سَبِيلاً * أُولَئِكَ هُمُ الْكَافِرُونَ حَقّاً وَأَعْتَدْنَا لِلْكَافِرِينَ عَذَاباً مُهِيناً﴾ [سورة النساء: ١٥٠، ١٥١].

Izay adika manao hoe:" Ireo izay tsy nino an'i Allah sy ireo irany ary mitady hanasaraka Allah amin'ireo irany ary niteny hoe izahay dia mino sasany amin'azy ireo ihany, fa izahay kosa tsy dia mino ny sasany ary mitady nadray lalana hafa (lalan'ny tsy finoana). Ireny izany dia tena mpikomy marina. Ary efa nomaninay hoe an'ireo mpikomy ireo ny sazy maha menatra ". [Sourat al-nissa, and: 150-151]

***2) Fanamarinan'ny faminaniana***

Faminaniana: Mpanelanelana eo amin'ny Nanahary sy ny zavaboariny amin'ny fanaparitahana ireo hafany sy ny lalanany. Omen'i Allah izay tiany amin'ireo andevony izy io, ary mifidy ho amin'izany izay tiany amin'ireo zavaboariny. Ka tsy misy safidy ho an'olon-kafa ankoatrany.

Niteny ilay avo manao hoe:

﴿اللَّهُ يَصْطَفِي مِنَ الْمَلائِكَةِ رُسُلاً وَمِنَ النَّاسِ إِنَّ اللَّهَ سَمِيعٌ بَصِيرٌ﴾ [سورة الحج:٧٥].

Izay adika manao hoe:" Allah dia nifidy iraka tamin'ireo Anjely ary tamin'ny zanak'olombelona. Marina fa Allah dia maheno no mahita ". [Sourat al-hajj,and: 75]

Ary ny faminaniana dia omena fa tsy tadiavina tsy takatra noho ny hamaroan'ny fanompoana na fahendrena, ary tsy tonga amin'ny safidin'ny Mpaminany na hatakany izany, fa tsy maintsy safidy avy amin'ny Allah.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿اللَّهُ يَجْتَبِي إِلَيْهِ مَنْ يَشَاءُ وَيَهْدِي إِلَيْهِ مَنْ يُنِيبُ﴾ [سورة الشورى: من الآية١٣].

Izay adika manao hoe: " Allah dia mifidy no sady mampanakaiky izay tiany eo aminy ary manitsy hantrany izay mitady hiverina aminy ". [Sourat as-shoura,and: 13]

***3) Ny antony nanirahana an'ireo iraka:***

Ny antony nanirahana an'ireo iraka, (fadriam-pahalemana anie ho azy ireo), dia miendrika zavatra maro :

**Voalohany**: Famoahana ny andevo tamin'ny fanompoana andevo ho any amin'ny fanompoana Tompon'ny andevo ary avy amin'ny fanandevozan'ny fanompoana ny zavaboary ho any amin'ny fahalalahana ny fanompoana tompon'ny andevo.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿وَمَا أَرْسَلْنَاكَ إِلَّا رَحْمَةً لِلْعَالَمِينَ﴾ [سورة الأنبياء:١٠٧].

Izay adika manao hoe: "Tsy nirahina ianao (ry Mouhammad) afa tsy hoe ho famindram-pon'izao tontolo izao ". [Sourat al-anbiya,and:107]

**Faharoa**: Famantarana ny tanjona izany hoe nanamboatra ny zavaboary i Allah noho ny anton'izany famantarana izany, ary izy

io dia fanompoana azy, ny fanokanana azy ary izay tsy fantatra raha tsy amin'ny alalan'ireo iraka,izay nofidin'i Allah izy ireo avy amin'ireo zavaboariny ary nomeny ambaratongam-pahefana izy ireo amin'izao tontolo izao.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿ وَلَقَدْ بَعَثْنَا فِي كُلِّ أُمَّةٍ رَسُولاً أَنِ اعْبُدُوا اللَّهَ وَاجْتَنِبُوا الطَّاغُوتَ ﴾ [سورة النحل: من الآية٣٦].

Izay adika manao hoe: " Efa nirahina isaky ny vahoaka ny iraka, mba hiteny amin'azy ireo " Tomponareo" i Allah ary alavironareo ny devoly ". [Sourat an-nahly,and: 36]

**Fahatelo**: Fampitsanganana porofo amin'ny zanak'olombelona amin'ny fandefasana ireo iraka.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿ رُسُلاً مُبَشِّرِينَ وَمُنْذِرِينَ لِئَلَّا يَكُونَ لِلنَّاسِ عَلَى اللَّهِ حُجَّةٌ بَعْدَ الرُّسُلِ وَكَانَ اللَّهُ عَزِيزاً حَكِيماً ﴾ [سورة النساء:١٦٥].

Izay adika hoe: ' Noho ny maha iraka izy ireo sy mpilaza vaovao, ary mpampitandrina, angangaha tsy hoe hisy amin'ny zanak'olombelona, ny porofo amin'i Allah. aorian'ireo iraka (maro be) ary Allah dia matanjaka sy hendry ". [Sourat al-nissa,and: 165]

**Fahaefatra** : Fanazavana amin'ireo zava miafina izay tsy takatry ny sain'ny zanak'olombelona antsain'izy ireo . Ohatra: anaran'i Allah sy ireo toetrany, ny fahafantarana an'ireo Anjely sy ny andro farany ary hafa ankoatr'izany.

**Fahadimy**: Noho ny maha iraka mpitarika tsara izy ireo dia nofenoin'i Allah amin'izy ireo, ireo toetra tsara ambony indrindra ary niaro azy ireo amin'ny hetahetam-po ara nofo na amin'ny ahiahy.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿ أُولَئِكَ الَّذِينَ هَدَى اللَّهُ فَبِهُدَاهُمُ اقْتَدِهْ ﴾ [سورة الأنعام: من الآية٩٠].

Izay adika manao hoe: " Izy ireo no nahitsin'i Allah ka araho ny fahitsian'izy ireo dia ahitsy ianao". [Sourat al-an'am, and: 90]

Mbola niteny ilay Avo manao hoe:

﴿ لَقَدْ كَانَ لَكُمْ فِيهِمْ أُسْوَةٌ حَسَنَةٌ ﴾ [سورة الممتحنة: من الآية٦].

Izay adika manao hoe: " Efa nananareo (ry mpino) tamin'izy ireo mpitarika tsara ".

-Fahaenina: Fanamboarana ny vatan-tena, ny fiderana azy, ny fanadiaovana azy, ary ny fampitandremana azy amin'izay rehetra tadiaviny.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿ هُوَ الَّذِي بَعَثَ فِي الْأُمِّيِّينَ رَسُولاً مِنْهُمْ يَتْلُو عَلَيْهِمْ آيَاتِهِ وَيُزَكِّيهِمْ وَيُعَلِّمُهُمُ الْكِتَابَ وَالْحِكْمَةَ ﴾ [سورة الجمعة: من الآية٢].

Izay adika manao hoe:" Izy izay naniraka, amin'ireo vahoaka tsy mahay, mamaky teny sy manoratra (ny arabo) ny iraka, avy amin'izy ireo ihany mamaky aminazy ireo ny andininy masina, manadio azy ireo ary mampianatra azy ireo ny boky masina (Koran) ary ny fahendrena ".

قال صلى الله عليه وسلم : ((انما بعثت لأتمم مكا رم الأخلآق )) رواه أحمد والحاكم

Ilay mahafatoky Mpaminany Mouhammad (saw) niteny hoe:" Nalefa ny tenako mba hampiseho ny fitondran-tena tsara ". [Navoaky ny Ahmad sy Hakim]

***4- Asan'ireo iraka (azy ireo anie ny fandriam-pahalemana):***

Manana asa mendrika maro ireo iraka, anisan'izany:

a- Fanaparitahana ny lalanan'ny finoana sy ny fiantsoana ny zanak'olombelona ho any

amin'ny fanompoana Allah tokana ary fanalana fanompoana ankoatrany.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿الَّذِينَ يُبَلِّغُونَ رِسَالَاتِ اللَّهِ وَيَخْشَوْنَهُ وَلَا يَخْشَوْنَ أَحَداً إِلَّا اللَّهَ وَكَفَى بِاللَّهِ حَسِيباً﴾ [سورة الأحزاب:٣٩].

Izay adika manao hoe: " Ireo izay nampita (nanaparitaka) ny hafatr'i Allah, matahoatra azy ary tsy matahotra n'izan'iza (amin'izay nanirahan'ny Tompon'izy ireo an-dry zareo) afa tsy Allah, ka ampy Allah, ny miaro ny asan'ireo andevony ary mitsara azy ireo amin'ny andron'ny fitsarana ". [Sourat al-ahzab,and: 39]

g- Fanazavana izay nidina mikasika ny finoana.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿بِالْبَيِّنَاتِ وَالزُّبُرِ وَأَنْزَلْنَا إِلَيْكَ الذِّكْرَ لِتُبَيِّنَ لِلنَّاسِ مَا نُزِّلَ إِلَيْهِمْ وَلَعَلَّهُمْ يَتَفَكَّرُونَ﴾ [سورة النحل:٤٤].

Izay adika manao hoe: " Nalefanay aminareo ny porofo azo tsapain-tanana sy ny boky masina (Koran) mba hahafanareo manazava amin'ireo zanak'olombelona izay nampidininay taminazy ireo, angahangaha mba hieritreretan' izy ireo ". [Sourat an-nahly,and: 44]

f- Famporisihana ny vahoaka ho amin'ny tsaratsara ary fampitandremana izy ireo amin'ny ratsy, ary filazana amin'izy ireo ny valisoa ary fampitandremana izy ireo amin'ny sazy.

Hoy ilay Avo manao hoe:

{رُسُلاً مُبَشِّرِينَ وَمُنْذِرِينَ﴾ [سورة النساء: من الآية١٦٥].

Izay adika manao hoe:" Maha iraka izy ireo, mpilaza vaovao tsara, ary mpampitandrina". [sourat al-nissa,and: 165]

d- Fanitsiana ny zanak'olombelona ho amin'ny mpitarika mendrika sy tsara amin'ny fitenenana ary ny fihetsika

h- Fampitsanganana lalanan'i Allah eo amin'ireo andevo sy ny fanatanterahana an'izany.

w- Vavolombelona'ireo iraka amin'ny vahoakan'izy ireo amin'ny andro fitsarana, fa ireo iraka efa nilaza tamin'azy ireo tamin'ny filazana mazava.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿فَكَيْفَ إِذَا جِئْنَا مِنْ كُلِّ أُمَّةٍ بِشَهِيدٍ وَجِئْنَا بِكَ عَلَى هَؤُلَاءِ شَهِيداً﴾ [سورة النساء:٤١].

Izay adika manao hoe: " Fa ahoana (ny fiainan'ireo mpikomy) raha ohatra nalefan'I Allah amin'ny vahoaka tsirairay ny vavolombelona (ny iraka). Ary nalefanay ianao (ry Mouhammad) amin'ireo vahoaka, mba ho vavolombelona (amin'izay mino sy izay nikomy amin'izy ireo)". [Sourat al-nissa,and: 41]

***5- Ny Islam dia finoan'ireo Mpaminany rehetra:***

Ny Islam dia finoan'ireo Mpaminany rehetra sy ireo iraka rehetra.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿إِنَّ الدِّينَ عِنْدَ اللَّهِ الْإِسْلَامُ﴾ [سورة آل عمران: من الآية١٩].

Izay adika manao hoe: " Marina fa ny finoana ho raisin'i Allah dia ny Islam ihany ". [Sourat al-imrany,and: 19]
Ka izy rehetra ireo dia niantso ny hanompoana Allah tokana ary nandrara ny fanompoana ankoantrin'i Allah. Na dia samihafa aza ny lalan'ny finoan'izy ireo sy ny fitsaran'izy ireo,fa izy ireo kosa dia mifanaraka amin'ny niandohany (nipoirany), izay hoe Tawhid (fanokanana Allah).

Niteny ilay mahafatoky Mouhammad (saw) manao hoe :

قال صلى الله عليه وسلم :(( الأنبياء اخوةلعلا ت )) رواه البخا ري

Izay adika manao hoe: " Ny mpaminany rehetra dia mpirahalahy amin'ny fisandratana sy voninahitra". [Navoaky ny Boukhary]

***6) Ireo iraka dia olombelona ka tsy mahafantatra ny miafina:***

Fahalalana ny miafina dia an'isan'ny ho an'i Allah manokana ary tsyan'isan'ny toetran'ireo Mpaminany satria izy ireo dia olombelona tahaky ny olombelona rehetra, misakafo misotro, manambady, matory, marary ary mety vizana (reraka).

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿ وَمَا أَرْسَلْنَا قَبْلَكَ مِنَ الْمُرْسَلِينَ إِلَّا إِنَّهُمْ لَيَأْكُلُونَ الطَّعَامَ وَيَمْشُونَ فِي الْأَسْوَاقِ ﴾ [سورة الفرقان: من الآية٢٠].

Izay adika manao hoe: " Ary tsy nalefanay ireo iraka talohanao (ry Mouhammad) afa tsy hoe izy ireo mihinan-kanina ary mandeha any an-tsena ". [Sourat al-fourkany,and: 20]

Mbola niteny ilay Avo manao hoe:

﴿ وَلَقَدْ أَرْسَلْنَا رُسُلاً مِنْ قَبْلِكَ وَجَعَلْنَا لَهُمْ أَزْوَاجاً وَذُرِّيَّةً ﴾ [سورة الرعد: من الآية٣٨].

Izay adika manao hoe: "Ary efa nalefanay ireo iraka talohanao (ry Mouhammad) ary nataonay ho azy ireo ny vady sy ny taranaka ". [Sourat ar-ra'd,and: 38]

Ary mahavoa azy ireo izay mahavoa olombelona rehetra sahala amin'ny alahelo, ny haravoana, ny ezaka ary ny zotom-po (fietsiketsehana).

Fa nofidin'i Allah izy ireo mba hanaparitaka ny finoana ary tsy mahafantatra ny miafina izy ireo afa tsy izay velarin'i Allah amin'izy ireo.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿عَالِمُ الْغَيْبِ فَلا يُظْهِرُ عَلَى غَيْبِهِ أَحَداً * إِلَّا مَنِ ارْتَضَى مِنْ رَسُولٍ فَإِنَّهُ يَسْلُكُ مِنْ بَيْنِ يَدَيْهِ وَمِنْ خَلْفِهِ رَصَداً﴾ [سورة الجن:٢٦، ٢٧].

Izay adika manao hoe: " Mahalala ny miafina Izy (Allah) dia tsy mamosaka ny tsy ambaratelony amin'izan'iza. Afa tsy amin'izay nankasitrainy sahala amin'ny iraka ary manaraka (an'io iraka voafidy io) azy io eo anoloany (anatrehany) sy avy ao aoriany ireo mpiaro (Anjely)". [Sourat al-djinne,and:26-27]

***7) Tsy fanontan'ireo iraka (fiarovana an'ireo iraka):***

Nifidy i Tompo Allah tamin'ireo zavaboariny izay tsara indrindra mba hapita ny amin'ny hafatrany sy mba fanaparitaka azy ary nomena azy ireo endrika tsara,toetra tsara ary niaro azy ireo amin'ny fahotana lehibe indrindra ary nanalavitra azy ireo amin'ny lesoka angahangaha hanatanteraka ny hafatran'i Allah amin'ny vahoakany izy ireo. Izy ireo dia tsy manota (voa aro) amin'izay lazain'izy ireo avy amin'i Allah fanaparitahana ny hafatra araky ny fifanarahan'ny rehetra.

Hoy ilay Avo manao hoe:

﴿يَا أَيُّهَا الرَّسُولُ بَلِّغْ مَا أُنْزِلَ إِلَيْكَ مِنْ رَبِّكَ وَإِنْ لَمْ تَفْعَلْ فَمَا بَلَّغْتَ رِسَالَتَهُ وَاللَّهُ يَعْصِمُكَ مِنَ النَّاسِ﴾ [سورة المائدة: من الآية٦٧]

Izay adika manao hoe: " Oh ry iraky ny Allah (Mouhammad) aparitaho (ampielezo) izay nampidinina aminao avy tamin'ny Tomponao, Ary raha ohatra tsy ataonao izany dia tsy nampielezinao izany ny hafatrany (Allah). Ary Allah no miaro anao amin'ireo zanak'olombelona ". Mbola niteny ilay Avo manao hoe:

﴿ الَّذِينَ يُبَلِّغُونَ رِسَالاتِ اللَّهِ وَيَخْشَوْنَهُ وَلا يَخْشَوْنَ أَحَداً إِلَّا اللَّهَ ﴾ [سورة الأحزاب: من الآية٣٩].

Izay adika manao hoe: " Ireo izay nampita ny hafatr'i Allah, matahotra azy ary tsy matahotra n'izan'iza (amin'ny nanirahan'i Tompon'izy ireo an-dry zareo) afa tsy Allah, ka ampy , Allah no miaro asan'ireo andevony ary mitsara azy ireo amin'ny andron'ny fitsarana "

Mbola niteny ilay Avo:

﴿ الَّذِينَ يُبَلِّغُونَ رِسَالاتِ اللَّهِ وَيَخْشَوْنَهُ وَلا يَخْشَوْنَ أَحَداً إِلَّا اللَّهَ ﴾ [سورة الأحزاب: من الآية٣٩].

Izay adika manao hoe: " Mba ahafantarany fa tena nanaparitaka marina izy ireo ny hafatran'ny Tompon'izy ireo ary namalavala izay eo amin'izy ireo (Anjely sy ireo Mpaminany) ary nanisa ny isan'ny zava-drehetra ".

Ary raha ohatra nivoaka avy tamin'ny iraka amin'izy ireo ny fahotana kely indrindra izay tsy misy fifandraisana amin'ny fanaparitahana ilay hafatra, dia izy no manazava azy amin'izy ireo, sy ireo hafainganan'izy ireo mibebaka amin'i Allah sy ny fiverenan'izy ireo aminy ka miseho sahala amin'ny tsy nisy.,ary mahazo an'izay toerana ambony indrindra noho ny toeran'izy ireo taloha.

Satria Allah efa nanokana ho an'ireo Mpaminany (tso-dranon'i Allah sy fandriam-pahalemana anie hoe azy ireo), ny fitondran-tena feno sy ny toetra tsara ary miendrika nanasinana azy ireo amin'izay tsipika rehetra, amin'ny alalan'ny lahatra izay sy anjara toeran'izy ireo.

***8- Isan'ireo Mpaminany sy Iraka ary ny tsara indrindra (na ny manana ambaratongam-pahefana ambony amin'izy ireo):***

Voaporofo fa ny isan'ireo iraka dia telonjato sy 13 ka hatramin'ny 19.

Araky ny tenin'ny Mpaminany Mouhammad (saw): raha fa nanontaniana izy mikasika ny isan'ireo iraka dia niteny hoe:" Dimy ambin'ny folo sy telonjato ary maro ".

[Navoaky ny Hakim]

Ary ireo mpaminany dia maro noho izany, misy amin'izy ireo izay notantarain'i Allah amintsika amin'ny alalan'ny boky masinany ary misy izay mbola tsy notantarainy amintsika.Ary efa nolazain'i Allah amin'ny boky masiny ny dimy amby roapolo mpaminany sy iraka.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿ وَرُسُلاً قَدْ قَصَصْنَاهُمْ عَلَيْكَ مِنْ قَبْلُ وَرُسُلاً لَمْ نَقْصُصْهُمْ عَلَيْكَ ﴾ [سورة النساء: من الآية١٦٤].

Izay adika manao hoe: " Misy amin'ireo iraka izay efa notantarainay taminao (ry Mouhammad) taloha tany ary misy amin'ireo iraka tsy mbola nitantarainay taminao ". [Sourat al-nissa,and: 164]

Mbola niteny ilay Avo manao hoe :

﴿ وَتِلْكَ حُجَّتُنَا آتَيْنَاهَا إِبْرَاهِيمَ عَلَى قَوْمِهِ نَرْفَعُ دَرَجَاتٍ مَنْ نَشَاءُ إِنَّ رَبَّكَ حَكِيمٌ عَلِيمٌ * وَوَهَبْنَا لَهُ إِسْحَاقَ وَيَعْقُوبَ كُلاًّ هَدَيْنَا وَنُوحاً هَدَيْنَا مِنْ قَبْلُ وَمِنْ ذُرِّيَّتِهِ دَاوُدَ وَسُلَيْمَانَ وَأَيُّوبَ وَيُوسُفَ وَمُوسَى وَهَارُونَ وَكَذَلِكَ نَجْزِي الْمُحْسِنِينَ * وَزَكَرِيَّا وَيَحْيَى وَعِيسَى وَإِلْيَاسَ كُلٌّ مِنَ الصَّالِحِينَ * وَإِسْمَاعِيلَ وَالْيَسَعَ وَيُونُسَ وَلُوطاً وَكُلاًّ فَضَّلْنَا عَلَى الْعَالَمِينَ * وَمِنْ آبَائِهِمْ وَذُرِّيَّاتِهِمْ

وَإِخْوَانِهِمْ وَاجْتَبَيْنَاهُمْ وَهَدَيْنَاهُمْ إِلَى صِرَاطٍ مُسْتَقِيمٍ﴾ [سورة الأنعام:٨٣، ٨٧].

Izay adika manao hoe:"Ireny no porofo izay nomenay Ibrahim mba entina hanoherany ny vahoakany. Ampiakarinay amin'ny toerana ambony izay tianay. Marina fa Tomponao dia Hendry no mahalala. Ary nomenay azy (Ibrahim) i Issac sy Jacob. Ireo rehetra ireo dia nahitsinay, ary Noe nahitsinay taloha ary ireo taranany (Ibrahim na Noe), David, Salomon, Job, Joseph,Moise,ary Aaron. Ary tahak'izay no anomezanay valisoa ireo mpanao asa soa.
Sahala amin'izay koa i Zakaria, Yeau, Baptiste, Jesus ary Elie. Izy rehetra ireo dia anisan'olona tsara daholo.
Ny Ismael, Elisee, Jonas ary Lot, tsirairay amin'izy ireo dia nomenay ambaratongam-boninahitra amin'izao tontolo izao.
Sahala amin'izany dadaben'izy ireo (dadilahy be), ireo taranak'izy ireo ary nahitsinay izy ireo ho amin'ny lalan'ny fahitsiana (Islam)". [Sourat al-an'am,and: 83-87]

Ary efa nomen'i Allah ambaratongam-boninahitra ireo Mpaminany sasany ambonin'ny sasany.
Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿وَلَقَدْ فَضَّلْنَا بَعْضَ النَّبِيِّينَ عَلَى بَعْضٍ﴾ [سورة الإسراء: من الآية٥٥].

Izay adika manao hoe: " Efa nomenay tombony manokana ny sasany amin'ireo Mpaminany noho ny sasany ".[Sourat al'Isra,and: 55]
Ary nomen'i Allah tombony manokana ny sasany amin'ireo iraka noho ny sasany.
Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿تِلْكَ الرُّسُلُ فَضَّلْنَا بَعْضَهُمْ عَلَى بَعْضٍ﴾ [سورة البقرة: من الآية٢٥٣].

Izay adika manao hoe:" Amin'ireo iraka dia nomenay tombony manokana ny sasany amin'izy ireo noho ny sasany" [Sourat al-bakara, and: 253]

Ary tena manatombo amin'izy ireo dia: Ireo nomena manokana amin'ireo iraka : izy ireo dia: Noe, Abraham, Moise, Jesus, ary Mpaminany Mouhammad.

Niteny ilay avo manao hoe:

﴿ فَاصْبِرْ كَمَا صَبَرَ أُولُوا الْعَزْمِ مِنَ الرُّسُلِ ﴾ [سورة الأحقاف: من الآية٣٥].

Izay adika manao hoe: " Mahareta (ianao ry Mouhammad) tahaky ny niaretan'ireo nomena tombony (faharetana sy fandeferana) amin'ireo iraka ".[Sourat al-ahkaf,and: 35]

Mbola niteny ilay avo manao hoe:

﴿ وَإِذْ أَخَذْنَا مِنَ النَّبِيِّينَ مِيثَاقَهُمْ وَمِنْكَ وَمِنْ نُوحٍ وَإِبْرَاهِيمَ وَمُوسَى وَعِيسَى ابْنِ مَرْيَمَ وَأَخَذْنَا مِنْهُمْ مِيثَاقاً غَلِيظاً ﴾ [سورة الأحزاب:٧].

Izay adika manao hoe: " Rehefa nivavahanay ireo Mpaminany ny fifaneken'izy ireo,na avy aminao izany , avy amin'i Noe, avy amin'I Ibrahim, avy amin'i Moussa ary avy amin'i Issa zanak'i Mariam. Ary nalainay avy tamin'izy ireo fifanekena matanjaka". [Sourat al-ahzab,and:7]

Ary Mpaminany Mouhammad (saw) dia tsara indrindra amin'ireo iraka ary faran'ireo Mpaminany ary izy no manamboninahitra amin'ny taranaky Adama ary izy no.mpitarika an'ireo Mpaminany rehefa mivory izy ireo ary izy no mpikabarin'izy ireo rehefa mivahiny, tompon'ilay toerana mendrika (tsy misy tsiny) izay hamalifaliana azy amin'ireo voalohany sy ireo farany, tompon'ny sainam-piderana,ary barikan-drano lehibe.

Mpanelanelana ny zavaboary amin'ny andron'ny fitsarana, tompon'ny zavatra tokony hatao sy ny voninahitra, nirahin'i Allah izy amin'ny lalanan'ny finoana tsara, ary nametraka ny vahoakany tsara nivoaka avy tamin'ny zanak'olombelona, nanambatra azy sy ny vahoaka anisan'ireo tsara sy ambony voninahitra izay tsy navahina tamin'ireo vahoaka talohan'izy ireo aty izy ireo no vahoaka farany voamboatra ary voalohany ho fohazina.

Niteny ilay mahafatoky manao hoe:

قال صلى الله عليه وسلم ((فضلت علىالأنبياء بست )) رواه مسلم

Izay adika manao hoe " Nanana tombony tokoa aho amin'ireo mpaminany sasany amin'ny zavatra enina ". [Navoaky ny Mouslim]

Mbola niteny ilay mahafatoky manao hoe:

وقال صلى الله عليه وسلم (( أنا سيد ولد آدم يوما القيا مة وبيدى لواء الحمد ولا فخر . وما من نبي يو مئذ آدم فمن سواه الا تحت لوائي يوم القيا مة )) رواه أحمد و الترمذي

Izay adika manao hoe " Zaho dia manamboninahitra indrindra amin'ny taranaka Adama,amin'ny andron'ny fitsarana, ampelatanako ny sainam-piderana ary tsy eboebo izany.Ary tsy misy Mpaminany amin'izany fotoana izany na Adama sy izay mitovy aminy afa tsy ho eo ambanin'ilay sainako, amin'ny andron'ny fitsarana ". [Navoaky ny Ahmad sy Tirmizy]

Ary izay manaraka ny iraka mahafatoky (tso-dranon'i Allah anie ho azy amin'ny voninahitra (tombony manokana)aminazy ireo dia Abraham, fandriam-pahalemana anie ho azy, sakaizany be fihantrana,

Ka ireo Khalilany (sakaizany) ireo no tsara amin'ireo Ouloulazmy (tompon'ny faharetana sy fikirizana tamin'ny fampielezan-

kevitra nataon'izy ireo) avy eo ireo iraka, avy eo ireo telo aorian'izy ireo.

***9) Ny fahagagan'ireo Mpaminany (fandriam-pahalemana anie ho azy ireo)***

Nampian'i Allah ireo irany tamin'ny fahagagana lehibe maro samihafa angahangaha ho porofo na filana,sahala amin'ny Koran, ny fivakian'ny volana anakiroa, ny fivadian'ny hazo nikapohana ho bibilava ary ny fanamboarana ny vorona avy amin'ny fotaka, sns sns.

Ka ny fahagagana tsara indrindra amin'ny ny fahazarana dia porofo ny fahamarinana amin'ny faminaniana, ary ny fahamasinana dia porofon'ny fahamarinan'ny vavolombelona amin'ny faminanian'ilay marina.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿لَقَدْ أَرْسَلْنَا رُسُلَنَا بِالْبَيِّنَاتِ﴾ [سورة الحديد: من الآية٢٥].

Izay adika manao hoe:" Efa nalefanay ireo irakanay amin'ny fanazavana rehetra (porofo feno) ".
[Sourat al-hadid,and: 25]

Niteny ilay mahafatoky, Mpaminany Mouhammad (saw) manao hoe:

قال صلى الله عليه وسلم ((ما من نبي من الأنبياء إلا وقد أوتي من الآيات ما آمن على مثلـــه البشر وإنما كان الذي أوتيته وحياه إلي فأرجو أن أكون أكثرهم تا بعايوم القيا مة )) متفــــق عليه

Izay adika manao hoe :"Tsy misy mpaminay amin'ireo Mpaminay afa tsy hoe nomena an'ireo fahagagana izay ninoan'ny zanak'olombelona mitovy aminy,ary marina fa izay nomena ahy kosa dia hafatra nafariny tamiko, koa hirariko ny mba ahatonga

ahy ho maro mpanaraka indrindra, amin'ny andron'ny fitsarana. " [Navoaky ny Boukhary sy Mouslim ]

***10)Ny finoana ny faminanian'ny Mpaminanintsika Mouhammad (saw):***

Ny finoana ny faminanian'ny Mouhammad (saw) dia fiandohana lehibe amin'ireo fiandohan'ny finoana ary tsy voamarina izany finoana izany raha tsy miaraka amin'ny finoana azy,

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿ وَمَنْ لَمْ يُؤْمِنْ بِاللَّهِ وَرَسُولِهِ فَإِنَّا أَعْتَدْنَا لِلْكَافِرِينَ سَعِيراً ﴾ [سورة الفتح:١٣].

Izay adika manao hoe: "Ary izay tsy nino Allah sy ny irany, marina fa izahay die efa nanomana ho an'ireo mpikomy afo mivay vay ". [Sourat al-fathy,and: 13]

Niteny i Mpaminany Mouhammad (saw) manao hoe:

قال صلى الله عليه وسلم (( أمرت أن أقا تل الناس حتى يشهدوا أن لاإ له إلا الله وإني رسول الله )) رواه مسلم

Izay adika manao hoe :" Nodidiako mba hovonoina ny lehilahy rehetra (izay naheno ny antso nefa nanda) mandra-pitsanganany ho vavolombelona am-po sy am-bava fa tsy misy Tompo azo tompoina afa tsy Allah irery ihany ary marina fa zaho (Mouhammad) no iraky ny Allah". [Navoaky ny Mouslim]

**Ary tsy feno ny finoana azy afa tsy mifanaraka amin'ireto manaraka ireto:**

**Voalohany**: fahafantarana mpaminanitsika Mouhammad (saw), ary izy io dia Mouhammad Bin Abdillah bin Abdilmoutaleb Bin Hachim, ary hachim avy amin'ny Koraish ary Koraish avy amin'ny Arabo ary Arabo avy amin'ny Taranaka Ismael bin Ibrahim izay tena namana ary ho an'ny mpaminany anie ny tso-drano sy ny fandriam-pahelemana.Ary izy dia nanana telo amby

enipolo taona, amin'izay dia efapolo talohan'ny faminaniany ary telo amby roapolo taona Mpaminany no sady iraka.

**Faharoa:** fanekena izay lazainy, fahendrena amin'izay andidiany ary fanalavirana izay norarany ary tsy tokony hanompo Allah afa tsy amin'ireo izay nanirahan'ny sharya (lalana finoana silamo).

**Fahatelo:** ny finoana fa izy no iraka Allah ho amin'ny Thakalainy (ny olombelona sy ny vazimba) ka tsy tokony handeha ny iray amin'izy ireo raha tsy manaraka azy ny sasany.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿قُلْ يَا أَيُّهَا النَّاسُ إِنِّي رَسُولُ اللَّهِ إِلَيْكُمْ جَمِيعاً﴾ [سورة الأعراف: من الآية١٥٨].

Izay adika manao hoe:"Teneno (ry Mouhammad) O ianareo zanak'olombelona, marina fa zaho no irak'Allah ho aminareo rehetra ". [Sourat al-anraf,and: 157]

**Fahaefatra:** ny finoana ny hafatrany, ary izy no manatombo kokoa amin'ireo Mpaminany ary farany amin'izy ireo.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿وَلَكِنْ رَسُولَ اللَّهِ وَخَاتَمَ النَّبِيِّينَ﴾ [سورة الأحزاب: من الآية٤٠].

Izay adika manao hoe: " Nefa kosa iraky ny Allah ary farany amin'ireo Mpaminany ". [Sourat al-ahzab,and: 40]

Ary marina fa izy sakaizan'ilay be fihantrana , ary manamboninahitra amin'ny taranaka Adama, ary tompon'ny fanampiana amin'ny fifanelanelanana lehibe manokana amin'ny fitaovana izay hoe izy no avo indrindra amin'ny paradisa, ary tompon'ilay barikan-drano ary ny vahoakany  no vahoaka tsara indrindra amin'ireo vahoaka nandalo teto an-tany.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿كُنْتُمْ خَيْرَ أُمَّةٍ أُخْرِجَتْ لِلنَّاسِ﴾ [سورة آل عمران: من الآية١١٠].

Izay adika manao hoe: " Ianareo dia vahoaka tsara indrindra izay nivoaka ho an'ny zanak'olombelona rehetra ". [Sourat al-imrany,and: 110]

Ary maro indrindra ao amin'ny Paradisa, ary marina fa ny hafany dia namafa ny fahatra rehetra teo alohany.

**Fahadimy:** Marina fa Allah dia nanosika azy tamin'ireo fahagagana lehibe ary nampiseho ny fahagagana tsy inona moa izany fa ny Koran izay tenin'i Allah voaaro amin'ny fanovaovana sy ny fanolosoloana.

Niteny ilay avo manao hoe:

﴿قُلْ لَئِنِ اجْتَمَعَتِ الْأِنْسُ وَالْجِنُّ عَلَى أَنْ يَأْتُوا بِمِثْلِ هَذَا الْقُرْآنِ لا يَأْتُونَ بِمِثْلِهِ وَلَوْ كَانَ بَعْضُهُمْ لِبَعْضٍ ظَهِيراً﴾ [سورة الإسراء:٨٨].

Izay adika manao hoe:" Teneno (ry Mouhammad) na dia mitambatra aza ny zanak'olombelona sy ny vazimba mba hamorona zavatra mitovy amin'ity Koran ity dia tsy mahaforona izy ireo na dia mifanampy aza ny sasany amin'izy ireo ". [Sourat al-ahzab,and: 88]

Mbola niteny ilay avo manao hoe:

﴿إِنَّا نَحْنُ نَزَّلْنَا الذِّكْرَ وَإِنَّا لَهُ لَحَافِظُونَ﴾ [سورة الحجر:٩].

Izay adika manao hoe: " Marina fa izahay no nanao ny fampidinana ny Koran ary izahay no miaro azy io ". [Sourat al-hijr,and: 9]

**Fahaenina:** ny finoana marina fa ilay iraka dia efa nampita na nanaparitaka ny hafatra sy nanatanteraka ny hafatra ary nananatra ny vahoaka. Ka tsy misy ny hatsarana afa tsy hoe efa namporisihany ny vahoaka ho amin'izany sy hanka-fy an'izany, ary tsy nisy ny haratsiana afa tsy hoe efa nisakanany ny vahoaka amin'izany ary efa nampitandrina an'izany izy.

Niteny ilay avo nanao hoe:

﴿لَقَدْ جَاءَكُمْ رَسُولٌ مِنْ أَنْفُسِكُمْ عَزِيزٌ عَلَيْهِ مَا عَنِتُّمْ حَرِيصٌ عَلَيْكُمْ بِالْمُؤْمِنِينَ رَؤُوفٌ رَحِيمٌ﴾ [سورة التوبة:١٢٨].

Izay adika manao hoe: " Efa tonga aminareo ilay iraka avy amin'ny vatatenanareo ihany mananjanja aminareo amin'izay rehetra mihatra aminareo ary mitsinjo, ny fanitsiana sy hatsarana ho anareo ary be fitsinjovana sy be fihatrana ho an'ireo mpino ". [Sourat at-taoba,and: 128]

Ary niteny ilay mahafatoky Mpaminany Mouhammad (saw) manao hoe:

وقال صلى الله عليه وسلم (( ما من نبي بعثه الله في أمة قبلي إلا كان حقا عليه أن يدل أمته على خير ما يعلمه لهم ويحذر أمته من شر ما يعلمه لهم )) رواه مسلم

Izay adika manao hoe :"tsy misy amin'ny Mpaminany izay nirahin'i Allah amin'ny vahoaka anakiray talohako afa tsy hoe marina aminy ny manoro vahoakany ny hatsarana izay ampianariny azy ireo, ary mampitandrina ny vahoakany amin'ny ratsy izay ampianariny azy ireo ". [Navoaky ny Mouslim]

**Fahafito:** fitiavana azy (Mouhammad saw) ary fanomezana azy fitiavana lehibe kokoa noho ny tena sy ireo zavaboary hafa,ny fanalehibeazana azy, fanamboniana azy, ary ny fankatoavana ny teniny ary ny fanajana azy, ny fahendrena aminy.

Ka izay dia anisan'ny zony izay nandidian'I Allah amin'ny boky masina amin'ny Mpaminany Mohammad (saw). Ka ny fitiavana azy dia an'isany fitiavana an'i Allah ary ny fahendrena aminy dia anisan'ny fahendrena amin'i Allah.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿قُلْ إِنْ كُنْتُمْ تُحِبُّونَ اللَّهَ فَاتَّبِعُونِي يُحْبِبْكُمُ اللَّهُ وَيَغْفِرْ لَكُمْ ذُنُوبَكُمْ وَاللَّهُ غَفُورٌ رَحِيمٌ﴾ [سورة آل عمران:٣١].

Izay adika manao hoe: " Teneno (ry Mouhammad)fa raha ohatra ianareo mitia an'Allah dia arahinareo aho fa hotian'i Allah ianareo ary hamela heloka ny faotanareo izy, ary Allah no mpamela heloka no be indra fo ". [Sourat al-imrany,and: 31]

Hoy kosa ilay mahafatoky manao hoe:

وقال صلى الله عليه وسلم (( لا يؤمن أحد كم حتى أكون أحب إليه من ولده ووالده والناس أجمعين )) متفق عليه

Izay adika manao hoe :" Tsy mpino ny iray aminareo mandraka hoe mitia ahy izy noho ny zanany sy ny rainy ary ny olombelona rehetra". [Navoaky ny Boukhary sy Mouslim]

**Fahavalo**: ny fangatahana ny tso-dranon'i Allah sy ny fandriampahalemana ho azy ary ny fanaovana maro an'izany.

Fa ny kahitra dia izay notsarovina aminy, ilay irakan'i Allah Mouhammad, dia tsy mangataka tso-dranon'i Allah ho azy izy. Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿إِنَّ اللَّهَ وَمَلَائِكَتَهُ يُصَلُّونَ عَلَى النَّبِيِّ يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا صَلُّوا عَلَيْهِ وَسَلِّمُوا تَسْلِيماً﴾ [سورة الأحزاب:٥٦].

Izay adika manao hoe: " Marina fa Allah sy ireo Anjeliny dia mitso-drano ho an'ny Mpaminany Mouhammad (saw) O ianareo izay mpino, mangataha tso –drano ho azy ianareo

Ary mangataha na mandefasa fiarahabana ho azy amin'ny tena fiarahabana ianareo ". [Sourat al-ahzab,and: 56]

Mbola niteny ilay iraka manao hoe:

قال صلى الله عليه وسلم (( من صلى علي واحدة صلىالله عليه بها عشرة )) رواه مسلم

Izay adika manao hoe : " Izay mangataka tso-dranon'i Allah ho ahy indray mandeha fotsiny dia Allah no mitso-drano ho azy impolo amin'izany ".

Ny fanamafisana ny hataka tso-dranon'i Allah ho azy dia amin'ny toerana maro:

Anisan'izany amin'ny Tashahod farany eo amin'ny soalat, amin'ny konoty, amin'ny soalat ny olo maty, amin'ny toni-teny amin'ny zoma, aorian'ny fiantsona, amin'ny fidirana mosikiriny sy fivoahana aminy, amin'ny fangatahana rehetra, amin'ny fahatsiarovana azy ary ankoantran'izany amin'ireo toerana maro.

**Fahasivy:** marina fa ny Mpaminany sy ireo Mpaminany Mouhammad (saw) hafa dia miaina eo amin'ny Tompon'izy ireo, amin'ny fiainana eo anelanelan' izao tontolo izao sy (vaninandro iainatsika) sy andro farany amin'ny fotoan'ny fahafatesana sy mandrapahatongavan'ny andron'ny fifohazana avy ao am-pasana dia feno ary ambony noho ny fiainan'ireo maty martiora, nefa kosa ny fiainan'izy ireo any tsy mitovy amin'ny fiainan'izy ireo teto ambonin'ny tany, ary izy io dia fiainana tsy fantatsika ny endrikendriny, fa tsy miala amin'izy ireo kosa ny anaran'ny fahafatesana.

Niteny ilay mahafatoky manao hoe:

قال صلى الله عليه وسلم (( إن الله حرم على الأرض أن تأ كل أجسا د الأنبياء )) رواه أبـــو داود والنسائى

Izay adika manao hoe : " Marina fa Allah dia nandrara tany mba tsy ihinana vatan'ireo Mpaminany ". [Navoaky ny Abou Daoud]

Mbola niteny ilay mahafatoky manao hoe:

وقال صلى الله عليه وسلم (( ما من مسلم يسلم علي إلا رد الله علي روحي كي أرد عليــه السلا م )) رواه ابو داود

Izay adika manao hoe :" Tsy misy mpino silamo anakiray miarahaba ahy afa tsy hoe averin'i Allah amiko ny fanahiko mba mba hahafako mamaly ny fiarabahany ". [Navoaky ny Abou Daoud]

**Fahafolo:** Anisan'ny fanajana ny Mpaminany Mouhammad(saw) dia ny tsy fampiakarana feo eo aminy tamin'ny fahavelony ary tahak'izany koa amin'ny fiarahabana azy amin'ny fasana.
Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا لا تَرْفَعُوا أَصْوَاتَكُمْ فَوْقَ صَوْتِ النَّبِيِّ وَلا تَجْهَرُوا لَهُ بِالْقَوْلِ كَجَهْرِ بَعْضِكُمْ لِبَعْضٍ أَنْ تَحْبَطَ أَعْمَالُكُمْ وَأَنْتُمْ لا ﴿تَشْعُرُونَ﴾ [سورة الحجرات:٢].

Izay adika manao hoe: " Oh ianareo izay mino, aza ampiakarinareo ny feonareo ambonin'ny feon'ny Mpaminany ary aza ataonareo ambon'ny azy amin'ilay teny teneninareo sahala amin'ny fampiakaran'ny sasany aminareo amin'ny sasany, rehefa tsy izany dia mety hanimba ny asanareo ary anareo tsy mahatsiaro ". [Sourat al-houjraty,and: 2]
Ka ny famasinany Mouhammad (saw ) aorian'ny fandevenana izy dia sahala amin'ny fahamasinany tamin'ny fotoan'andro niainany .Ka tsy maintsy amitsika ny manaja azy sahala amin'ny nataon'ireo andian'olona voalohany niaraka taminy ,sitrak'Allah anie ho azy ireo . Izy ireo tamin'izany fotoana izany dia hentitra amin'ny fankatoavana azy (tsodranon'Allah anie ho azy ireo ) ary anisan'ireo olona nanalavitra ny fanoherana azy ary nanalavitra ny forona izay tsy misy amin'ny finoan'i Allah .
**Faha raiky ambin'ny folo :** Fitiavana ireo mpiaradia taminy , ireo fianakaviany ary ireo vadiny , ary fanakaikezana izy rehetra ireo , sy ny fitandremana amin'ny fitenitenenana izy ireo na fanompana izay ireo na fanaovana teny manafitoana izy ireo ka i Allah dia efa nankasitraka azy ireo sy nifidy azy ireo mba hira-dia na hanotrona ny Mpaminaniny ary nandidy an'ity vahoaka ity mba hanana fitiavana amin'izy ireo .

Niteny ilay avo manao hoe :

﴿ وَالسَّابِقُونَ الْأَوَّلُونَ مِنَ الْمُهَاجِرِينَ وَالْأَنصَارِ وَالَّذِينَ اتَّبَعُوهُم بِإِحْسَانٍ رَضِيَ اللَّهُ عَنْهُمْ وَرَضُوا عَنْهُ ﴾ [سورة التوبة: من الآية١٠٠].

Izay adika manao hoe : "Ireo rehetra mpino voalohany avy amin'ny mpifindra monina sy Ansary ary izay manaraka azy ireo tao anatin'ny toetra tsara dia nankasitran'Allah izy ireo ary izy ireo dia nankasitraka azy " .[Sourat al-taobat ]
Ary niteny Mpaminany Mouhammad (saw) manao hoe :

قال صلى الله عليه وسلم (( لا تسبوا أصحابي فو الذي بيدي لو أنفق أحدكم ةثل احد ذهبا ما بلغ مد أحدهم ولا نصيفه )) رواه البخاري

Izay adika manao hoe : "Aza mandatsa ireo mpiaradia amiko , koa mifanta aho , far aha namoaka volamena mitovy amin'ny Ohod amin'ny alalan'I Allah ny iray aminareo dia tsy mahatratra ny fetran'iray amin'izy ireo na antsasany aza " .[Navoaky ny Boukhary ]
Ary tokony alahelo izay tonga avy aorian'izy ireo amin'ny fangatahana fameloankeloka ho azy ireo ary mangataka amin'Allah mba tsy hametraka amin'ny fon'izy ireo ny lolom-po amin'izy ireo .
Niteny ilay Avo manao hoe :

﴿ وَالَّذِينَ جَاءُوا مِن بَعْدِهِمْ يَقُولُونَ رَبَّنَا اغْفِرْ لَنَا وَلِإِخْوَانِنَا الَّذِينَ سَبَقُونَا بِالْإِيمَانِ وَلَا تَجْعَلْ فِي قُلُوبِنَا غِلًّا لِّلَّذِينَ آمَنُوا رَبَّنَا إِنَّكَ رَءُوفٌ رَّحِيمٌ ﴾ [سورة الحشر:١٠].

Izay adika manao hoe : " Ho an'izay tonga taorian'izy ireo amin'ny fitenenana hoe : Tompo o! mamela heloka anay Ianao sy ireo rahalahinay izay efa nialoha lalana anay tamin'ny finoana ary aza apetraka amin'ny fonay ny lolom-po ho an'ireo izay nino . Tompo o! ianao no be fihatrana sy be indrafo " .[Sourat al-hashr ]

**Faha roa ambin' ny folo :** fanalavirana ny fanaovana zavatra mihoatra ny tokony ho izy aminy tso-dranon'Allah anie ho azy . Izay dia anisan'ny zavatra ratsy atao aminy .Ary efa nampitandrina ny vahoaka amin'izany izy ary ny fiderana sy fahombiazana nihoatra ny tokony izy , ary ny fampidirana azy eo ambony toerana tokony hisy azy amin'izay nampidinan'Allah azy araky ny fahaizana nanokan'Allah .

Niteny Mpaminany manao hoe :

قال صلى الله عليه وسلم (( إنما أنا عبد فقولو ا عبد الله ورسوله ، لا أ حب أن ترفعوني فوق منزلي )) وقال: (( لا تطروني كما أطرت النصارى ابن مريم )) رواه البخا ري

Izay adika manao hoe : " Marina fa izaho dia andevo , ka teneno nareo hoe : andevon'Allah sy irany . Tsy tiako ny hampiakarinareo ahy nihoatran'ny toeraka aho , ary aza derainareo aho sahala amin'ny Kristianina ny zanak'i Maria " .[Navoaky ny Boukhary ]

Ary tsy mety ny mangataka aminy , mitady vonjy aminy ,miodidina ny fasany (tawaf) , sy manao voady aminy na mandenta noho izy .Ka izany rehetra izany dia midika fanambarana Allah amin'ny zavatra hafa (shirik ) . Ary efa nandrara mafy Tompo Allah amin'ny famadihana fanompoana amin'ny zavatra hafa ankoatrany . Ary tahakan'izany ny mifanohitra amin'io , ny tsy fanajana ny mpaminany dia fahatsiarovana fa fanambaniana azy na fitenenana azy fa tsy feno ,na fanamaivanana azy na fanaovana tsinotsinona azy . Izany rehetra izany dia fivoahana amin'ny Islam ary fikomiana tanteraka amin'i Allah .

Niteny ilay Avo manao hoe :

﴿ . . .قُلْ أَبِاللَّهِ وَآيَاتِهِ وَرَسُولِهِ كُنتُمْ تَسْتَهْزِئُونَ * لا تَعْتَذِرُوا قَدْ كَفَرْتُم بَعْدَ إِيمَانِكُمْ . . . ﴾

[سورة التوبة: من الآية٦٥، ومن الآية٦٦].

Izay adika manao hoe : " Teneno (ry Mouhammad ) moa ve amin'i Allah sy amin'ireo famantarana maro nampidininy (coran) ary amin'ny irany no tevatevainareo . Aza miala tsiny ianareo , efa nikomy ianareo taorian'ny finoanareo " .

Ka ny fitiavana tena marina amin'ny irany Mouhammad (saw) dia izay nalefa amin'ny fanarahana ny soridalany sy ny fanarahana ny fomba amam-panaony ary ny famelana izay manohitra ny sori-dalany ,tso-dranon'Allah anie ho azy .[Sourat al-taobat]

Niteny ilay Avo manao hoe :

﴿قُلْ إِنْ كُنْتُمْ تُحِبُّونَ اللَّهَ فَاتَّبِعُونِي يُحْبِبْكُمُ اللَّهُ وَيَغْفِرْ لَكُمْ ذُنُوبَكُمْ وَاللَّهُ غَفُورٌ رَحِيمٌ﴾ [سورة آل عمران:٣١].

Izay adika manao hoe : " Teneno (ry Mouhammad) raha ohatra ianareo mankatia Allah dia arahonareo aho fa ho tiavian'ny Allah ianareo ary hamela heloka ny fahotanareo izy . Ary Allah dia mpamela heloka no be indrafo ".

Koa tsy azo atao ny fanadinoana sy ny fanaovana tsinotsinona sy ny fanambaniana ilay iraka , tso-dranon'Allah anie ho azy , ka tsy tokony omena toetran'i Allah izy , ary tsy tokony ahena ny anjara-toerana misy azy sy ny zony , anisan'izany ny fanajana sy ny fitiavana . Ary anisany tsara asongadina amin'izy ireo dia fanarahana ny lalana nentiny , ny fizorana amin'ny fahitsiana , ary ny fanarahana ny soridalany .

Faha telo ambin'ny folo : Ny finoana ny Mpaminany dia tsy voa porofo raha tsy fanekena azy ary fanatanterahana izay nentiny .

Ary izay no dikan'ny fankatoavana azy , ka ny fahendrena aminy dia fahendrena amin'i Allah , ary ny fitsipahana azy dia fitsipahana amin'i Allah , ary ny fanaporofoana ny fanekena azy sy ny fanarahana azy dia manamarina ny finoana azy , tso-dranon'Allah anie ho azy .

# NY ANDRY FAHADIMY NY FINOANA NY ANDRO FARANY

***1-Ny finoanana ny andro farany:***

Izy io dia finoana ny fiafaran'ny fiainana eto an-tany ary ny fidirana amin'ny fiainana hafa aorian'izany, manomboka amin'ny fahafatesana, ny fiainana any an-davaka, mandalo amin'ny fifohazan'ny maty, ny fivoriana eo amin'ny kianja be, ny fitsarana ary ny valisoa izay hidiran'ny olo anakiray amin'ny paradisa na afobe.

Ary ny finoana ny andro farany dia iray amin'ireo andrin'ny finoana izay hoe tsy feno ny finoan'ny andevo anakiray raha tsy misy azy, izay mitsipaka azy io dia efa mikomy, hoy ilay Avo manao hoe:

﴿وَلَكِنَّ الْبِرَّ مَنْ آمَنَ بِاللَّهِ وَالْيَوْمِ الْآخِرِ﴾ [سورة البقرة: من الآية١٧٧].

Izay adika manao hoe:" Ary nefa kosa ny tsara indrindra dia ny finoana ny Andriamanitra sy ny andro farany ". [Sourat al-bakara,and: 177]

Ary niteny ilay mahafatoky (saw) araky ny tonga amin'ny hadith Djibril (Gabriel) manao hoe: " ambarao ahy ny atao hoe finoana ? Niteny izy Mouhammad (saw) hoe: " ny finoana ny Tompo Allah, ireo Anjeliny, ireo bokiny, sy ireo irany sy ny andro farany, ary ny finoana ny lahatra tsara aminy sy ny ratsy aminy ". [navoaky ny Mouslim ]

Ary anisan'ny tsy maintsy ny finoana azy dia fiantombohan'ny andro farany izay nambaran'ny iraky ny Allah (saw) hoe: " an'isan'ny fepetra hitsanganan'ireo maty avy ao am-pasana sy ny famantarana manokana ho azy ".

Ary efa nozarain'ireo manam-pahaizana ireto famantarana ireto ho karazany roa:

1)Ny kely amin'izireo:

ary izy io dia manaporofo ny fanakaikezan'ny fotoana (fara-andro), ary izy io dia tena maro, ary maro amin'izy ireo no efa nitranga na dia tsy ankabeazany aza.

Ary anisan'izy ireo: ny faminanian'ny Mpaminany Mouhammad (saw), ny fahaverezan'ireo fitokisana, ny fampihaingoana ny moskiriny ary ny fankalazana izany, ny fiheboheboan'ny mpiandry ondry amin'ny trano dary be, ny fifamonoan'ireo jiosy sy ny famonoana azy ireo, ny fahafohezan'ny fotoana, hakelezan'ny asa, ny fisehoan'ireo fifamonoana (ady lava), ny hamaroan'ny faty olona, ary ny hamaroan'ny fijangajangana sy ny fahaverezana amin'ny lalana mahitsy.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿ اقْتَرَبَتِ السَّاعَةُ وَانْشَقَّ الْقَمَرُ ﴾ [سورة القمر: ١].

Izay adika manao hoe: " Efa nanaiky ny fotoana (fara'andro) ary efa nisaraka ny volana ". [Sourat al-kamar, and: 1]

2) ny lehibe amin'izy ireo:

ary izy ireo dia eo anelanelan'ny fara-andro ary efa nampitandremsna ny fiantombohan'ny fisehoan'izany, ary izy ireo dia famantarana folo, ary mbola tsy nisy niseho na dia iray aza anisan'izireo: fivoahan'i Mahdy, fivoahan'i Dadjaly, fidinan'i Issa (Jesosy) avy any an-danitra miaraka amin'ny fitsarana sy fahamarinana, ary handringana ireo Kristiana, mamono dadjal izy sy kisoa, ary mametraka ny Djizia, ary mampihatra ny lalana Islamika, ary miseho ny Yadjodja wamadjodja ka miantso azy ireo maty,ny firaiketan'ny volana intelo: raikitra avy any atsinana,raikitra avy any andrefana, ary raikitra amin'ny nosin'ny Arabe, ny setroka be ary izy io dia filatsahan'ny setroka lehibe

avy any an-danitra ,mandrakotra ny zanak'olombelona tsy ankanavaka, miakatra ny koroany avy ety an-tany mankany an-danitra, ny fiposahan'ny masoandro avy any andrefana, ny fivoahan'ny biby (mendrika olona nefa mandeha amin'ny tongotra efatra) ary ny fivoahan'ny ofo lehibe indrindra avy amin'ny toerana nisy azy (عدن) Aden (Yamen) mitarika ny zanak'olombelona mankany amin'ny sham (Palestina, Syrie, Israel, Jordanie, Liban) ary io no farany amin'ireo famantarana lehibe ireo.

روى مسلم عن جذ يفة بن أسعد الغفا رى رضي الله عنه قال : أطلع النبي صلى الله عليه وسلم ونحن نتذاكر فقال ((ما تذ كرون ؟ قالوا : نذ كر السا عة . قالوا إنها لن تقوم حتى تروا قلبها عشر آيا ت. فذ كر : الدخا ن ، الد جا ل ، والدابة ،وطلوع الشمس من مغربها ونزول عيسى بن مريم ، ويأجوج ومأجو ج ، وثلا ثة خسو ف: خسف بالمشرق ، وخسف بالمغرب، وخسف بجزيرة العرب و آخر ذ لك نار تخر ج من اليمن تطرد النا س إلى محشر هم )) رواه مسلم

Araky ny hadith azo avy amin'ny Mouslim izay nolazain'i Houzaifa bin Asid al –ghiffar (tso-dranon'i Allah anie ho azy) hoe:" miala avy any i Mpaminany (saw) ary izahay dia mifampahatsiaro, ary niteny izy hoe: " Inona ny zavatra tsaroanareo ? niteny izy ireo hoe: mahatsiaro ny fara-andro. Niteny izy manao hoe; izy io dia tsy hitsanga mihitsy raha tsy mahita famantarana folo ianareo alohan'izany: ny setroka, ny dadjal, ny biby (mandeha an-tany izy miendrika olombelona nefa manan-tongotra efatra) ny fiposahan'ny masoandro avy any andrefana, fidinan'ny Jesosy, yadjodja wamadjodja ary ireo firaiketan'ny volana in-telo: raikitra avy any an-tsinanana, raikitra avy any andrefana ary avy any amin'ny nosin'i Arabo ary farany amin'izany dia afo nivoaka avy ao Yamen manosika olona

makany amin'ny toerana izay hamorian'i Allah azy ireo (Sham). [navoaky ny Mouslim].

Niteny Mpaminany (saw) hoe:

قال صلى الله عليه وسلم (( يخرج في آخر أمتي المهدي يسقيه الله الغيث ، وتخرج الأرض نباتها ، ويعطي المال صحاحا ، وتمثر الماشية ، وتعظم الأمة يعيش سبعا ،أو ثمانيا ، يعني حججا )) رواه الحاكم في المسند

Izay adika manao hoe : " Mivoaka farany amin'ny vahoakako i Mahdy, tondrafan'i Allah rano izy, ary mivoaka ny zava-maniry avy ao ambany tany ,omena harena ny salama,maro ny bibidia, matanjaka ny vahoaka,miaina fito na valo taona,izany hoe porofo".[Navoaky ny Hakim]

Ary voalaza fa ireto famantarana ireto dia mifanaraka sahala amin'ny filaharan'ny vakana

amin'ny filaharany, raha fa miseho ny iray amin'ny roa dia manaraka ny sasany ary rehefa mifanohitra (na miseho) ireto famantarana ireto dia tonga ny fotoana raha sitraky ny Allah.

Ny tia ho lazain'ity fotoana (ora) ity dia andro ivoahan'ny zanak'olombelona avy amin'ny fasan'izy ireo, noho ny didin'Allah, handeha hotsaraina hasoavin'i Allah ny mpanao soa amin'izy ireo ary omeny sazy kosa ny mpanao ratsy amin'izy ireo.

Hoy ilay Avo manao hoe:

﴿يَوْمَ يَخْرُجُونَ مِنَ الْأَجْدَاثِ سِرَاعاً كَأَنَّهُمْ إِلَى نُصُبٍ يُوفِضُونَ﴾ [سورة المعارج:٤٣].

Izay adika manao hoe:" Andro izay ivoahan' izy ireo avy ao ampasana,maika be sahala amin'ny mihazakazaka manantona ny vato voakaly ". [Sourat al-ma'arij,and: 43]

**Ary ity andro ity dia voalaza amin'ny anarana maro ao amin'ny Koran.**

Anisan'izany:

**Yamoul kiama**

Hoy ilay Avo manao hoe:

﴿لا أُقْسِمُ بِيَوْمِ الْقِيَامَةِ﴾ [سورة القيامة:١].

Izay adika manao hoe:" Tsia, Mifanta Aho (Allah) amin'ny andron'ny fitsarana". [Sourat al-kiama,and: 1]

**Al-kariya**:

Hoy ilay avo manao hoe:

﴿الْقَارِعَةُ * مَا الْقَارِعَةُ﴾ [سورة القارعة:١، ٢].

Izay adika manao hoe: " Ny firefotra. inona ny firefotra ". [Sourat al-kari'an,and: 1-2]

**Yamoul Hissab**:

Hoy ilay Avo manao hoe:

﴿ إِنَّ الَّذِينَ يَضِلُّونَ عَنْ سَبِيلِ اللَّهِ لَهُمْ عَذَابٌ شَدِيدٌ بِمَا نَسُوا يَوْمَ الْحِسَابِ﴾ [سورة ص: من الآية٢٦].

Izay adika manao hoe: " Marina fa ireo izay very amin'ny lalan'i Allah, dia azy ireo ny sazy mavaivay amin'izay fanadinoan'izy ireo, amin'ny andron'ny fitsarana ". [Sourat Sad, and: 26]

**Yamouldine**:

Hoy ilay avo manao hoe:

﴿وَإِنَّ الْفُجَّارَ لَفِي جَحِيمٍ * يَصْلَوْنَهَا يَوْمَ الدِّينِ﴾ [سورة الانفطار:١٤، ١٥].

Adika manao hoe:" Ary marina fa ireo izay ratsy, dia anatin'ny afo be tokoa". [Sourat al-infitar, and: 14-15]

**Al-tamma** :

Hoy ilay Avo manao hoe:

﴿ فَإِذَا جَاءَتِ الطَّامَّةُ الْكُبْرَى ﴾ [سورة النازعـات:٣٤].

Izay adika manao hoe:" Rehefa tonga ny andro fitsarana ". [Sourat An-Nazi'ate, and: 34]

**Al-wakiya**:

Hoy ilay Avo manao hoe:

﴿ إِذَا وَقَعَتِ الْوَاقِعَةُ ﴾ [سورة الواقعة:١].

Izay adika manao hoe:" Rehefa tonga ny isehoan'ny fitsarana ". [Sourat al-Waki'a,and: 1]

**Al-hakka**:

Hoy ilay Avo manao hoe:

﴿ الْحَاقَّةُ * مَا الْحَاقَّةُ ﴾ [سورة الحاقة:١، ٢].

Izay adika manao hoe:" Ny andron'ny fitsarana. Inona ny andron'ny fitsarana ". [Sourat al-Hakka,and: 1-2]

**Al-sakhat** :

Hoy ilay Avo manao hoe:

﴿ فَإِذَا جَاءَتِ الصَّاخَّةُ ﴾ [سورة عبس:٣٣].

Izay adika manao hoe: " Rehefa tonga ny fitsarana ". [Sourat Abasa,and: 33]

**Al-ghashiya:**

Hoy ilay Avo manao hoe:

﴿ هَلْ أَتَاكَ حَدِيثُ الْغَاشِيَةِ ﴾ [سورة الغاشية:١].

Izay adika manao hoe:" Moa ve efa tonga taminao ny tantara mikasika ny fitsarana ". [Sourat al-gashiya,and: 1]

***2-Toetry ny finoana ny andro farany***

Ny finoana ny andro farany dia: tambabe na ankapobeny sy antsipiriany.

Fa ny ankampobeny kosa dia:

Izy io dia ny finoana fa mbola ho tonga ny andro hamorian'i Allah ny vahoaka voalohany indrindra ary ny vahoaka farany indrindra ka samia ny tsirairay hizaka ny asa nataony (vitany), andiany amin'ny paradisa ary andiany amin'ny afobe.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿قُلْ إِنَّ الْأَوَّلِينَ وَالْآخِرِينَ * لَمَجْمُوعُونَ إِلَى مِيقَاتِ يَوْمٍ مَعْلُومٍ﴾ [سورة الواقعة:٤٩، ٥٠].

Izay adika manao hoe: " Teneno (ry Mouhammad) fa ny voalohany indrindra sy ny farany indrindra. Mbola ho avoriny amin'ny toerana anakiray sy andro voalaza (fantatra)". [Sourat al-wakia,and: 49-50]

**Ny antsipirihany kosa dia: izy io dia finoana amin'ny antsipiriany izay hiseho aorian'ny fahafatesana, ary izany dia mifono ireto zavatra manaraka ireto**:

**Voalohany:** Toe-javatra mahatsiravina any am-pasana.

Izy io dia fanontaniana an'ilay maty aorian'ny fandevenana azy mikasika ny tompony, ny finoany, ary ny mpaminaniny Mouhammad (saw) ankaherezin'i Allah ireo izay nino amin'ny teny fankaherezana (marina), araky ny voalaza amin'ny Hadith anakiray, afa tsy hanontaniana ny olona anakiray dia miteny hoe:" Tompoko Allah ny finoako dia Islam ary ny Mpaminaniko dia Mouhammad (saw)". [Navoaky ny Boukhary sy Mouslim].

Koa tsy maintsy ny finoana izay voalaza amin'ny Hadith amin'ny fanontanian'ireo Anjely roa ireo sy ny fonbafomba hametrahan'izy ireo izany fanontaniana izany, ary ny mpino dia afaka mamaly azy tsara ary ny mpiatsaravelatsihy kosa dia tsy afaka mamaly.

**Faharoa:** Sazy ao am-pasana sy fasoavana ao:

Tsy maintsy ny finoana ny sazy ao am-pasana sy ny hasoavana ao, ary izy io dia na lavaka amin'ireo lavaka ny afobe na zaridaina amin'ireo zaridainan'ny paradisa, ary ny fasana no voalohany toerana amin'ny andro farany, izay afaka amin'io dia mety ho mora aminy ny manaraka ary izay tsy afaka kosa dia mafy aminy ny manaraka, ary izay maty dia mitsangana amin'ny fitsanganana.

Ka ny hasoavana sy ny sazy dia mihatra amin'ny fanahy sy amin'ny vatana rehetra ao am-pasana, ary mety mitokana ny fanahy amin'azy io indraindray ary ny saziny dia ho an'ireo mpanambaka ary any hasoavany kosa dia ho an'ireo mpino sy natoky.

Ary ny maty dia sazina na hasoavina amin'ny fiainana ankoatra na nalevina izany na tsy nalevina na dia nirehitra na rendrika (dobo) na nohanin'ny biby na vorona dia tsy maintsy andalovany na sazy na hasoavana.

Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿النَّارُ يُعْرَضُونَ عَلَيْهَا غُدُوّاً وَعَشِيّاً وَيَوْمَ تَقُومُ السَّاعَةُ أَدْخِلُوا آلَ فِرْعَوْنَ أَشَدَّ الْعَذَابِ﴾

[سورة غافر:٤٦].

Izay adika manao hoe:" Miseho amin'izy ireo ny afobe maraina sy hariva ary amin'ny andro hivoahan'ny zanak'olombelona avy ao am-pasana, ampidironareo ny fianakavian'ny Faraon amin'ny sazy farany mafy ". [Sourat  Ghafir,and: 46]

Ary niteny i Mpaminany Mouhammad (saw) hoe:

قال صلى الله عليه وسلم (( فلولا أن لا تدافنوا لدعوت الله أن يسمعكم من عذابا القبر )) رواه مسلم

Izay adika manao hoe :" Raha ohatra tsy mbola ho alevina ianareo dia nangataka tamin'ny Allah aho ny hampaheno ianareo ny sazy ao am-pasana ". [Navoaky ny Mouslm].

**Fahatelo:** Ny fitsofana ny rivotra:

Izy io dia anjombona(antsiva) hitsofan'ny Anjely Israfilo ny rivotra,ka voatsoka ny fitsofana voalohany ary maty ny zavaboary rehetra afa tsy izay tian'I Allah, avy eo tsofiny ihany koa ny fitsofana faharaoa,ka mifoha daholo ny zavaboary rehetra nanomboka tamin'ny nanamboaran'I Allah izao tontolo izao ka hatramin'ny fitsanganan'ny andro farany.
Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿وَنُفِخَ فِي الصُّورِ فَصَعِقَ مَنْ فِي السَّمَاوَاتِ وَمَنْ فِي الْأَرْضِ إِلَّا مَنْ شَاءَ اللَّهُ ثُمَّ نُفِخَ فِيهِ أُخْرَى فَإِذَا هُمْ قِيَامٌ يَنْظُرُونَ﴾ [سورة الزمر:٦٨].

Izay adika manao hoe:"Ary hotsofina ny antsiva ary izay rehetra any an-danitra sy ety antany dia maty avokoa afa tsy izay tian' Allah. Avy eo tsofina indray mandeha koa anatin'izany dia indrisy izy ireo mitsangana mijery ". [Sourat Az-Zoumar,and: 68]
Ary niteny ilay mahafatoky manao hoe:

قال صلى الله عليه وسلم (( ثم ينفخ في الصور فلا يسمعه أحد إلا أصغي ليتا ورفع ليتا ، ثم لا يبقي أحد إلا صعق ، ثم يترل الله مطرا كأ نه الطل ، فتنبت منه أجسا د الناس ، ثم ينفح فيـــه أخرى فا ذا هم قيا م ينظرون )) رواه مسلم

Izay adika manao hoe :" Avy eo dia tsofina ny antsiva,ka tsy misy maheno izany na dia iray aza afa tsy mihaino bebe kokoa ary mampiakatra bebe kokoa,avy eo tsy misy zavatra tavela na dia iray aza afa tsy hoe maty daholo,avy eo alatsak'Andriamanitra ny orana sahala amin'ny zavatra malamatra be,ka mitsiry avy amin'io ny tenan'ny zanak'olombelona, avy eo tsofina indray mandeha ihany koa dia iny izy ireo mitsangana mijery ". [Navoaky ny Mouslim]
**Fahaefatra:** Ny fifohazana avy ao am-pasana:

Izy io dia fameloman'i Allah ireo maty amin'ny fotoana
Ka mitsangana ny zanak'olombelona rehetra hiatrika ny tompon'izao tontolo izao.
Rehefa maniraka (miera) ny Tompo Allah amin'ny endrika ary amin'ny fiverenan'ny fanahy amin'ny tenan'izy ireo dia mitsangana ny zanak'olombelona rehetra avy amin'ny fasan'izy ireo ary mihazakazaka manatona ny toeram-pitsarana tsy amin'ny kiraro,tsy amin'ny lamba,tsy amin-kenatra, tsy misy zavatra mihitsy miaraka amin'izy ireo na dia iray aza mihalava ny toeram-pitsarana ary midina ambany ny masoandro ary mitombo ny hafanany ary manempotra izy ireo ny dinitra noho ny hasarotan'io andro io, ary
noho ny hafanan'ilay toerana dia misy amin'ny dinitran'izy ireo tonga hatrany amin'ny kopokopon-tongotra, ary misy kosa ny dinitran'izy ireo tonga hatrany amin'ny lohalika, ary misy ny tonga hatrany amin'ny andilany, misy ny tonga hatrany amin'ny nonon'izy ireo, misy ny tonga hatrany amin'ny sorokan'izy ireo ary misy amin'izy ireo sempotran'ny dinitra,
ary izany rehetra izany dia arakaraka ny asa vitan'izy ireo.
Ny fifohazan'ny maty dia zavatra marina noporofoin'ny finoana, ny taovam-pandrenesana ary ny saina.
Raha mikasika ny finoana kosa dia:
Ny andininy masina dia maro ao amin'ny boky masina tahak'izay koa araky ny fambaran'ny Mpaminany Mouhammad (saw) manamarina izany.
Hoy ilay Avo manao hoe:

﴿قُلْ بَلَى وَرَبِّي لَتُبْعَثُنَّ﴾ [سورة التغابن: من الآية٧].

Izay adika manao hoe:" Teneno (ry Mouhammad), tsia tompoko tsy maintsy mbola hofohazina avy ao am-pasana ny rehetra ". [Sourat at-taghaboun, and:7]

Mbola niteny ilay Avo:

﴿كَمَا بَدَأْنَا أَوَّلَ خَلْقٍ نُعِيدُهُ﴾ [سورة الأنبياء: من الآية١٠٤].

Izay adika manao hoe:" Araky ny nanamboranay ny voalohan'ny zavaboahariny dia amerenanay azy".
[Sourat al-anbiya , and: 10]

Niteny Mpaminany (saw):

قال صلى الله عليه وسلم (( ثم ينفخ في الصور فلا يسمعه أحد إلا أصغي ليتا ورفع ليتا ، ثم لا يبقي أحد إلا صعق ، ثم يترل الله مطرا كأ نه الطل ، فتنبت منه أجسا د الناس ، ثم ينفح فيـــه أخرى فا ذا هم قيا م ينظرون )) رواه مسلم

Izay adika manao hoe :" Avy eo dia tsofina ny antsiva ary tsy misy maheno azy io na dia iray aza afa tsy izay miheno bebe kokoa ary mampiakatra bebe kokoa ary tsy misy tavela afa tsy hoe maty avokoa, avy eo alefan Allah ny orana sahala amin'ny zavatra malamatra be. ka mitsiry ny vatatenan'ny zanak'olombelona, avy eo tsofina indray mandeha ny antsiva, ka iny izy ireo mitsangana mijery ". [Navoaky ny Mouslim]

Niteny ilay Avo:

﴿ . . .قَالَ مَنْ يُحْيِي الْعِظَامَ وَهِيَ رَمِيمٌ * قُلْ يُحْيِيهَا الَّذِي أَنْشَأَهَا أَوَّلَ مَرَّةٍ وَهُوَ بِكُلِّ خَلْقٍ عَلِيمٌ﴾ [سورة يّس: من الآية٧٨، والآية٧٩]

Izay adika manao hoe:" Niteny (izy Allah) iza no namelona ny taolana izay hoe nalemy sahala amin'ny vovoka.Teneno (ry Mouhammad) namelona azy io dia izay nanao azy tamin'ny voalohany ihany. Ary izy dia mahalala amin'ireo zavaboariny ".
[Sourat yassiny,and: 78-79]

Raha mikasika ny taovam-pandrenesana kosa:

Efa nampijeren'i Allah ireo andevony ny famelomany ny maty tamin'ity tontolo ianinana ity,
Ary izy ireo dia:
-Vahoakan'i Mosesy izay novelomin'i Allah taorian'ny famonoany izy ireo.
-Maty tamin'ny vahoaka ny Israeliana
-Ary ireo vahoaka izay nivoaka tanana anakiray, nilefa noho ny fatahoran'izy ireo ny fahafatesana ary nandalo amin'ny tanana ambanivohitra iray.
-Ary vorona izay novonoin'i Ibrahim (fandriam-pahalemana anie ho azy)

Raha mikasika ny saina kosa dia:
a- Allah no nanamboatra ny lanitra sy ny tany sy izay misy ao amin'ny izy roa ireo, nanamboatra azy roa ireo tampiandohana, ary izay afaka nanamboatra tampiandohana dia tsy sarotra aminy ny mamerina izany.
b- Marina fa ny tany dia ngazana (tsy misy zava-maniry),milamina, tsy misy ny zava-manan'aina, ka alatsak'i Allah ny orana ka mietsiketsika ny vokatra miaina aminy tsiroaroa fivadiany an-kafaliana.
ka ny afaka namelo taorian'ny fahafatesana dia izy ihany koa no afaka mamelona ireo maty.
**Fahadimy:** Ny fivoriana, ny fitsarana ary ny fanomezana ny valisoa:

ka isika dia mino ny famoriana ny vatatenan'olombelona rehetra sy ny fanontaniana azy ireo ary ny fananganana ny fahamarinana eo amin'izy ireo ary ny fanomezana ny zava-boary ny valin'ny asan'izy ireo.
Hoy ilay Avo manao hoe:

﴿ وَحَشَرْنَاهُمْ فَلَمْ نُغَادِرْ مِنْهُمْ أَحَداً ﴾ [سورة الكهف: من الآية٤٧].

Izay adika manao hoe: "Navorinay ary tsy misy navelanay na dia iray tamin'izy ireo aza ". [Sourat al-kahfy,and: 47]
Mbola niteny ilay avo hoe:

﴿فَأَمَّا مَنْ أُوتِيَ كِتَابَهُ بِيَمِينِهِ فَيَقُولُ هَاؤُمُ اقْرَأُوا كِتَابِيَهْ * إِنِّي ظَنَنْتُ أَنِّي مُلاقٍ حِسَابِيَهْ * فَهُوَ فِي عِيشَةٍ رَاضِيَةٍ﴾ [سورة الحاقة:١٩-٢١].

Izay adika manao hoe: " Fa izay nomenay ny bokiny amin'ny ankavanany dia faly ary miteny amin'izay mihaona aminy hoe: alaonareo vakio ny bokiko. Marina noheveriko fa hahita ny fitsarako aho. Kanjo izy ao anatin'ny fiainana mahafinaritra". [Sourat Al-hakkah, and: 19-21]
Mbola niteny ilay Avo:

﴿وَأَمَّا مَنْ أُوتِيَ كِتَابَهُ بِشِمَالِهِ فَيَقُولُ يَا لَيْتَنِي لَمْ أُوتَ كِتَابِيَهْ * وَلَمْ أَدْرِ مَا حِسَابِيَهْ﴾ [سورة الحاقة:٢٥، ٢٦].

Izay adika manao hoe:" Ary izay nomena ny bokiny amin'ny ankaviany kosa dia manenina ary miteny eh ! sahala amin'ny tsy tonga tamiko ilay bokiko. Ary tsy fantako ny isako".
[Sourat al-hakkah,and: 25-26]
Ka ny famoriana dia tsenan'ny zanak'olombelona rehetra ary ny famoriana azy ireo dia ho eny amin'ny kianja hitsarana azy ireo, ary ny maha samihafa an'ity fivoriana ity sy ny fifohazana dia: ny fifohazana dia famerenana ny fanahy amin'ny tenan'ilay olona, fa ny famoriana kosa dia tsenan'ireo olona naverina fanahy ireo ary ny fanambarana azy ireo amin'ny kianja iray lehibe.

Ary ny fitsarana sy ny valisoa dia fampihatoan'i Allah marina ny andevony eo anatrehany sy ny fampahafantarana azy ireo ny asa izay vitany, fa ny mpino sy matahoatra, ny fitsarana izy ireo dia aseho ny asa vitan'izy ireo angahangaha ho fantany ny

fanomezan'i Allah ho azy ireo, amin'ny fanaronany izy ireo tety an-tany sy ny famelana avy aminy ho azy ireo amin'ny andro farany, ary avory izy ireo arakaraky ny finoana nisy taminy, mitsena azy ireo ny anjely ary manambara azy ny paradisa,mampino azy ireo ny tahotra sy ny horohoro ary miteny hoe: ity no andron'ny fahasarotana,ka ataony fotsy ny tarehin'izy ireo ary izy amin'izany fotoana izany dia mamirapiratra, mihomehy no falifaly.

Fa ireo mpandainga sy mpanohitrsa (mpikomy) kosa dia tsaraina amin'ny fitsarana farany izay hentitra amin'ny kely indrindra ka hatramin'ny be indrindra, ary ho taritina eo amin'ny tarehin'izy ireo, amin'ny andro farany, henatra (fahambaniana) valin'ny nataon'ny tanan'izy ireo sy laingan'izy ireo.

Ary voalohany ho tsaraina amin'ny andron'ny fitsarana dia vahoakan'ny Mpaminany Mouhammad (saw) ary miaraka amin'ny 70000(70 arivo) miditra amin'ny paradisa tsy misy fitsarana ary tsy misy sazy noho ny fahafenoan'ny fanokanan'izy ireo Allah, ary izy ireo no olona izay noderan'ny Mpaminany (saw) amin'ny teniny manao hoe:"Tsy mandeha mangataka vonjy amin'ireo mpanao ody mahery, tsy manao fanafody mandoro ary tsy manao faminaniana hahafantatra ny zavatra ho avy,fa amin'ny Tompon'izy ireo no ametrahany ny fitokisana".

Ary anisan'izy ireo ilay mpiaradia taminy atao hoe Okashy bin Mouhsi n (tso-dranon'Allah anie ho azy).

Ary voalohany hitsarana ny andevo anakiray dia zon'i Allah aminy (soalat) ary voalohany ho tanterahina eo anatrehan'ny olombelona rehetra dia ny zon'ny fandatsahan-dra (zon'y zanak'olombelona).

**Fahaenina:** Mino isika ny fitehirizan-dranon'ny Mpaminany (حوض)ary izy io dia fitehirizan-drano lehibe ary loharano masina, mivalampatra ary an'isan'ireo rano fisotro amin'ny paradisa avy

amin'ny renirano "Kaothar" misotro azy io ny mpino amin'ny vahoakan'i Mouhammad (saw).

Ary anisan'ny toetoetran'izy io: izy io dia tena fotsy ary avy amin'ny ronono, mangatsiaka noho ny glace, mamy noho ny tantely, ary tsara noho ny ranomanitra, ary izy io dia tena midadasika ny sakany sy ny halavany mitovy, ny zorony amin'ny zorony rehetra dia alaina ao anatin'ny iray volana, misy fikorianan'drano roa manalava azy io avy amin'ny paradisa ary ny viliany dia maro noho ny kintana eny an-danitra, ary izay misotro aminazy io dia tsy hangetaheta intsony aorian'izany.

Niteny Mpaminany manao hoe:

قال النبي صلى الله عليه وسلم (( حوضي مسيرة شهر ، ما ؤه أبيض من اللبن وريحه أطيب من المسك ، وكيزانه كنجوم السماء ، من شرب منه فلا يظمأ أبدا )) رواه البخاري

Izay adika manao hoe : " Ny fitehirizan-dranoko dia andehanana anatin'ny iray volana, ranony dia fotsy noho ny ronono, ny fofony dia tsara mihoatra ny ranomanitra, ary fipilapiratany dia sahala amin'ny kintana eny an-danitra, izay misotro azy io dia tsy hangetaheta intsony ". [Navoaky ny Boukhary]

**Fahafito :** Fanelanelanana

Rehefa tena mihamafy ny fitsapana mahazo ny zanak'olombelona amin'ilay kianja lehibe ary maharitra ny fiandrasan'izy ireo dia mihazakazaka mitady vonjy eo anatrehan'ny Tompon'izy ireo mba hampijanona amin'izy ireo amin'ny alahelo mafy nahazo azy ireo teo amin'ilay kianja sy ny fivadiam-po nihatra tamin'izy ireo, ka miala tsiny ireo Ouloul-azmi avy amin'ireo iraka hatrany amin'ny farany amin'ireo iraka, ny mpaminanitsika Mouhammad (saw) izay efa nofafain'i Allah (navelany)ny fahotana vitany sy izay mbola hataony, dia mitsangana amin'ny toerany midera azy ireo Mpaminany voalohany indrindra ary farany indrindra, ary miseho aminy ny

toerany ambony ary miankohoka amin'ny seza fiandrianan'i Allah , ambaran'i Allah izy amin'ny fiderana izay midera sy manome voninahitra azy ary miera amin'ny Tompony izy fa omeny alalana mba hanelanelana ny zava-boary mba hitsara ireo andevo aorian'ny alahelo izay nanjo azy ireo izay tsy zakan'izy ireo

Niteny ilay mahafatoky (saw) manao hoe:

قال صلى الله عليه وسلم (( إن الشمس تد نو يوم القيا مة حتى يبلغ العرق الأذ ن فبينما هم كذ لك ، استغا ثوا بآ د م ثم با براهيم ثم بموسى ثم بعيسى ثم بمحمد صلى الله عليه وسلم فيشفع ليقضى بين الخلق ، فيمشى حتى يأ خذ بحلقه البا ب ، فيومئذ يبعثه الله مقا ما محمودا يحمده أهل الجمع ملهم )) رواه البخاري

Izay adika manao hoe : "Marina fa ny masoandro dia midina amin'ny andron'ny fitsarana hatrany amin'ny dinitra miakatra hatrany amin'ny sofina ary izy ireo anelanelan'izany, mangataka vonjy amin'ny Adam, avy eo Abraham avy eo Moussa avy eo Issa (Jesosy)ary Mouhammad mba hanelanelana izy ireo mba hitsara eo anelanelan'ny zavaboary,ka mandefa azy manala ny hidin'ny varavarana, ka amin'izany dia alefan'i Allah izy amin'ny toerana mendrika (voadera) midera azy ny mpivory rehetra ". [Navoaky ny Boukhary]

Ary ity fanelanelanana lehibe ity dia voatokana ho an'ilay iraka Mouhammad (saw) ihany, ary voalaza fa misy fanelanelanana hafa kosa no azony atao:

1-Fanelanelany (saw) ireo olona tokony mahazo ny paradisa mba hampidirina izy ireo amin'ny paradisa.

Porofon'izanyny teniny Mpaminany (saw) hoe:

قال صلى الله عليه وسلم (( آتي با ب الجنة يوم القيا مة فا ستفتح، فيقول الخزن من أنت ؟ قال فأ قول محمد ، فيقول بك أمرت لا أفتح لأحد قبلك )) رواه مسلم

Izay adika manao hoe :"Ho tonga eo amin'ny varavaran'ny paradisa aho, amin'ny andron'ny fitsarana, hamaha azy. Ka hanontany ilay mpiandry hoe: Iza ianao ? hiteny aminy aho hoe: Mouhammad, fa miteny ilay mpiandry: amin'ny anton'inona no nanirahana anao ? ary tsy mbola nivahaiko tamin'iza na iza talohanao ". [Navoaky ny Mouslim]

2- Fifanelanelany (saw) amin'ny vahoaka izay hoe mitovy ny hatsarana sy ny haratsiana vitan'izy ireo ka manelanelana azy ireo izy mba hampiditra azy ireo amin'ny Paradisa. Fa amin'ity indray mitoraka ity dia lasa ireo sasany amin'ny manam-pahaizana nilaza fa tsy tena misy hadith marina azo avy amin'ny mpaminany ny momba izany.

3- Fifanelanelany (saw) amin'ireo vahoaka izay mendrika miditra amin'ny afobe mba tsy hampidirina any.

Porofon'izany dia ny tenin'i Mpaminany Mouhammad (saw) hoe:

قال صلى الله عليه وسلم (( شفا عتي لأهل الكبا ئر من أميي )) رواه أبو داود

Izay adika manao hoe :"Ny fifanelanelanako dia ho an'ireo nahavita fahotana be indrindra amin'ireo vahoakako ". [Navoaky ny Mouslim]

4- Fifanelanelany (saw) amin'ny fampiakarana toeran'ireo nahazo paradise amin'ny paradisa ambonimbony kokoa.

Porofon'izany ny tenin'i Mpaminany Mouhammad (saw) hoe:

قال صلى الله عليه وسلم (( اللهم اغفر لأبي سلمة وأرفع درجته في المهد يين )) رواه مسلم

Izay adika manao hoe :" Oh Allah ! mamela heloka ho an'i Abou salama ianao, ary ampiakaro anie ny toerana misy azy ao anatin'ny filaminana". [Navoaky ny Mouslim]

5-Fifanelanelany (saw) ho an'ireo vahoaka miditra amin'ny Paradisa tsy nisy fitsarana sy fanasazina.

Porofon'izany: ny hadith Okasha bin Mouhsin amin'ny ireo 70000 miditra amin'ny paradisa tsy misy fitsarana sy fanasazina fa niantso azy i Mouhammad ary niteny hoe: "اللهم اجعله منهم"
Adika manao hoe " Tompo Allah O!ataovy izy mba anisan'izy ireo ". [Navoaky ny Mouslim]

6-Fifanelanelany (saw)amin'ireo nahavita heloka be indrindra amin'ireo vahoakany ho an'izay niditra amin'ny afobe mba hivoaka amin'izany.Hoy Mpaminany Mouhammad (saw) manao hoe:

قال صلى الله عليه وسلم ((شفا عتي لأهل الكبا ئر من أميي )) رواه أبو داود

Izay adika manao hoe: "Ny fanelanelako dia ho an'ireo izay nahavita fahotana be indrindra amin'ireo vahoakako". [Navoaky ny Abou Daoud]
Mbola niteny ihany koa izy (saw) manao hoe:" mivoaka amin'ny afobe ny vahoaka anakiray noho ny fifanelanelanan'i Mouhammad (saw) ka miditra amin'ny paradisa antsoina amin'ny anarana hoe: Djahannamainy ". [Navoaky ny Boukhary]

7-Fifanelanelany (saw) amin'ny fampihenana ny sazin'ireo mendrika ho voan'izany, sahala amin'ny fifanelanelany amin'ny Papakeliny Abou Toalib.
Porofon'izany ny tenin'i Mpaminany Mouhammad (saw):

قال صلى الله عليه وسلم (( لعله تنفعه شفا عتي يوم القيا مة فيجعل في ضحضاح من النـــا ر يبلغ كعلي منه دماغه )) متفق عليله

Izay adika manao hoe :" Angahangaha hisy tombotsoa aminy ny fifanelanelako amin'ny andron'ny fitsarana fa hataony amin'ny zorony amin'ny afobe izay mihoatra ny felantongony hafanaina avy amin'io ny ati-dohany ". [Navoaky ny Mouslim sy Boukhary]

Ary tsy tanteraka ny fifanelanelanana amin'Allah raha tsy amin'ny fepetra roa:

a-Fankasitran'Allah ilay mpanelanelana sy ilay elanelanina.

b-Fanomezan'i Allah alalana ilay mpanelanelana mba hanelanelana.

Hoy ilay Avo manao hoe:

﴿ وَلَا يَشْفَعُونَ إِلَّا لِمَنِ ارْتَضَى ﴾ [سورة الأنبياء: من الآية٢٨].

Adika manao hoe:" Tsy misy afaka manelanelana afa tsy izay nankasitraina ". [Sourat al-anbiya,and: 28]

Mbola niteny ilay Avo:

﴿ مَنْ ذَا الَّذِي يَشْفَعُ عِنْدَهُ إِلَّا بِإِذْنِهِ ﴾ [سورة البقرة: من الآية٢٥٥].

Adika manao hoe:" Iza no afaka hanelanelana eo aminy (Allah),afa tsy izay nomeny alalana ". [Sourat al-bakara,and: 255]

**Fahavalo:** Ny fandanjana (Mizana):

Ny fandanjana (mizana) dia marina ary tsy maintsy ny finoana an'izany ary izay no atsangan'i Allah, amin'ny andron'ny fitsarana mba handanjana ireo asan'ny andevony ireo ary mba hanomezana azy ireo ny valisoa ny asan'izy ireo, ary izy io dia fandanjana azo tsapain-tanana, manana fela-tanana roa sy lela anakiray, lanjaina eo ny asa rehetra, na ireo taratasy misy ireo asa ireo na vatatenan'ilay nanao ny asa, ka ny rehetra dia ho lanjaina, fa ny tena imasoana dia ny havesatra na ny haivana amin'ny vatatenan'ilay asa fa tsy hoe ny vatatenan'ilay nanao ny asa na ny taratasy.

Hoy ilay Avo manao hoe:

﴿ وَنَضَعُ الْمَوَازِينَ الْقِسْطَ لِيَوْمِ الْقِيَامَةِ فَلا تُظْلَمُ نَفْسٌ شَيْئاً وَإِنْ كَانَ مِثْقَالَ حَبَّةٍ مِنْ خَرْدَلٍ أَتَيْنَا بِهَا وَكَفَى بِنَا حَاسِبِينَ ﴾ [سورة الأنبياء:٤٧].

Adika manao hoe:" Ary hataonay ny fandajana amin'ny fahamarinana, amin'ny andron'ny fitsarana, ka tsy misy aina ho voambaka eo na dia kely aza, na dia lanjan'ny voatsinapy aza dia ho asehonay avokoa. Ary ampy anay ny fanisana ". [Sourat al-anbiya,and: 47]

Mbola niteny ilay Avo hoe:

﴿ وَالْوَزْنُ يَوْمَئِذٍ الْحَقُّ فَمَنْ ثَقُلَتْ مَوَازِينُهُ فَأُولَئِكَ هُمُ الْمُفْلِحُونَ * وَمَنْ خَفَّتْ مَوَازِينُهُ فَأُولَئِكَ الَّذِينَ خَسِرُوا أَنْفُسَهُمْ بِمَا كَانُوا بِآيَاتِنَا يَظْلِمُونَ * [سورة الأعراف:٨، ٩].

Adika manao hoe: " Ary ny fandanjana dia marina amin'io fotoana io, ka izay mavesatra ny lanjany dia ireny no hasovina. Fa izay maivana kosa ny lanjany dia fatiantoka ho an'izy ireo tamin'izay fikomian'izy ireo ny famantarana maro nalefanay". [Sourat al-anraf,and: 8-9]

Niteny ilay Mahafatoky (saw):

قال صلى الله عليه وسلم (( الطهور شطر الايما ن ، والحمد لله تملأ الميزان )) رواه مسلم

Izay adika manao hoe :" Ny fahadiovana dia anisan'ny finoana, ary dera anie ho an'Allah izay nameno ny mizana ". [Navoaky ny Mouslim]

Mbola niteny ilay Mahafatoky (saw):

قال صلى الله عليه وسلم (( يوضع الميزان يوم القيا مة فلو وزن فيــه الــسما وات والأرض لوسعت )) رواه الحاكم

Izay adika manao hoe :"Hapetraka ny mizana, amin'ny andron'ny fitsarana, na dia lanjaina aza ny lanitra sy ny tany dia omby azy ". [Navoaky ny Hakim]

**Fahasivy:** Ny lalana:

Ary mino isika ny lalana, ary izy io dia tetezana mitsangana amin'ny lamosin'ny afobe, ary fandalovana tena mampatahoatra, mandalo amin'io daholo ny olombelona rehetra na ho any amin'ny paradisa azo, ka misy amin'izy ireo ny mandalo eo sahala amin'ny  andilana, ary misy amin'izy ireo ny m andalo sahala amin'ny  tselatra, ary misy amin'izy ireo sahala amin'ny rivotra, ary misy sahala amin'ny vorona, ary misy sahala amin'ny hatsaran'ny soavaly, ary misy amin'izy ireo mandalo sahala amin'ny fihazakazan'ny lehilahy, mipaika ny  tany,
ary farany amin'ireo mpandalo amin'izy ireo ireo izay nitsoaka amin'ny fitsoahana mahagaga, ka mandalo izy ireo arakaraky ny asa vita ny izy ireo hatramin'ny fandalovan'izay hoe fazavany arakaraky ny halokin'ny tongony, ary misy amin'izy ireo izay mandeha haingakaingana ary voatsipy any amin'ny afobe, ary izay nihoatra an'io lalana io dia miditra amin'ny paradisa.

Ary voalohany miampita an'io lalana io dia ny Mpaminanitsika Mouhammad (saw) avy eon y vahoakany.
Ary tsy misy miteny amin'io fotoana io afa tsy ireo iraka ary ny hatak'ireo iraka amin'io fotoana io dia Tompo o !atero atero, ary amin'io afobe io dia misy alika be eo amin'ny sisiny anakiroa amin'ny ilay lalana tsy misy mahafantatra ny hangezany afa tsy Allah, mipaoka izay tian'i Allah ho paofina amin'ireo zavaboariny.

Ary anisan'ny toetran'io lalana io dia: Izy io dia maranitra noho ny antsy, ary  tena kely noho ny volo, malamatra, tsy tafipetraka amin'io ny tongotra raha tsy izay tian'ny Allah hapetraka ary izy io dia mitsatoka (mitsangana) amin'ny haizina

ary halefa ny fitokisana sy ny fanarahana ka mitsangana amin'ny sisiny anakiroa amin'ilay lalana mba ho vavolombelona ho an'izay mitsinjo na miraharaha ireo zavatra anakiroa ireo.
Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿وَإِنْ مِنْكُمْ إِلَّا وَارِدُهَا كَانَ عَلَى رَبِّكَ حَتْماً مَقْضِيّاً * ثُمَّ نُنَجِّي الَّذِينَ اتَّقَوْا وَنَذَرُ الظَّالِمِينَ فِيهَا جِثِيّاً﴾ [سورة مريم: ٧١، ٧٢].

Izy adika manao hoe: " Tsy misy olona avy aminareo raha tsy hoe mandalo amin' izy io (afo be) satria izy io amin'ny Tomponao (ry Mouhammad) dia tenim-pahendrena tsy azo itsoahana Avy eo nafahanay ireo izay nanana fatahorana ary avelanay ireo mpanambaka (tsy marina) mandohalika ". [Sourat Mariamo,and: 71-72]
Ary niteny ilay Mahafatoky (saw) manao hoe:

قال صلى الله عليه وسلم ((ويضرب الصراط بين ظهراني جهنم... فأ كون أنا وأمتي أول من يجيزه يو )) رواه مسلم

Izay adika manao hoe :" Ho apetraka io lalana io eo anelanelan'ny lamosin'ny afobe, ka izaho sy ny vahoakako no mihoatra (mandalo)aminy". [Navoaky ny Moslim]
Mbola niteny ilay Mahafatoky (saw) :

قال صلى الله عليه وسلم (( ويضرب جسر جهنم.. فأ كون أول من يخرج ودعـــاء الرســـل يومئذ اللهم سلم سلم )) متفق عليه

Izay adika manao hoe :" Hipetraka ny tetezan'ny afobe ka izaho no voalohany mandalo eo, ary hatak'ireo iraka rehetra amin'io fotona io Allah O! atero atero " na vonjeo vonjeo ". [Navoaky ny Moslim sy Boukhary].
Mbola niteny ilay Mahafatoky (saw) manao hoe:

قال صلى الله عليه وسلم (( وترسل الأما نة والرحم فتقوما ن على جنبي الصرا ط يمينا وشمالا ، فيمر أولكم كالبرق... ثم كمر الريح ، ثم كمر الطير وشد الرجال تجري بهـــم أعمـــالهم ، ونبيكم قائم على الصراط يقول : رب سلم سلم ، حتى تعجز أعما ل العبا د ، حـــتى يجـــئ الرجل فلا يستطيع السير إلا زحفا قال وفي حا فتي الصراط كلاليب معلقة مأمورة بأخذ من أمرت به فمخد وش ناج ومكدوس في النار )) رواه مسلم

Izay adika manao hoe :"Alefa ny fitokisana sy ny fananahana.ka mitsangana eo amin'ny sisiny anakiroa amin'ilay lalana ankavanana sy ankavia.ka mandalo ny voalohany aminareo sahala amin'ny tselatra,avy eo sahala amin'ny fandalovan'ny rivotra,avy eo sahala amin'ny fandalovan'ny vorona ary fatahorana ny lehilahy,mampandalo izy ireo ny asan'izy ireo,ary mpaminaninareo dia mitsangana amin'io lalana io ary miteny hoe: Tompo o! enga anie mba ho tafita. hatramin'ny miha malemy ny asan'ny andevo anakiray, avy koa ny lehilahy manaraka ka tsy afaka mandalo afa tsy mandady ary niteny tanteraho ny sisin'ilay lalana fantsy mihantona voabaiko amin'ny fangalana izay voadidy aminy ka izay nahay namahana dia tafita ary izay nampifanongoa kosa dia anatin'ny afo be ". [Navoaky ny Mouslim]

**Fahafolo :** Al-kintara

Mino isika fa ireo mpino rehefa nihoatra ilay lalana dia ajanona eo ambony ny kintara.

Ny atao hoe: Kintara dia: toerana eo anelanelan'ny paradisa sy afobe mijanona eo aminy ireo mpino izay tafihoatra ilay lalana ary afaka tamin'ny afobe noho ny fifamonoana misy tamin'ny sasany amin'izy ireo alohan'ny hidirana amin'ny paradisa, ka rehefa mifandamina izy ireo sy miverina amin'ny fatahorana dia hampidirina any amin'ny paradise amin'izay.

Niteny Mpaminay Mouhammad (saw) hoe:

قال صلى الله عليه وسلم (( يخلص المؤمن من النا ر فيحبسون على قنطرة بين الجنـــة والنـــار فيقتص لبعضهم من بعض مظا لم كانت بينهم قي الد نيا حتى إذا هذ بوا ونقوا أذن لهم في د خول الجنة ، فوالذي نفس محمد بيده لأحد هم أهدي بمترلة في الجنة منه بمترلة كان في الـــد نيا )) رواه البخاري

Izay adika manao hoe : " Rehefa tafita tamin'ny afobe ireo mpino dia gadraina eo amin'ny Kintara, anelanelan'ny Paradisa sy afobe, ka samia mitaky ny zony ny sasany amin'izy ireo amin'ny sasany noho ny fanambakana nisy tamin'izy ireo tety an-tany,fa rehefa mifandamina izy ireo ary matahoatra dia hiraina hiditra amin'ny paradisa, ka nifanta Mpaminany fa mety hisy iray amin'izy ireo mahitsy amin'ny toerany amin'ny paradise noho ny toerana misy azy tety an-tany ". [navoaky ny Boukhary]

**Faha raiky ambin'ny folo:** Ny paradisa sy ny afo-be

Ary mino isika fa ny paradisa sy ny afobe dia misy ary marina ary tsy mety lany ka mandalo, fa kosa mitoetra mandrakizay, ka ny hasoavan'ireo nahazo ny paradisa dia tsy lany ary tsy mandalo ary tsy mihato mihitsiny ho an'ireo izay notsarain'ny Allah hitoetra ao mandrakizay.

Fa ireo mpanokana ny Allah tamin'ny fanompoana kosa dia mivoaka avy amin'io afobe io noho ny fanelanelan'ilay mpanelanelana sy ny indra-fon'ilay be indrafo.

Ny paradisa dia toeram-boninahitra izay nanomezan'i Allah toky ireo natahoatra ny Allah, amin'ny andro farany, misy ao ny renirano mikoriana, ny efitra ambony ary vady tsara sy mendrika, ary misy izay tian'ny vatana sy tsiriritin'ny maso izany hoe: tsy misy maso mahita na sofina maheno ary tsy misy atahorana fa hanaitra fon'olona hafa, tsy mety lany ary tsy mety tapaka mihitsiny io hasoavana io mitoetra mandrakizay aminy tsy misy

fahatapahany, ny rivotra misy ao dia mitovy amin'ny fandehanana efapolo taona, ary ny tena lehibe amin'ireo fahasoavana ao dia ny fahitan'ireo mpino ny Tompon'izy ireo amin'ny maso.

Fa ireo mpikomy kosa dia voasakana izy ireo amin'ny fahitana ny Tompon'izy ireo, ka izay manda ny fahitan'ireo mpino tamin'izy ireo dia mitovy izany izy ireo sy ireo mpikomy amin'ity fady anakiray ity.

Ary amin'io paradisa io dia ambaratonga zato ary ny sasany amin'izy ireo dia sahala amin'ny elanelana misy eo amin'ny tany sy ny lanitra, sy farany ambony amin'io paradisa io dia ny "Firdaosy ",ny tafon'izy ioe dia seza ny fiandrianan'ny Tompo Allah, ary manana varavarana valo izy, ny elanelana misy amin'ny sisin'ireo varavarana ireo dia sahala amin'ny elanelan'ny Makka sy Hijra, ary mbola ho tonga any adro izay hoe feno izy io tsetsina, ary farany ambany amin'ireo olona mahazo ny paradisa dia mitovy toetra amin'ny eto an-tany sy am-polony mitovy aminy .

Niteny ilay Avo mikasika ny Paradisa hoe:

﴿أُعِدَّتْ لِلْمُتَّقِينَ﴾ [سورة آل عمران: من الآية١٣٣].

Adika manao hoe: "Nomanina ho an'ireo nanana fatahorana ". [Sourat al-imrany,and: 133]

Mbola niteny ilay Avo mikasika ny fipetrahan'ireo nahazo paradisa mandrakizay ao no sady tsy very.

﴿جَزَاؤُهُمْ عِنْدَ رَبِّهِمْ جَنَّاتُ عَدْنٍ تَجْرِي مِنْ تَحْتِهَا الْأَنْهَارُ خَالِدِينَ فِيهَا أَبَداً رَضِيَ اللَّهُ عَنْهُمْ وَرَضُوا عَنْهُ ذَلِكَ لِمَنْ خَشِيَ رَبَّهُ﴾ [سورة البينة:٨].

Adika manao hoe:" Valisoan'izy ireo avy amin'i Tompon'izy ireo dia paradisan'ny fipetrahana, izay hoe mikoriana eo ambaniny ny renirano.
Hitoeran'izy ireo mandrakizay, sitrak'Allah ho azy ireo ary izy ireo koa nankasitraka azy. Izany dia natao ho an'izay natahoatra Tompony ". [sourat al-bayna, andininy: 8].

Fa ny afobe kosa dia: Toeram-panasaziana noman'Allah ho an'ireo mpikomy sy ireo mpanonta, ao no ahitana ny sazy farany henjana ary karazan'ireo fanasaziana samihafa, ny mpiandry azy io dia Anjely matanjaka, ka ireo mpikomy dia mitoetra ao mandrakizay sakafon'izy ireo dia "zakomy " (karazana sakafo mamono), ny zava-pisotrony amin'io dia "Hamimo" (rano fisotro tena mafana) ny afo ety an-tany dia singany amin'ireo fitopolo amin'ny hafanan'ny afobe, ka izy io dia notsongaina tamin'ny io fitopolo io ary ny sisa sivy amby enipolo tavela dia dia mitovy hafanana aminy na mafana lavitra noho izy.

Ary ity afo ity dia tsy mankahala ho an'izay nampidirina ao aminy sy izay natsipy any ambaniny any ary miteny mihitsiny izy hoe: Tsy misy ampina ?
Ary izy io dia misy varavarana fito ary isan'ny varavarana dia misy singany voazarazara.
Niteny ilay Avo mikasika ny afobe:

﴿أُعِدَّتْ لِلْكَافِرِينَ﴾ [سورة آل عمران: من الآية١٣١].

Adika manao hoe:" Nomaninay ho an'ireo mpikomy " . [Sourat al-Imran:131]
Mbola niteny ilay Avo mikasika ny fijanon'ireo tafiditra ao amin'ny afobe mandrakizay ary izy io dia tsy mety lany.

﴿إِنَّ اللَّهَ لَعَنَ الْكَافِرِينَ وَأَعَدَّ لَهُمْ سَعِيراً * خَالِدِينَ فِيهَا أَبَداً. . . ﴾ [سورة الأحزاب: الآية٦٤، ومن الآية٦٥].

Izay adika manao hoe:" Marina fa i Allah dia nanozona ireo mpikomy ary nanomana ho azy ireo ny afobe, mijanona ao mandrakizay ". [Sourat al-ahzab:64-65]

***3-Fiantraikan'ny finoana ny andro farany:***

1-Ny faniriana amin'ny fanaovana ireo fankatoavana rehetra ary ny fitandrona an'izany fanantenana ny ahazo tombotsoa.

2-Ny fatahorana amin'ny fanaovana fahotana sy ny fankasitrana izany ho fatahorana ny sazy amin'io andro io.

3-Lalaon'ireo mpino rehefa mandao an'ity fiainana ato antany ity izy ireo ary manantena ny hasoavana amin'ny andro farany sy ny tombotsoa any.

4-Ny finoana ny fifohazana avy ao am-pasana dia anisan'ny antony fahasambaran'ny tsirairay ny vondrona, ka ny olombelona rehetra mino Allah dia mbola hampitsanangana ny zavaboary rehetra aorian'ny fahafatesan'izy ireo, hitsara azy ireo ary hanome azy ireo ny valisoan'ny asan'izy ireo, ary hitaky amin'ireo mpanambaka avy amin'ireo voambaka na dia biby izay nitsanga tamin'ny fankatoavana Allah ary ho tapaka fandaminan'ireo ratsy, ary mandresy ny hatsarana eo amin'ny fiarahamonina,iraisana ny ambaratongam-boninahitra sy ny fitoniantsaina.

# -NY ANDRY FAHA ENINA NY FINOANA NY LAHATRA.

***1-Famaritana ny atao hoe lahatra sy ny mahazava-dehibe ny finoana an'izany :***

Ny lahatra dia tombatomban'i Allah amin'ny zava-misy rehetra arakaraky ny fahalalany izany zavatra izany sy izay antony mifono an'izany.

Ary izy io dia miverina amin'ny fahefan'i Allah ary izy dia ambony no manam-pahefana amin'ny zavatra rehetra, mpanao izay tiany.

Ary ny finoana azy io dia anisan'ireo finoana fa Allah no nahary izao rehetra izao, ary izy io dia anisan'ny andry iorenan'ny finoana izay hoe tsy feno ny finoana rehefa tsy eo izy.

Niteny ilay Avo hoe:

﴿إِنَّا كُلَّ شَيْءٍ خَلَقْنَاهُ بِقَدَرٍ﴾ [سورة القمر:٤٩].

Adika manao hoe: " Marina fa namboarina ny zava-drehetra efa voalahatra ". [Sourat al-kamar,and:49]

Niteny Mpaminany Mouhammad (saw) hoe:

قال صلى الله عليه وسلم (( كل شيء بقد ر حتى العجز والكيس ، أو الكيس العجز ))رواه مسلم

Izay adika manao hoe :" Ny zava-drehetra dia voalahatra na dia ny tsy fahafahana (fahanterana) sy ny fahiran-tsaina ". [Navoaky ny Mouslim]

***2-Ambaratongan'ny lahatra***

Tsy feno ny finoana ny lahatra raha tsy voamarina ireto ambaratonga efatra ireto:

**Voalohany:** ny finoana ny fahalalan'i Allah tsy manam-piadohana no tsy manam-pahataperana io handidiany ny zavandrehetra.

Niteny ilay Avo:

﴿أَلَمْ تَعْلَمْ أَنَّ اللَّهَ يَعْلَمُ مَا فِي السَّمَاءِ وَالْأَرْضِ إِنَّ ذَلِكَ فِي كِتَابٍ إِنَّ ذَلِكَ عَلَى اللَّهِ يَسِيرٌ﴾ [سورة الحج:٧٠].

Adika manao hoe:" Moa ve tsy fantatrao fa Allah dia mahafantatra izay rehetra misy amin'ny lanitra sy ny tany.Izany dia ao anatin'ny boky.Marina fa izany rehetra izany dia mora amin'i Allah ". [Sourat Al-hadjy, and: 70].

**Faharoa:** Ny finoana ny fisoratan'ny fahalalan'Allah eo amin'ny tablao fitehirizan'Allah ny tsy ambaratelony mikasika ny lahatra.

Hoy ilay avo manao hoe:

﴿مَا فَرَّطْنَا فِي الْكِتَابِ مِنْ شَيْءٍ﴾ [سورة الأنعام: من الآية٣٨].

Adika manao hoe:" Tsy misy zavatra navelanay tsy nosoratanay amin'io boky io (Koran)" . [Sourat al-an-am, and:38]

Niteny ihany koa ilay mahafatoky Mouhammad (saw) hoe:

قال صلى الله عليه وسلم (( كتب الله مقا د يرالخلا ئق أن يخلق السموا ت والأرض بخمسين ألف سنة )) رواه مسلم

Izay adika manao hoe : "Nosoratan'Allah ny lahatran'ireo zavaboary talohan'ny nanamboarany ny lanitra sy ny tany teo amin'ny dimy alina taona ". [Navoaky ny Mouslim]

**Fahatelo:** ny finoana ny fitiavan'Allah (fikasany) dia tsy maintsy tanterahina sy ny fahefany manontolo.

Niteny ilay Avo:

﴿وَمَا تَشَاءُونَ إِلَّا أَنْ يَشَاءَ اللَّهُ رَبُّ الْعَالَمِينَ﴾ [سورة التكوير:٢٩].

Adika manao hoe:" Tsy afaka mitia ianareo afa tsy hoe Allah no mitia,tompon'izao tontolo izao ". [Sourat al-Takwir,and:29]

Niteny ilay mahafatoky (saw)tamin'ilay niteny taminy hoe: izay tian'Allah sy tianao.

Niteny Mpaminany Mouhammad (saw) hoe:

قال صلى الله عليه وسلم لمن قال له ما شاء الله وشئت:(( أجعلتني لله ندا بل مـــا شـــاء الله وحده )) رواه أحمد

Izay adika manao hoe :" Nalainao aho nampitovinao amin'ny Allah, teneno hoe: izay tian'Alla irery ihany ". [Navoaky ny Ahmad]

**Fahaefatra:** ny finoana fa Allah no nanamboatra ny zava-drehetra:

Hoy ilay Avo hoe:

﴿اللَّهُ خَالِقُ كُلِّ شَيْءٍ وَهُوَ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ وَكِيلٌ﴾ [سورة الزمر:٦٢].

Adika manao hoe:" Allah no nahary izao rehetra izao ary izy no mpamindra (masoivoho)amin'izy rehetra ireo " . [Sourat al-zoumar, and: 62]

Mbola niteny ilay Avo hoe.

﴿وَاللَّهُ خَلَقَكُمْ وَمَا تَعْمَلُونَ﴾ [سورة الصافات:٩٦].

Izay adika manao hoe: "Allah no nanamboatra ianareo sy izay ataonareo ". [Sourata al-soaffat, and:96]

Hoy ilay Mahafatoky Mouhammad (saw) hoe:

قال صلى الله عليه وسلم (( إن الله يصنع كل صا نع وصنعته )) رواه البخا ري

Izay adika manao hoe :" Marina fa Allah no nanamboatra ny mpanamboatra rehetra sy ny zava-boariny ". [Navoaky ny Boukhary].

***3-Fizaran'ireo tombatombana :***

a- Tombatombana ankapobeny ho an'ny zava-misy rehetra, ary izy no voasoratra tamin'ny solaitrabe fitehirizana ny tsy ambaratelony talohan'ny nanamboarana ny lanitra sy ny tany eo amin'ny dimampolo arivo taona.

b-Tombatombana mikasika taona, izy io dia tombatombana rehetra amin'izay mandalo amin'ny andevo anakiray amin'ny fotoana hitsofana ny fanahy hiditra aminy ka hatramin'ny fitaperan'ny fofon'ainy.

g-Tombatombana isan-taona: ary izy io dia tombatombana amin'ny zavatra mandalo isan'taona, ary izany dia alin'ny lahatra (ليلة القد ر) isan-taona dia misy foana.

Niteny ilay avo:

﴿فِيهَا يُفْرَقُ كُلُّ أَمْرٍ حَكِيمٍ﴾ [سورة الدخان:٤].

Adika manao hoe: "Mandritra izany no sarahina ny didy rehetra mendrika ". [Sourat al-dokhany,And:4]

d-Tombatombana isan'andro: izy ioa dia tombatombana amin'ny zava-drehetra mandalo isan'andro avy amin'ny matanjaka malemy, sy fanomezana, ny fisakanana, ny famelomana ary ny famonoana sns …

Niteny ilay Avo:

﴿يَسْأَلُهُ مَنْ فِي السَّمَاوَاتِ وَالْأَرْضِ كُلَّ يَوْمٍ هُوَ فِي شَأْنٍ﴾ [سورة الرحمن:٢٩].

Adika manao hoe: " Mitalaho aminy (mangataka) izay rehetra misy any an-danitra sy ety an-tany, isan'andro dia misy ny atao vaovao foana izy ". [Sorat al-rahamany,and: 29]

***4-Finoan'ireo manampahaizana taloha ny amin'ny lahatra***

Marina fa Allah no nahary ny zava-drehetra sy tompony ary Mpanjaka, efa nandahatra ireo lahatran'ny zavaboary talohan'ny nanamboarana azy ireo, nandahatra fahafatesan'izy ireo, ny

anjaran'izy ireo ary ny asa vitan'izy ireo, manoratra amin'izay handalovan'izy ireo mikasika ny fahasambarana na fahasahiranana, ka ny zava-ndrehetra dia efa nisainy amin'ny fibaribariana mialoha.
Ka izay tian'i Allah dia misy ary izay tsy tiany kosa dia tsy misy, mahafantatra ny zavatra misy sy ny mbola ho isy ary ny tsy misy na dia ahoana azan y fomba hampisy azy, izy no afaka amin'izany rehetra izany, manitsy izay tiany ary manary izay tiany avily lalana, ary marina fa ho an'ireo andevo ny fitiavana sy ny fahafahana manao arak'izay nandaharan'i Allah izy ireo, arakin'ny finoan'izy ireo fa andevo dia tsy afaka mitia afa tsy efa notiavin'Allah ilay izy.
Hoy ilay Avo hoe:

﴿ وَالَّذِينَ جَاهَدُوا فِينَا لَنَهْدِيَنَّهُمْ سُبُلَنَا ﴾ [سورة العنكبوت: من الآية٦٩].

Adika hoe: " Ary ireo izay nitolona amin'ny antonym dia hampahitsinay izy ireo amin'ny sakelidalanay". [Sourat al-ankabout,and:69]

Ary marina fa Allah no nahary ny andevo sy ny fihetsik'izy ireo ary izy ireo no manao an'izany tena marina,ka tsy misy porofo intsony ho an'ny tsirairay amin'Allah ny amin'ny tsy maitsy hamelana izy na tsy hifadiana ny fihetsiny, mifanohitra amin'izay, an'Allah ny porofo feno amin'ireo andevony, ary mety ny fiporofoana ny lahatra amin'ny voina fa tsy hoe amin'ny fahadisoana na fahotana.
Arakin'ny nolazain'ny Mpaminay Mouhammad (saw) mikasika ny amin'ny porofon'i Mosesy amin'ny Adama:

قال صلى الله علسه وسلم ((تحاج آد م وموسى ، فقا ل موسى : أنت آد م الذي اخرجتــك خطيئتك من الجنة ، فقا ل آد م : أنت موسى الذي اصطفاك الله برسالاته ثم تلومني على أمر قد قدر علي قبل أن أخلق فحج آد م موسى )) رواه مسلم

Izay adika manao hoe :" mifanilika i Adama sy Mosesy , ka niteny Mosesy hoe: Ianao ry Adam izay navoakin'ny fahadisoanao tamin'ny paradisa, namaly azy i Adam hoe: Ianaoa ry Mosesy izay nofidin'i Allah hitondra ny hafatra sy ny teniny avy eo omenao tsiny aho tamin'ny zavatra efa voalahatra amiko talohan'ny nanamboarana ahy, ka nanana porofo i Adam tamin'i Mosesy "
[navoaky ny Mouslim]

***5-Fihetsikin'ny andevo :***

Ireo fihetsika izay namboarin'Allah dia mizara roa:

**voalohany:** izay hizoran'Allah ny fanaovana avy amin'ireo zavaboariny, tsy misy na dia iray aza ny safidy sy ny filana dia an'Allah.

ohatra: ny fahavelomana, ny fahafatesana, ny aretina ary ny fahasalamana.

Niteny ilaya Avo:

﴿ وَاللَّهُ خَلَقَكُمْ وَمَا تَعْمَلُونَ ﴾ [سورة الصافات:٩٦].

Adika manao hoe: " Allah no nahary anareo sy izay ataonareo ". [Sourat al-soafa,and:96]

Mbola niteny ilay avo:

﴿ الَّذِي خَلَقَ الْمَوْتَ وَالْحَيَاةَ لِيَبْلُوَكُمْ أَيُّكُمْ أَحْسَنُ عَمَلاً ﴾ [سورة الملك: من الآية٢].

Adika manao hoe: " Izy izay nanao ny fahafatesana sy ny fahavelomana mba hitsapa anareo (na mba ahaizanareo) fa an'iza ny asa tsara indrindra ". [Sourat al-moulk, and:2]

**Faharoa:** Izay ataon'ireo zavaboary rehetra amin'ny filany rehetra, ka ity dia miseho amin'ny safidin'ilay mpanao azy sy ny filany, satria ny Allah no nanao izany amin'izy ireo.
Niteny ilay Avo hoe:

﴿لِمَنْ شَاءَ مِنْكُمْ أَنْ يَسْتَقِيمَ﴾ [سورة التكوير:٢٨].

Adika manao hoe: " Ho an'izay mitia hanaraka ny lalana mahitsy aminareo". [Sourat al-takwir, and:28]
Mbola niteny ilay Avo hoe:

﴿فَمَنْ شَاءَ فَلْيُؤْمِنْ وَمَنْ شَاءَ فَلْيَكْفُرْ﴾ [سورة الكهف: من الآية٢٩].

Adika manao hoe: " Ka izay mitia dia minoa izy, ary izay mitia dia afaka mikomy izy ". [Sourat al-kahfy, and:29]
Izy ireo dia deraina amin'ny zavatra tsara ary omena tsiny amin'ny zavatra mety hanomezana tsiny, ary Allah dia tsy manasazy afa tsy amin'ny didy na zavatra misy safidin'ny andevo, araky ny tenin'ilay Avo hoe:

﴿وَمَا أَنَا بِظَلَّامٍ لِلْعَبِيدِ﴾ [سورة قّ: من الآية٢٩].

Adika manao hoe: " Ary zaho dia tsy mpanambaka amin'ireo andevoko ". [Sourat kaaf:29]
Ka ny olombelona dia mahafantatra ny maha samihafa ny totohatra dia lazaina fa fidinana fiakarana, nefa misy olona hafa ny handatsaka azy avy eny amin'ny vovonana, ka ny voalohany dia safidy ary ny fahafoa dia ankaterena.

***6-Ny fanamboarana ny zavaboarin'Allah sy ny asan'ny andevo:***

Allah no nahary ny andevo ary nahary ireo fihetsiny, ary ananao ho azy io fitiavana sy fahafahana, ka ny mpanompo no mpanao mivantana sy ny fahafahana, ka rehefa mino dia amin'ny fitiavana sy filany izany izy, ary efa mikomy dia mpikomy izany

amin'ny fitiavana sy ny filany feno. Sahala amin'ny tenitsika hoe: ity vonkazo ity dia avy amin'ity hazo ity, ary ity voly ity dia avy amin'ny tany ity, dikan'izany dia izy niforona avy aminy ihany, ary ny dikan'ny avy amin'ny Allah dia hoe izy no nahary azy avy aminy ihany ary tsy misy mihitsy ny fifangaroana aminazy roa ireo noho izany dia mifanaraka tsara mihitsy ny lalan'Allah sy ny lahatra nataony,

Hoy ilay Avo manao hoe:

﴿وَاللَّهُ خَلَقَكُمْ وَمَا تَعْمَلُونَ﴾ [سورة الصافات:٩٦].

Adika manao hoe: " Allah no nahary ianareo sy izay ataonareo " [Sourat al-soafa,and: 96]

Mbola niteny ilay Avo hoe:

﴿فَأَمَّا مَنْ أَعْطَى وَاتَّقَى * وَصَدَّقَ بِالْحُسْنَى * فَسَنُيَسِّرُهُ لِلْيُسْرَى * وَأَمَّا مَنْ بَخِلَ وَاسْتَغْنَى * وَكَذَّبَ بِالْحُسْنَى * فَسَنُيَسِّرُهُ لِلْعُسْرَى﴾ [سورة الليل:٥-١٠].

Adika manao hoe: " Fa izay nanome sy natahotra kosa. Ary nilaza marina ny amin'ny valisoa tena tsara. Ankamirainay ho azy ny lalan'ny fahasambarana. Fa ho an'izay kahihitra ary manala tena tsy hanao.Ary nandainga amin'ny filazana ny marina izay mety ahazoana tombotsoa.Hankamoranay ho azy ny lalan'ny fahasarotana ". [Sourata al-laily,and :5-10].

***7- Ny tsy maintsy ataon'ny andevo manoloana ny lahatra :***

**Voalohany:** mangataka vonjy amin'ny Allah amin'ny fanatanterahana ireo didy ary fanalavirana ireo norarana, ary mangataka aminy ny hankamorany ny lalan'ny fahasambarana sy ny hanalavirana ny fahasarotana, ny fanankinana ny zava-ndrehetra aminy ary ny fangatahana vonjy aminy, mampiseho fa mahantra eo anoloany amin'ny fahazoana ny tsara ary famelana ny ratsy.

Hoy ilay Mafatoky hoe: "Tandrovo izay hanananao tombotsoa avy mangataha vonjy amin'ny Allah ianao ary aza reraka. Raha ohatra ka voan'ny voina anakiray ianao dia aza tenenina hoe: raha nanao sahala amin'izao aho dia mety ho ohatrin'izao, nefa teneno hoe lahatry ny Allah iny ary izy no manao izay tiany, rehefa tsy izany dia lasa vahainao ny asan'ny devoly ".

**Faharoa:** ho an'ny andevo ny faharetana amin'izay voalahatra aminy ary tsy tokony hitebiteby, ka tokony hahafantatra fa izany dia avy amin'Allah ka ankasitrahana ary tokony ho raisina, ary tokony hahafantatra fa izay voina rehetra mahazo azy tsy hoe hampanao faotana azy ary izay fahotany tsy izany no hahavoazan'ny voina aizy.

Hoy ilay Mahafatoky Mouhammad (saw):

قال صلى الله عليه وسلم ((وأعلم أن ما أصا بك لم يكن ليخطئك وأن ما أخطأ ك لم يكـــن ليصيبك ))

Izay adika manao hoe :" Ary fantaro fa izay voina nahazo ianao dia tsy noho ny fahotana ary izay nampanota anao dia tsy voatery no hahavoazan'ny voina anao ".

***8-Fankasitrahana ny anjara sy ny lahatra :***

Tokony hanaiky ny lahatra, satria izy io dia anisan'ny mameno ny fanekena fa Allah no nahary an'izao tontolo izao, ka tokony amin'ny mpino tsirairay ny hanaiky ny fandaharan'Allah, satria asan'Allah sy ny fandaharany dia tsara sy marina ary misy antony (misy fahendrena).Ka izay nampitony ny tenany amin'izay zavatra nanjo azy tsy avy amin'ny fahadisoany ary ny fahadisoany dia tsy noho ny zavatra nanjo azy, dia nanala tenany amin'ny fiviliviliana sy ny fisalasalana, ary miala mihitsy eo amin'ny fiainany ny ahiahy sy ny fikorontanana ka ty tokony alahelo amin'ireo izay very azy, ary tsy tokony hiazakazaka amin'ny ho aviny, ary amin'izay fotona izay izy no olona

sambatra indrindra ary tsara amin'izy ireo ary milamin-tsaina indrindra amin'izy ireo, ka izay nahalala fa ny fiainany dia voafetra ary ny rezikiny dia voaisa, ka tsy misy hatavezana fitombo ny andro iainana, ary tsy misy hakikirana hitombo amin'ny rezikiny, ka ny zava-ndrhetra dia voasotra maharitra amin'izay voina rehetra manjo izy ary mangataka famelan-keloka amin'izay faotana vitany ary manaiky amin'izay nandaharan'Allah izy, ka atambany ny fahendrena amin'ny adidy sy faharetana amin'ny voina.
Hoy ilay Avo manao hoe:

﴿مَا أَصَابَ مِنْ مُصِيبَةٍ إِلَّا بِإِذْنِ اللَّهِ وَمَنْ يُؤْمِنْ بِاللَّهِ يَهْدِ قَلْبَهُ وَاللَّهُ بِكُلِّ شَيْءٍ عَلِيمٌ﴾ [سورة التغابن: ١١].

Izay adika manao hoe: "Tsy misy voina mahazo ny olona anakiray afa tsy hoe sitrak'Allah izany, ary izay mino an'Allah dia voahitsy ny fony. Ary Allah dia mahalala ny zava-drehetra".
[Sourat al-taghaboun, and :11].
Mbola niteny ilay Avo hoe:

﴿فَاصْبِرْ إِنَّ وَعْدَ اللَّهِ حَقٌّ وَاسْتَغْفِرْ لِذَنْبِكَ﴾ [سورة غافر: من الآية٥٥].

Izay adika manao hoe: " Mahareta (ianao ry Mouhammad) marina fa toky namen'Allah dia marina ary mangataka famelan-keloka ianao amin'ny fahotanao ". [Sourat al-ghafir, and: 55].

***9-Misy karazany roa ny fahitsiana :***

**Voalohany:** Fahitsiana porofon'ny fahamarinana sy fanoroana, ary izy io dia ho an'ny zava-boary rehetra, ary izy io dia nalahatra amin'ireo iraka sy mpiara-dia amin'izy ireo.
Hoy ilay Avo hoe:

﴿وَإِنَّكَ لَتَهْدِي إِلَى صِرَاطٍ مُسْتَقِيمٍ﴾ [سورة الشورى: من الآية٥٢].

Izay adika manao hoe:"Marina fa ianao dia afaka manoro lalana amin'ny lalan'ny fahitsianao". [Sourat al-shora, and: 52]

**Faharoa:** fahitsiana nankatoavina sy noamarinin'Allah ho fanomezana any aminy ary anjara manokana ho an'ireo andevony manana fatahorana, ary izy io dia tsy misy afaka mandahatra azy io afa tsy Allah.

Hoy ilay Avo:

﴿إِنَّكَ لا تَهْدِي مَنْ أَحْبَبْتَ وَلَكِنَّ اللَّهَ يَهْدِي مَنْ يَشَاءُ﴾ [سورة القصص: من الآية٥٦د.

Izay adika manao hoe: " Marina fa ianao (ry Mouhammad) dia tsy afaka manitsy izay tianao, nefa Allah kosa manitsy izay tiany ". [Sourat al-kisasy, and: 56].

***10-Ny filana ny boky masinan'Allah dia mizara roa :***

**Voalohany:** fitadiavna (fitiavana) ny tontolo voalahatra, ary izy io dia fitiavana feno ny zava-misy rehetra, ka izay tian'Allah dia mety ary izay tsy tiany kosa dia tsy misy mihitsiny. Ary izy io dia miaraka hatrany amin'ny fitadiavana misy, ary tsy miaraka aminy fitiavana sy fanekena afa tsy hoe mifandray amin'ny na fitiavana ara-dalana.

Hoy ilay Avo hoe:

﴿فَمَنْ يُرِدِ اللَّهُ أَنْ يَهْدِيَهُ يَشْرَحْ صَدْرَهُ لِلإِسْلامِ﴾ [سورة الأنعام: من الآية١٢٥].

Izay adika manao hoe: " Izay mitady fa Allah hanitsy izy dia vahan'i Allah ny tratrany ho amin'ny islam ". [Sourat al –an-am,and: 125].

**Faharoa:** fitiavana sy finoana ara-dalana, ary izy io dia fitiavana voatondro sy ny ankohonany ary ny fankasitrahana azy ireo, ary tsy voatery hiaraka ny fisehoan'ny fitiavanana afa tsy hoe mifandray aminazy io ny fitiavana izay noporofoin'ny lalana ara-tsilamo ( sharia).

Niteny ilay avo hoe:

﴿يُرِيدُ اللَّهُ بِكُمُ الْيُسْرَ وَلا يُرِيدُ بِكُمُ الْعُسْرَ﴾ [سورة البقرة: من الآية١٨٥].

Izay adika manao hoe: "Allah dia mitady fahamorana ho anareo ary tsy mitady fahasarotana ho anareo ". [Sourat al-bakara, and: 185].

Ary ny fitiavana ny zava-misy dia tambabe tsy voafaritra satria ny filana ara-dalana dia midika fa filana na fitiavana ny zava misy, ary tsy isaky ny fitiavana zava-misy dia miseho fitiavana ara-dalana, ka ny finoan'i Abou Bakary ohatra dia meseho na voaporofo amin'ny fitiavana anakiroa, ary izay tsy nampiseho io fitiavana ny zava-misy io ohatra fikomian'i Abou Djahly, ary izay tsy voaporofo aminy ny fitiavana ny zava-misy na dia fitiavana ara-dalana ny finoan' Abou Djahly. Ka Allah na dia mitady fahotana amin'ity tontolo ity ara-pitiavana sy lahatra ka izy dia tsy mankasitraka an'izany na ara-pinoana ary tsy mitia an'izany, ary tsy mandidy amin'izany, fa mankahala sy tsy mankatia ary mandrara izany ary hanome sazy izay manao an'izany, ary izany rehetra izany dia araky ny fandaharany.

Fa ny fahendrena sy ny finoana kosa dia tian'Allah ary andidiany ary nanome toky ny tompon'io ny valisoa tsara. Ka izy Allah dia tsy manao zavatra tsy amin'ny fitiavany, ary tsy miseho afa tsy izay tiany.

Hoy ilay Avo:

﴿وَلا يَرْضَى لِعِبَادِهِ الْكُفْرَ﴾ [سورة الزمر: من الآية٧].

Izay adika manao hoe: " Izy dia tsy mankasitraka ho an'ireo andevony ny fikomiana " . [Sourat al-zoumar, and: 7]

Mbola niteny ilay Avo hoe:

﴿وَاللَّهُ لا يُحِبُّ الْفَسَادَ﴾ [سورة البقرة: من الآية٢٠٥].

Izay adika manao hoe: " Allaha dia tsy tia ny haratsiana ". [Sourat al-bakara, and: 205]

***11-Ireo antonym mety fisakanana ny lahatra :***

Nataon'Allah ity fandaharana ity lahatra ity misy antony afaka miaro sy misakana izy ary miala izy io noho ny hataka (دعاء), fanomezana (صدقة)ny fanafody, ny fitandremana, ary ny fampiasana ny fiarovana (fehy), ka ireo rehetra ireo dia avy amin'ny anjara nomen'Allah sy ny lahatra na dia ny fahan-terana sy ny fahiratan-tsaina aza.

***12-Ny olana eo amin'ny lahatra dia tsy ambaratelon'Allah amin'ireo zavaboariny :***

Ny teny hoe lahatra dia tsiambaratelon'Allah amin'ireo zavaboariny voafetra amin'ny ilan'ny misitrika avy amin'ny lahatra, ka ny marinan'ny zava-ndrhetra dia tsy misy mahafantatra azy afa tsy Allah, ary ty misy zanak'olombelona mahafantatra an'izany, ohatra: fa Allah no afaka manary sy manitsy, ary afaka mamono sy mamelona ary afaka manome sy misakana.

Arakan'ny tenin'izay Mahafatoky Mpaminany Mouhammad (saw) hoe :

قال صلى الله عليه وسلم (( إذا ذكر القدر فأ مسكوا )) رواه مسلم

Izay adika manao hoe : "Rehefa nampatsiarovina ny lahatra dia fihinonareo ".
[navoaky ny Moslim].

Fa amin'ny lafin'ny lahatra hafa sy ny toerana misy azy ny ambaratonga ary ny fiantraikany, ka tsara raha hazavaina amin'ny vahoaka izy ity sy ampahafantarina azy ireo, satria ny lahatra dia iray amin'ireo andry iorenan'ny finoana izay tokony ampianarina sy ampahafantarina, sahala tamin'ny tenin'i Mpaminany rehefa nitanisa ny andry iorenan'ny finoana izy tamin'ny Anjely

Gabriely manao hoe: Ity Gabriely tonga hampianatra anareo ny finoanareo ". [navoaky ny Mouslim].

***13-Ny fanandratana ny lahatra :***

Fantan' Allah ny efa lasa amin'izay mbola ho hisy na dia miafian, tsy misy mahafantatra an'izany afa tsy izy, tsy fantan'ny zanak'olombelona ka tsy misy porofo intsony ho an'ny tsirairay ny amin'izany, ary tsy mety ny famelana ny asa anakiray (fanompoana) amin'izay anjara voasoratra aminy, ka ny lahatra dia tsy porofo ho an'ny tsirairay amin'i Allah ary tsy amin'ireo zava-boariny, raha ohatra anefa nekena ho an'ny tsirairay ny hanandra-tena amin'ny lahatra amin'izay nataony amin'ireo zavatra ratsy indrindra dia tsy izay voasazy ny mpanambaka, ary tsy mba tokony novonoina ny mpanompo sampy, ary tsy nampiharina ny sazy, ary tsy natsahatra ny olona anakiray amin'ny fanambakana ary ity no fahasimbana amin'ity finoana ity sy amin'ny fiaianana eto an-tany.

Koa lazaitsika ho an'izay manandra-tena amin'ny lahatra dia tsy misy aminao ny tena fahalalana tony fa ianao dia anisan'ireo olon'ny paradisa na afobe, raha ohatra misy aminao ny fahalalana izay nanirahanay ianao sy tsy nanakanana ianao, nefa manaova ihany ary angahangaha ho eken'Allah ianao ho anisan'ieo eo amin'ny paradisa.

Niteny ny sasany amin'ireo mpiaradia tamin'ny Mpaminany (saw), rehefa naheno ny tantaran'ny lahatra hoe: tsy tena mihezaka aho noho ny amin'izao fotoana izao. Niteny i Mpaminany (saw)rehefa nanontaniana ny momban'ny fisehoan'ny lahatra hoe: " Manova ianareo fa izay mora rehetra dia izay nanamboarana azy, ka raha ohatra moa anisan'ireo mahazo fahasambarana izy dia ho mora aminy ny asan'ireo olon'ny fahasambarana, ary raha ohatra moa anisan'ireo mahazo

jaly dia ho mora aminy ny asan'ireo nahazo ny fijaliana, ary namaky ny tenin'Allah izy:

﴿ فَأَمَّا مَنْ أَعْطَى وَاتَّقَى * وَصَدَّقَ بِالْحُسْنَى * فَسَنُيَسِّرُهُ لِلْيُسْرَى * وَأَمَّا مَنْ بَخِلَ وَاسْتَغْنَى * وَكَذَّبَ بِالْحُسْنَى* فَسَنُيَسِّرُهُ لِلْعُسْرَى ﴾ [سورة الليل:٥-١٠].

"Ka izay nanome sy natahotra. Ary milaza marina amin'ny valisoa tsara indrindra.Hankamorainay aminy ny lalana mankany amin'ny fahasambarana. Ary izay nakikitra ary namela tsy hanao. Ary nandainga hanantena ny valisoa tsara.Hanamora ho azy ny lalana mankany amin'ny fahasarotana".[Sourat al-lail, and:10-15]

***14-Fakana antony :***

Izay zavatra miseho amin'ireo andevo dia anakiroa:

Zavatra ananana fahaizana ka tsy vita ny manao azy,sy ny zavatra tsy ananana fahaizana fa tsy mampahory, ka fihobiana anie no amentsika Allah izay nahafantatra ny fahoriana alohan'ny hisehoany, ary ny fahalalany an'izany dia tsy hoe izy namela ilay voan'ny fahoriana amin'ny fahoriana, fa nihatra noho ny antony fifamaofaon-javatra ny hisehoany, raha ohatra moa no fisehoany noho ny antony hakamoana avy amin'ny olona anakiray ny tsy firaharahiana ny antony sy ny fomba atao izay hiarovana ny fitrangan'izany ary ny finoany no mandidy azy amin'ny fampiasana izany, ka izy io dia tsiny (latsa) amin'ny tsy firaharahana izany amin'ny fiarovana ny tenany ary ny tsy fampiasana azy io amin'ny antony fahazarana izay miaro azy, na dia tsy manana fahefana izy amin'ny fiarovana ity voina ity dia tsy diso izy.

Ka ny fakana anton-javatra anakiray dia tsy misakana ny lahatra sy ny fanantenana, fa izy io dia singa avy aminy ihany, nefa rehefa nihatra ny lahatra dia tsy maitsy ny fanekena sy ny fankasitrahana azy no atao, ary miditra mankany amin'ny teniny

Mpaminany Mohammad (saw) hoe: "lahatran'Allah, ary izy no manao izay tiany ".

Fa alohan'ny hisehoany kosa dia tokony ataon'ny zanak'olombelona ny fakana antony ara-dalana sy izay misakana ny lahatra amin'ny lahatra, ka ireo Mpaminany dia naka ireo antony sy ireo fomba rehetra izay afaka miaro izy ireo amin'ny fahavalon'izy ireo, nefa izy ireo efa nampiana amin'ny alalan'ny fanambarana voa-janahary sy ny fiarovana avy amin'ny Allah , ary ny Mpaminany Mouhammad (saw) izay hoe voalohany mpanatanteraka amin'ny Allah, mbola naka antony nefa izy no matanjaka fanantenana amin'ny Tompony indrindra.
Niteny ilay Avo manao hoe:

﴿ وَأَعِدُّوا لَهُمْ مَا اسْتَطَعْتُمْ مِنْ قُوَّةٍ وَمِنْ رِبَاطِ الْخَيْلِ تُرْهِبُونَ بِهِ عَدُوَّ اللَّهِ وَعَدُوَّكُمْ ﴾ [سورة الأنفال: من الآية٦٠].

Izay adika manao hoe: " Miomana ianareo hanohitra izy ireo, amin'izay fahafahanareo, amin'ny alalan'ny hery sy antoko-miaramila mitaingin-tsoavaly, mba hampatahoatra ireo fahavalon'Allah sy fahavalonareo ". [Sourat al-anfaly, and:60].
Mbola niteny ilay avo hoe:

﴿ هُوَ الَّذِي جَعَلَ لَكُمُ الْأَرْضَ ذَلُولاً فَامْشُوا فِي مَنَاكِبِهَا وَكُلُوا مِنْ رِزْقِهِ وَإِلَيْهِ النُّشُورُ ﴾ [سورة الملك:١٥].

Izay adika manao hoe: " Izy izay nametraka ho anareo ny tany, mandehana ianareo amin'io velarany midadasika io, ary mihinana ianareo amin'io anjara nomenay anareo, any aminy anie ny fitsanganana amin'ny maty ". [Sourat al-moulk, and:15].
Niteny ilay Mahafatoky Mouhammad (saw) hoe:

قال صلى الله عليه وسلم (( المؤمن القوي خير وأحب إلى الله من المؤمن الضعيف وفي كل خير ، احرص على ما ينفعك واستعن با لله ولا تعجز وإن أصا بك شيء فلا تقل لو أني فعلت

كذا لكا ن كذا كذا ، ولكن قل قدر الله ما شا ء الله فعل فان لو تفتح عمل الـــشيطا ن ))

رواه مسلم

Izay adika manao hoe :"Ny mpino matanjaka dia tsara sy tian'Allah noho ny mpino malemy amin'ny hatsarana rehetra, tsinjovo izay mety hahazoanao ny fanantenana an'Allah ary aza kivy, raha voan'ny voina anakiray ianao dia aza miteny hoe: raha nanao ohatr'izay sy ohatr'izao aho dia mety ho ahatr'izao sy ohatr'izao, nefa teneno kosa lahatr'Allah izay tiany ataony,raha tsy izany dia mivaha ny asan'ny devoly ". [navoaky Moslim] .

***15-Fanombanana ireo izay manda ny lahatra :***

Izay manda ny lahatra dia efa nanohitra ny fiandohana amin'ireo fiandohan'ny lalana, ary azo lazaina fa efa nikomy mihitsy.Niteny sasany amin'ireo manampahaizana hoe: tahafonareo ny lahatra amin'ny fahalalana, raha ohatra toherin'areo izy io dia mikomy izany izy ireo, raha ohatra neken'izy ireo kosa izy io dia mifanditra izany izy ireo.

***16-Vokatry ny finoana ny lahatra :***

Ho an'ny finoana ny anjara sy ny lahatra dia vokatra tsara ary manana fiantraika tsara, nanazatra ny vahoaka na andian'olona ny fisian'ny hatsarana anisan'izany:

a- Miteraka ireo karazana fanompoana tsara sy ireo toerana maha te hidera, sahala amin'ny fanankinana ny fitokisana ho an'i Allah irery, ny fanantenana atao aminy, ny fatahorana azy sy ny faniriana ary ny faharetana sy ny fitondrana hery, ny fiadina amin'ny tsy fananana fanantenana, ny fankasitrana izay nataon'Allah, ary fisaorana Allah tokana sy hafaliana amin'ireo fanomezana nomeny sy ny indra-fo, ny fiambaniana amin'ny Allah, ny famelana ny fanambonian-tena sy ny fireharehana, ary miteraka fitiavana manokana amin'ny endrika tsara noho ny fitokisana an'Allah, ary tsy matahoatra nizaniza sy herim-po, ny

fahafaham-po sy voninahitry ny tena, ny fanamboniana fikasana, ny fananana farisihana amin'ny zavatra anakiray, ny fahitsiana amin'ny hafaliana sy ny fahoriana, ny fahasalamana amin'ny fialonana sy ny fanoherana izany, ny fanalavirana ny saina amin'ireo zavatra izay mamily ny finoana ka hankany amin'ny forona sy ireo zavatra diso ary fakana fahafinaretan'ny tena sy fahatonian'ny fo.

b-Marina fa ny mpino ny lahatra dia mandeha ny fiainany amin'ny lalana mitovy, tsy mampihebohebo azy ny hasoavana, ary tsy maha diso fanantenana azy ny voina, tony izy fa izay rehetra mahavoa azy na haratsiana izany dia fandaharan'Allah mba ho fitsapana ataony, ka tsy tokony ho kivy fa maharitra ary mahazo hasoavana.

g- Izy dia miaro amin'ireo antony mety maha very sy ny faharatsian'ny fiafarana, rehefa vokatra ho azy ny ezaka mitohy amin'ny fampitsanganana sy fanaovana ho azy ny tsaratsara kokoa, ny asa soa, ary ny fanalavirana ireo fahotana sy ny fahotana lehibe idrindra.

d-Izy io dia vokatra ho an'ireo mpino manoloana ny fahasarotana sy ny fihetsiky ny fo mitoetra ary ny fitoniana feno miaraka amin'ny fanaovana antony,

Niteny ilay Mahafatoky Mouhammad (saw)hoe:

قال صلى الله عليه وسلم ((عجبا لأمر المؤ من إن أمره كله له خير وليس ذ لك إلا للمؤمن إن أصا بته سراء فكا ن خيرا له ، وإن أصا به ضراء صبر فكا ن خيرا له )) رواه مسلم

Izay adika manao hoe :"Mahagaga ny fiainan'ny mpino anakiray, marina fa ny fiainany manontolo dia hatsarana, ary tsy amin'iza izany afa tsy mpino ihany, rehefa voan'ny hafaliana izy dia misaotra, ka izany no tsara aminy, ary rehefa voan'ny haratsiana izy dia mandefitra, ka izany no tsara aminy ". [Navoaky ny Moslim].

# FIZAHAN-TAKELAKA

AMIN'NY ANARAN'NY TOMPO ALLAH ILAY BE INDRAFO SY BE FIHANTRANA .................................... 2
FANOLORANA............................................................ 2
ANDRY IORENAN'NY FINOANA .................................. 6
ANDRY VOALOHANY: NY FINOANA NY ALLAH. . 11
1) Fanamarinana azy.................................................... 11
Maha zava-dehibe ny fanokanana ny Allah (Tawhid.... 22
2) FAMARITANA NY ATAO HOE FANOMPOANA: ................................................................................ 26
3) Porofon'ny fanokanana an'Andriamanitra :............... 29
NY ANDRY FAHAROA NY FINOANA AN'IREO ANJELY ................................................................ 34
1-Famaritana azy: ........................................................ 34
2/Fombafomba na toetran'ny finoana an'ireo Anjely .... 36
Voalohany: Akora nanamboarana azy ireo: .............. 38
Faharoa : Isan'ireo Anjely........................................ 38
Fahatelo : Anaran'ireo Anjely.................................. 40
Fahaefatra : Toetran'ireo Anjely............................... 40
Fahadimy : Asan'ireo Anjely:............................... 43
Faha enina : Zon'ireo Anjely amin'ny taranaka Adama: ................................................................................ 45
Vokatry ny finoana ireo Anjely :.................................. 45
NY ANDRY FAHATELO : NY FINOANA IREO BOKY REHETRA............................................................. 47
(1) Fahamarinan'ny finoana an'ireo boky rehetra:........ 48
(2) Lalana misy ny finoana ireo boky rehetra : ............. 48

(3) Ny filan'ny zanak'olombelona ireo boky ireo sy ny antony nampidinana azy: .............................................. 49
(4)Toetoetry ny finoana an'ireo boky ireo: .................... 50
(5)Fanekena ny vaovaon'ireo boky taloha : ................... 52
(6)Ireo boky nampidin'Allah izay voalaza ny anaran'izy ireo amin'ny Coran sy ny Sounnat : .............................. 54
NY ANDRY FAHA EFATRA NY FINOANA AN'IREO IRAKA ......................................................................... 59
1) Ny finoana an'ireo iraka, azy ireo anie ny fandriam-pahalemana : .......................................................... 59
2) Fanamarinan'ny faminaniana .................................... 60
3) Ny antony nanirahana an'ireo iraka: ......................... 61
4- Asan'ireo iraka (azy ireo anie ny fandriam-pahalemana): ......................................................... 63
5- Ny Islam  dia finoan'ireo Mpaminany rehetra: ......... 65
6) Ireo iraka dia olombelona ka tsy mahafantatra ny miafina: ............................................................... 66
7) Tsy fanontan'ireo iraka (fiarovana an'ireo iraka): ..... 67
8- Isan'ireo Mpaminany sy Iraka ary ny tsara indrindra (na ny manana ambaratongam-pahefana ambony amin'izy ireo): ....................................................... 69
9) Ny fahagagan'ireo Mpaminany (fandriam-pahalemana anie ho azy ireo) ....................................................... 73
10)Ny finoana ny faminanian'ny Mpaminanintsika Mouhammad (saw): ....................................................... 74
NY ANDRY FAHADIMY   NY FINOANA NY ANDRO FARANY ............................................................... 85
1-Ny finoanana ny andro farany: ................................. 85

2-Toetry ny finoana ny andro farany............................ 90
3-Fiantraikan'ny finoana ny andro farany: .................. 111
-NY ANDRY FAHA ENINA NY FINOANA NY LAHATRA. ......................................................................... 112
1-Famaritana ny atao hoe lahatra sy ny mahazava-dehibe ny finoana an'izany :................................................. 112
2-Ambaratongan'ny lahatra ........................................ 112
3-Fizaran'ireo tombatombana :.................................. 115
4-Finoan'ireo manampahaizana taloha ny amin'ny lahatra ........................................................................... 115
5-Fihetsikin'ny andevo : ............................................ 117
6-Ny fanamboarana ny zavaboarin'Allah sy ny asan'ny andevo: ........................................................................ 118
7- Ny tsy maintsy ataon'ny andevo manoloana ny lahatra : ........................................................................... 119
8-Fankasitrahana ny anjara sy ny lahatra : ................. 120
9-Misy karazany roa ny fahitsiana : ........................... 121
10-Ny filana ny boky masinan'Allah dia mizara roa : 122
11-Ireo antonym mety fisakanana ny lahatra : ........... 124
12-Ny olana eo amin'ny lahatra dia tsy ambaratelon'Allah amin'ireo zavaboariny : ............................................ 124
13-Ny fanandratana ny lahatra : ................................ 125
14-Fakana antony : .................................................. 126
15-Fanombanana ireo izay manda ny lahatra :............ 128
16-Vokatry ny finoana ny lahatra :............................. 128
FIZAHAN-TAKELAKA ............................................. 130

# أركان الإيمان

باللغة المدغشقرية

# أركان الإيمان

باللغة المدغشقرية

ترجمه/أليد سوفو